



ONIVERSITEN'ANTANANARIVO
SEHATRA ZAVA-KANTO, TENY AMAN-TSORATRA ARY
SIANTSAN'NY MAHA OLONA
ZANATSEHATRA MALAGASY
ZOTRAM-PIOFANANA FANDINIHANA NY LAHABOLANA
MALAGASY
MARI-PAHAIZANA: MASITERA

**NY FAMPITAN-KAFATRA OMBAM-
PANABEAZANA AO AMIN'NY ANGANO
NANGONINA TAO AMIN'NY FOKONTANY
FIADANANA ANTSIRABE I**

Mpanatontosa: RAFARASOA Célestine

Mpitarika : RAZANAMANANA Marie Jeanne, *Professeure*

RATSIMBAZAFY MINOSON Laingo Ny Hasina, *Maître de conférences*

10 Février 2021



ONIVERSITEN'ANTANANARIVO
SEHATRA ZAVA-KANTO, TENY AMAN-TSORATRA ARY
SIANTSAN'NY MAHA OLONA
ZANATSEHATRA MALAGASY
ZOTRAM-PIOFANANA FANDINIHANA NY LAHABOLANA
MALAGASY
MARI-PAHAIZANA: MASITERA

**NY FAMPITAN-KAFATRA OMBAM-
PANABEAZANA AO AMIN'NY ANGANO
NANGONINA TAO AMIN'NY FOKONTANY
FIADANANA ANTSIRABE I**

Mpanatontosa: RAFARASOA Célestine

Mpitarika : RAZANAMANANA Marie Jeanne, *Professeure*

RATSIMBAZAFY MINOSON Laingo Ny Hasina, *Maître de conférences*

TENY FISAORANA

“Ny hazo no vanon-ko lakana ny tany naniriany no tsara”. Izao asa fikarohana izao kosa no tontosa dia teo ianareo izay nifanome tanana taminay. Koa toloranay fisaorana ombam-pirarian-tsoa, ianareo isan-tsokajiny avy:

- Tolorana fisaorana ny Filohan’ny Oniverisiten’Antananarivo.
- Isaorana ny Sojaben’ny Sehatra Zavakanto ary ny Siantsan’ny maha Olona.
- Tolorana fisaorana toy izany koa ny Tompon’andraikitry ny Zana-tsehatra Malagasy.
- Isaorana ny Tompon’andraikitry ny Ivon-toeran’ny Teny amana Arika momba ny Zavatra sy Olona MALagasy.
(ITAZOMA/CIRAM)
- Tolorana fisaorana ny Tompon’andraikitry ny Zotram-piofanana OLCM (Oralité, Littérature dans le Contexte Malgache).
- Isaorana ny Tompon’andraikitry ny “Lasi-pikarohana momba ny Lahabolana sy ny Oha-pitenenana Malagasy” (LLOM)
- Fisaorana sy fankasitrahana feno no atolotra an-dRamatoa RAZANAMANANA Marie Jeanne «*Professeure*» sy Ramatoa RATSIMBAZAFY MINOSON Laingo Ny Hasina, «*Maître de conférences*» izay nanao ny ain-tsy ho zavatra, nanana fandavan-tena nanoro sy nanitsy tamin’izao asa fikarohana izao.
- Tolorana fisaorana ianareo mpampianatra rehetra eto amin’ny Zana-tsehatra Malagasy, nanolokolo anay nanomboka tany amin’ny taona voalohany ka hatramin’izao dingana izao.
- Tolorana fisaorana ny vondron’ny mpitsara amin’izao fanohanana ny asa fikarohana izao izay tarihin’ny filohany.
- Isaorana ihany koa ireo rehetra nanampy anay tamin’ny fanomezana ny akora iasana tamin’izao asa fikaroana izao .

- Tsy hainay ny tsy hisaotra ireo ray aman-dreny, ny iray tam-po, ny fianakaviana tsy an-kanavaka, nanohana sy nanampy anay tamin'ny lafiny rehetra.
- Tsy hadinoina koa ny namana rehetra nifanohana taminay.

Sitraka sy telina tompoko izay rehetra nataonareo! Koa misaotra indrindra tompoko!

RAFARASOA Célestine

VANGOVANGO

<i>TENY FAMPIDIRANA</i>	10
FIZARANA VOALOHANY <u>NY</u> ENDRIKY NY SERASERA ANKAPOBENY EO AMIN' NY ANGANO FANANARANA ANKEHITRINY.	17
1.1. Ny sehatra fampiasa amin'ny angano.....	18
1.2. Ny fotoana	25
1.3. Ireo mpiantsehatra sy mpandray anjara.....	28
FEHIN'NY FIZARANA VOALOHANY	35
FIZARANA FAHAROA <u>IREO</u> KARAZAN-KAFATRA MIVOY FANABEAZANA AO AMIN'NY ANGANO.....	36
2.1. Hafatra momba ny fitondran-tena	37
2.2. Hafatra momba ny fady	45
2.3. Hafatra miresaka ny fivadibadiham-piainana.....	49
FEHIN'NY FIZARANA FAHAROA	55
FIZARANA FAHATELO <u>IREO</u> PAIKA MAMPAHOMBY NY FAMPITAN- KAFATRA AO AMIN'NY ANGANO.....	56
3.1- Ny fampiasana ny teny.....	57
3.2. Ny fifehezana ny famoronana	68
3.3. Ny fampiasana fihetsika sy fomba hanehoana ny hafatra	72
FEHIN'NY FIZARANA FAHATELO	76
TENY FAMARANANA	77
<i>LOHARANO NANOVOZAN-KEVITRA</i>	81
<i>VONDRONA AMBARA</i>	84
TOVANA.....	120
<i>FIZAHAN-TAKILA</i>	122
MOMBA NY BOKY	

FINTINA

Miompana amin'ny literatiora am-bava ity asa fikarohana ity izay mitondra ny lohateny hoe : “Ny *fampitan-kafatra ombam-panabeazana ao amin'ny angano nangonina tao amin'ny fokontany Fiadanana Antsirabe I*”. Akora fototra niaingana tamin'izao asa izao ny angano nangonina tao amin'ny fokontany Fiadanana Antsirabe I. Tanjona amin'izao asa izao ny hanambara ny fomba fampiasan'ny fiarahamonina any an-toerana ny angano sady haneho ny maha mora ny fampitan-kafatra ao amin'ny angano. Haitsikera roa no fitaovana nentina nitrandraka ny akora. Voalohany, ny haitsikera mifototra amin'ny am-bava izay nosoratan'i ZUMTHOR P. (1983), *Introduction à la poésie oral*. Manaraka izany, ny haitsikera miorina amin'ny ny famoronana nataon'i CHELEBOURG C., (2000). *L'imaginaire littéraire*. Mizara telo lehibe ny asa ka ao amin'ny fizarana voalohany, hampahafantarana ny endrika isehoan'ny serasera ankapobeny eo amin'ny angano fananarana ankehitriny. Manaraka izany, ny hampahafantarana ireo karazan-kafatra mivoy fanabeazana ao amin'ny angano. Ao amin'ny fizarana fahatelo, anehoana ireo paika mampahomby ny fampitan-kafatra ao amin'ny angano

Teny toro : *lahabolana am-bava, angano, fampitan-kafatra, Antsirabe*

RESUME

Notre recherche s'inscrit dans le domaine de la littérature orale. Il s'intitule «*Ny fampitan-kafatra ombam-panabeazana ao amin'ny angano nangonina tao amin'ny fokontany Fiadanana Antsirabe I*». Nous avons pris comme corpus les contes recueillis dans le fokontany Fiadanana Antsirabe I. Le but de ce travail est de révéler comment les communautés locales utilisent les contes et d'illustrer à quel point il est facile de communiquer dans les contes. Pour nous guider à la réalisation de cette recherche, nous avons choisi deux théories. D'abord, la théorie qui est fondée sur la littérature orale de ZUMTHOR P. (1983) dans son ouvrage *l'introduction à la poésie orale*. Ensuite, la théorie de la création de CHELEBOURG C., (2000) dans son ouvrage *L'imaginaire littéraire*. Cette recherche se divise en trois grandes parties. Dans la première partie, nous allons voir les éléments constitutifs et l'aspect communicationnel des contes en performance. Les types de message véhiculés dans les contes seront explicités dans la deuxième partie. Enfin, dans la troisième partie, nous allons démontrer les stratégies de communication et les différentes formes d'expressivité à travers les contes.

Mots clés : littérature orale, conte, communication, Antsirabe.

ABSTRACT

Our research is linked to the field of literature. We are focusing in the oral literature. We have taken as corpus-chosen the myth. It is collected in fokontany Fiadanana of Antsirabe region. The aim of this work is to reveal how local communities use the myths and to illustrate how easy it is to communicate in the myths. That is the reason why we have entitled this study : «***Ny fampitan-kafatra ombam-panabeazana ao amin'ny angano nangonina tao amin'ny fokontany Fiadanana Antsirabe I***». To guide us to the achievement of this research, we have chosen the four theories. The first, the oral literature theory of ZUMTHOR P. (1983) in his work : *l'introduction à la poésie orale*. The second, the theory of creation of CHELEBOURG C., (2000) in his work : *L'imaginaire littéraire*.

This research is divided into three main parts : in the first part, we will see the constituent elements and the communicational aspect of the performance tales. The types of the message conveyed in the stories will be explained in the second part. Finally, in the third part, we will demonstrate communication strategies and the different forms of expressiveness through storytelling.

Keywords : oral literature, myth, communication, Antsirabe

LISITRY NY FAFANA

Fafana I: Ireo angano mampita hafatra momba ny fitondran-tena.....	39
Fafana II: Ireo angano maneho ny hafatra momba ny fady	46
Fafana III: Ireo angano ahatarafana ny fivadibadiham-piainana	50
Fafana IV: Lisitry Ny Angano	86

LISITRY NY FANAFOHEZAN-TENY

A : Angano
Isa : Laharan'ny angano
tak : takila

LISITRY NY KISARY

Sary I: Sary eo amorom-patana.....	20
Sary II: Sary anehoana ireo olona manao raharaha eny an-tanimboly sady mitantara angano.....	22
Sary III: Sary fampahafantarana ireo olona sady mandeha eny an-dalana no mitantara angano.....	23
Sary IV: Kisary maneho ny fifandraisan'ny mpitantara sy ny mpihaino	29
Sary V: Kisary fanehoana ny fifandraisan'ny mpiantsehatra voalohany.....	30
Sary VI: Sary fanehoana ny olon-dehibe mitantara angano amin'ny ankizy.....	31
Sary VII: sary maneho ny fifandraisan'ny mpiantsehatra faharoa.....	31
Sary VIII: sary anehona ireo samy ankizy mitantara angano	31
Sary IX: Kisary anehoana ireo singa mandrafitra ny fampitan-kafatra an-teny arak'i JAKOBSON	58
Sary X: maneho ny “anaphore“	64
Sary XI: maneho ny “épiphore“	66
Sary XII: maneho ny “anadiplose”	67

TENY FAMPIDIRANA

Maha firenena ny firenena iray ny fananany kolontsaina mampiavaka azy amin'ireo firenen-kafa. Tafiditra ao anatin'ny kolontsaina mampiavaka ny firenena malagasy ny literatiorany. Mizara roa mazava tsara ny literatiora malagasy dia ny literatiora am-bava sy ny literatiora an-tsoratra. Amin'izao asa izao dia nifidy ny hanao fikarohana mikasika ny literatiora am-bava izahay izay nandraisana ny angano nangonina tany amin'ny fokontany Fiadanana kaominina Antsirabe I. Mirakitra ny kolontsaina izay tian'ny Ntaolo nampitaina tamin'ny taranaka tokoa raha ny angano. Ny kolontsaina mantsy dia toetra, fomba fiaina sy fomba fisaina ary fomba fiasa iombonana ateraky ny fahitana sy fiheveran'ny fiarahamonina ny zavaboary, ny trangan-javatra rehetra miseho. Mirakitra fahalalana izy ireny, fahalalana momba ny lafin-javatra sy ny lafim-piainana misy. Mitahiry fahendrena koa izy, ao anatin'izany ny toetra soa entina manavaka ny tsara sy ny ratsy ka anaovana ny tsara sy ialana amin'ny ratsy. Izy ireny no nandrafetana fomba fiasa mahomby nentina namahana ny olana samihafa teo amin'ny fameloman-tena sy ny fanakarana ny mbola tsy fantatra ary ny fifandraisana amin'ny hafa sy ny mpiara-monina. Miompana indrindra amin'ny fampiasan'ny fiarahamonina ao amin'ny fokontany Fiadanana ireo fahalalana sy fanabeazana voarakitry ny angano ity asa fikarohana ity, izay ijerena manokana ny fomba fampitan-kafatra amin'ny taranaka ankehitriny ao an-toerana ihany.

0.1. Anton'ny safidy

Lafin-javatra telo no nahatonga ny fisafidianana hanao izao asa fikarohana izao : ny sehatra, ny lohateny ary ny toerana nanaovana fanangonana :

0.1.1. Eo amin'ny sehatra

Nifidy ny hirotsaka ao amin'ny sehatry ny literatiora am-bava izahay amin'ity asa fikarohana ity satria mbola betsaka ny fikarohana azo trandrahina ao aminy. Nanambara izany koa IMBE J. (1976 : 97) fa :

“(...) midadasika tokoa ny sehatra fikarohana azo atao momba ny literatiora am-bava, ary maro tokoa ny zavatra tsy mbola voatrandraka.”

Raha ny angano manokana no horesahina dia efa maro ireo mpikaroka tao saingy araka

ny voalazan' i IMBE J. io dia mbola misy hatrany ny tokony hanaovana fikarohana. Antony ny nirotsaka ato anatin'ity sehatra ity ihany koa ny fitiavana te hampiroborobo

ny literatiora am-bava amin'ny alalan'ny asa fikarohana. Ny literatiora am-bava tokoa mantsy - ao anatin'izany ny angano- dia fampitan-kafatra am-bava amin'ny endrika kanto ary mitahiry ny fomba fiheveran'ny vondron'olona na foko na faritra iray ka mendrika hodinihina.

0.1.2. Eo amin'ny toerana nanaovana fanangonana

Nofidina manokana ny fokontany Fiadanana Antsirabe I hanaovana ny fanangonana ny akora ampiasaina satria isan'ny faritra ivezivezen'ny teratany vahiny maro izy ary betsaka koa izy ireo no tonga manorim-ponenana ao an-toerana. Na dia izany aza anefa dia tsy saron'ny kolontsain'izy ireo akory ny kolontsaina malagasy ao an-toerana fa mbola ampiasain'ny fiarahamonina tsara, isan'ireny ny angano izay nanaovanay fikarohana. Mbola voatazona ny fampiasana ny angano any an-toerana. Mahaliana anay araka izany ity toerana ity satria nahafahanay nanao fikarohana malalaka tsara rehefa nahazo alalana izahay.

0.1.3. Eo amin'ny lohateny

Tsy nisalasala izahay noho izany nifidy ny lohateny hoe : “*Ny fampitan-kafatra ombam-panabeazana ao amin'ny angano nangonina tao amin'ny fokontany Fiadanana Antsirabe I*” amin'ity asa fikarohana ity. Nofidiana io lohateny io satria io fampitan-kafatra sy fanabeazana fonosin'ny angano io no tena antony ampiasan'ny fiarahamonina any an-toerana ny angano. Havohitra ny fisehon'izany ato amin'ny asa iray manontolo : ny fampiasan'ny olona azy any an-toerana mivantana sy ny fomba fanehoany ny fampitan-kafatra ao anaty.

0.2. Petraka olana

Araka ny zava-misy any amin'ny faritra nanaovana fanangonana dia maro ireo tera-tany vahiny no mifamezivezy any. Mampiahiahy araka izany ny fahasimban'ny kolontsaina malagasy ka nahatonga anay hanao fanadihadiana mahakasika izany ka ny angano no nofidinay hijerena izany fahasimbana izany. Napetraka tamin'izany ny fanontaniana hoe mbola misy sy ampiasain'ny fiarahamonina amin'ity faritra ity ve ny angano? Araka ny valin-teny sy ny fikarohana tamin'ny alalan'io fanontaniana

nanitikitika ny sainay io no nahalalana fa mbola voatana tsara ary fampiasan'ny olona ny angano mba hifanabeazan'izy ireo. Manao ahoana àry ankehitriny ny fomba fisehon'ny angano, raha ny tao amin'ny fokontany Fiadanana Antsirabe I manokana no jerena?

0.3. Petra- kevitra

Manoloana io fanontaniana io dia manana ny fomba fisehony ankehitriny ny angano, na eo amin'ny fomba fitantarana izany na eo amin'ny fomba fanatanterahana azy na koa eo amin'ny votoatin-kafatra ampitaina mihitsy. Ankoatra ireo endrika an-kalamanjana na amorom-patana mahazatra dia efa nahitana fivoarany ihany koa ny fitantarana sy ny fampiasana ny angano rehefa nolovain'ny taranaka aty aoriana. Anisan'ny fivoarana fahita amin'izao fotoana izao ny fampiasana ny teknôlôjia mba hahafahana mifandray, mba hahafahana mifanerasera sy mifampita fahalalana. Efa heno amin'ny fandaharana misy amin'ny onjam-peo any an-toerana ny fitantarana angano izay mampiely malaky azy ho ren'ny olona indrindra fa ny ankizy izay tena kendrena aminy. Ilay angano tantaraina koa dia ahitana tetika sy paika entin'ny mpamorona azy mba hisarihana ny sain'ny olona mandre ny angano. Manamora ny fampitan-kafatra amin'ny angano io tetika sy paika io ka vetivety dia tafita ny hafatra sy anatra ampitaina. Tafiditra ao anatin'izany ny filalaovana teny na sarin-teny, ny fampiasana fihetsika izay alaina sary an-tsaina, ny fandraisana mpandray anjara hifanaraka amin'ny tranga tantaraina. Ilaina araka izany ny haneho ireo rehetra ireo mba hamaliana ny fanontaniana hovahana amin'izao asa fikarohana izao.

0.4. Tanjon'ny asa fikarohana

Misy ny tanjona tiana hotratrarina amin'izao asa fikarohana izao :

Tanjona ankapobeny :

- Mba hampahafantatra ny fomba fisehon'ny angano, araka ny hita ao amin'ny fiarahamonina any an-toerana ankehitriny.

Tanjona manokana :

- Tanjona manokana voalohany amin'izany ny hijery ny fomba fanatanterahana ny angano, ankehitriny.
- Tanjona manokana faharoa kosa, ny hanakatra izay hafatra fonosin'ny angano.
- Tanjona manokana farany, hamantatra ireo paika nentina nampita ny hafatra.

0.5. Ny mpialoha lalana

Efa nambaranay teny am-piandohana fa ny lahabolana am-bava “angano” no akora fototra iaingana amin'ny fandinihana. Manodidina io lohahevitra io dia tsy izahay no vao hisantatra izao fikarohana izao fa efa nisy ireo zoky teo aloha nanangona sy nandinika momba ny angano. Teo ireo nanao fanangonana ny angano toan-dry :

- DHALES sy SIMS tamin'ny 1984, izay narafiny ho boky ka nampitondrainy ny lohateny hoe : “Ny anganon’ny Ntaolo”.
- RAZAFINDRAMIANDRA N.M tamin'ny taona 1994, ka ny antony nanaovany izany dia ny hitehirizana ny kolontsaina malagasy tsy ho very tadidy. Efa navoakany ho boky ireo angano voaangony ka nampitondrainy ny lohateny hoe “angano malagasy nofohazina”.

Teo ihany koa ireo zoky nikirakira ny angano efa voaangona toa an-dry :

- RASOLOFOMANANTSOA F. tamin'ny " *mémoire de maîtrise* " nataony ka ny "Angano sy ny fampianarana riba ao amin'ny kilasy faharoa" no nanompanany ny asa fikarohany tamin'izany.
- RATELOLAHY dia nandinika ny "Fomba fampianarana ny teny malagasy miaingana amin'ny angano" tao amin'ny " *mémoire de maîtrise* " nataony.
- RAHOLISOA A. dia nanao fikarohana momba ny angano ka ny lohateny noraisiny tamin'izany ny "Analyse linguistique de quelques contes des : conte et légende de Madagascar" de Rabearisoa. Nasongadiny tamin'izany ny fandinihana ny teny ampiasaina ao amin'ny angano.
- RASOAMIADANA M. tao amin'ny asa fikarohana nataony ka ny lohateny nodinihiny tamin'izany dia ny "*Le statut de la femme malgache à travers les contes*". Nodinihiny tamin'io asany io ny fiheverana ny vehivavy malagasy araka ny hita amin'ny angano. Nasongadiny tamin'izany fa tsy nomena anjara toerana firy ny vehivavy teo amin'ny fiarahamonina noho izy ireny lazaina fa fanaka malemy.
- RANDRIAMPENOMANANA kosa nanao fikarohana momba ny angano fandefa an'onjam-peo na ny angano maoderina izay ahazoana ny mari-pahaizana «D.E.A», ka ny nanompanany ny asany tamin'izany dia hoe «Ny kanto sy ny fanabeazana avohitry ny angano maoderina, nosoratan’i ARIKAOMSA RANDRIA ENERSA.

Miompana amin'ny angano avokoa ny asa fikarohana nataon’ireo zoky ireo. Na izany aza mbola misy ny fandinihana tokony hatao mikasika ny angano. Koa ho

fanantevenana ny ezaka izay efa nataon'izy ireo momba ny angano izao asa fikarohana ataonay izao.

0.6. Ny fomba fiasa

Mizara telo ny fomba fiasa tamin'ity asa ity, ka teo ny fanangonan-kevitra tamin'ny alalan'ny boky sy ny fidinana an-tsehatra ary ny firosoana tamin'ny fitrandrahana ny akora voaangona.

Ny voalohany indrindra nirosoana dia ny fanangonan-kevitra. Tsy natao ambanin-javatra ny vaky boky mialoha sy mandritra ny asa satria tsy azo atao velively ny mitompo teny fantatra indrindra fa amin'ny fikarohana tahaka itony. Fitaovana mahomby eo amin'ny asa fikarohana izy. Hoy RAVELOJAONA (1908), raha nilaza ny fahitany ny maha zava-dehibe ny boky :

"(...) hanin'ny saina, izay ny boky. Sakaiza malemy fanahy ny boky, mahafatrapo (...). Namana tsy mivadika, mpampianatra be fitiavana, azo anaranam-po (...), atao mpitondra izy mety, ampiasaina tsy mandà manoro, mpampianatra (...)".

Fomba fiasa faharoa, ny fidinana an-tsehatra. Nirotsaka an-tsehatra tao amin'ny fokontany Fiadanana kaominina Antsirabe I izahay nanangona ny akora. Nisy ny lalam-piasa narahina teo amin'ny fanangonana na "méthode de collecte". Isan'ny nampiharina betsaka tamin'izany ny fomba fanangonana nataon'i NDIAYE R., (1996). *La tradition orale, typologie et méthodologie de collecte*. Teo ny fanomanana ny fanontaniana mialoha, ny fitaovana ampiasaina, ka nampiasana tamin'izany fitaovana mifanaraka amin'ny fanangonana ny akora toy ny fitaovam-panoratana sy fandraisam-peo.

Fomba fiasa fahatelo, ny fikirakirana ny akora avy hatrany rehefa voaangona. Nodinihina tsirairay ary nosokajiana izay mitovy sokajy. Tamin'ny alalan'izany no nahafahana nandravona ny hafatra tiana hampitaina.

0.7. Ny haitsikera

Noraisina ho arofanina voalohany amin'izao asa izao ny haitsikera'i ZUMTHOR P. (1983). *Introduction à la poésie orale*. Asongadiny ao fa aina mamelona ny lahabolana am-bava ny feo ka mandray anjara betsaka eo amin'ny fanatontosana an-tsehatra. Toy izany koa ny mpiantsehatra sy ny mpihaino na ny mpanatrika, ny fotoana sy ny toerana na ny sehatra anatontosana, indrindra indrindra ny fihetsika enti-maneho ny angano. Nampiasaina koa ny haitsikera'i CHELEBOURG C., (2000). *L'imaginaire littéraire*. Ity haitsikera ity dia manasongadina fa manana anjara toerana lehibe eo

amin'ny literatiora ny fahaizana mampivoaka ny sary an-tsaina amin'ny famoronana zava-kanto. Nasongadiny ao amin'io boky io ny hampahafantatra ny tsirairay ireo fitaovana sy ireo famantarana tena ilaina amin'ny fandinihana akaiky ny famoronana « *imaginaire* » izany hoe, ny fifandraisan'ny sary an-tsaina eo amin'ny mpamorona sy

ny mpandray hafatra na mpihaino. Noho izany dia entina hanazavana ny fifandraisan'ny sary an-tsaina asehon'ny mpamorona ny angano eo amin'ny fampiasana mpandray anjara, fotoana, sehatra izay voaresaka ao amin'ny haitsikeran'i ZUMTHOR P. ity haitsikera ity. Noho izany ilaina eo amin'ny fandinihana izao asa izao izy io mba hanehoana izany fifandraisana izany eo amin'ny fampitan-kafatra.

Anisan'ny boky nampiasana tamin' ity asa ity koa ny « *Essais de linguistique générale* », nosoratan'i JAKOBSON R. (1963) hanazavana ny fandinihana ireo mpandray anjara voaresaky ZUMTHOR P. Izany dia entina hanamafisana ny maha fitaovana fampitan-kafatra ny angano ao amin'ny fiarahamonina. Nambaran'i JAKOBSON R. (1963 : 35) fa :

« *tsy maintsy misy mpandray anjara roa farafahakeliny ao amin'ny fampitan-kafatra dia ny mpandefa hafatra sy ny mpandray hafatra* ».

Nampisaina ihany koa ny boky "*Les figures des styles*" nosoratan'i BACRY P. (1993) nandinihana ny angalim-panehoana eo amin'ny fanatontosana am-bava ny angano, nanamafisana ny nambaran'i ZUMTHOR P. hatrany. Karazan-tsarin-teny maro no asehon'ity boky ity fa izay manan-danja amin'ny fampitan-kafatra ihany no nojerenay.

0.8. Fetran'ny asa fikarohana

Na maro aza ireo angano voaangona eto Madagasikara dia noferanay ho ny angano izay nangoninay tao amin'ny fokontany Fiadanana kaominina Antsirabe I ihany no nanaovanay fikarohana sy nanomezanay lohateny entina hodinihina amin'izao asa fikarohana izao. Natao izany mba hampifintina ny asa fikarohana amina toerana voafaritra mazava tsara sy tsy hampivaona ny asa.

0.9. Fanolorana ny drafitra

Ahafahana mijery ireo fomba fisehon'ny angano any an-toerana ankehitriny àry dia toy izao ny drafitra ho hitantsika amin'ity asa ity :

- Ao amin'ny fizarana voalohany, ny fampahafantarana ny endriky ny serasera ankapobeny hita eo amin'ny angano fananarana ankehitriny.

- Manaraka izany, ny fampahafantarana ireo karazan-kafatra mivoy fanabeazana ao amin'ny angano.

- Ao amin'ny fizarana fahatelo, fanehoana ireo paika mampahomby ny fampitan-kafatra ao amin'ny angano ankehitriny.

**FIZARANA VOALOHANY
NY ENDRIKY NY SERASERA
ANKAPOBENY EO AMIN' NY ANGANO
FANANARANA ANKEHITRINY.**

Manana ny mampiavaka azy amin'ny karazana literatiora ny angano eo amin'ny lafin'ny fampitan-kafatra. Hita izany eo amin'ny sehatra anehoana ny angano tamin'ny namoronana azy, na amin'ny sehatra nanaovana ny fitantarana mivantana amin'ny mpihaino. Anisan'ny manan-danja amin'ny fanehoana ny angano koa ny fotoana noraisina itantarana azy, misy heviny izany tamin'ny fampiasan'ny Ntaolo azy. Ny mpandray anjara koa dia anisan'ny fitaovana lehibe tena mitana anjara asa izay nampiasaina ampitana ny hafatra, na ny mpandray anjara amin'ny fitantarana izany na ny mpandray anjara amin'ny ao anatin'ny tantara noforonina.

1.1. Ny sehatra fampiasa amin'ny angano

Manana anjara toerana eo amin'ny fampitan-kafatra ao amin'ny angano ny sehatra anatontosana noho izy tsy afa-misaraka amin'ny fanehoana am-bava. Nambaran'i ZUMTHOR P. (1983 : 230) fa :

“Mandalo amin'ny fanatontosana an-tsehatra avokoa ny lahabolana am-bava na inona na inona karazany”¹.

Amin'ity asa fikarohana izay ataonay ity dia nozaraina roa ny fomba ijerena ny sehatra fampitan-kafatra amin'ny angano :

- Ny sehatra nanatanterahan'ny mponina tany an-toerana ny angano izay antsoinay hoe sehatra ivelany na sehatra fanatontosana.
- Ny sehatra ao anaty fitantarana izay antsoinay hoe sehatra anatin'ny.

1.1.1. Ny sehatra fanatontosana ny angano na “ny sehatra ivelany”

Ato amin'ity zana-pizarana ity no ijerena ny fivoaran'ny sehatra fitantarana angano any an-toerana oharina amin'ny sehatra fampiasa taloha. Hojerena ireo satria ahafahana mahita ny fomba fampiasan'ny fiarahamonina any an-toerana amin'izao fotoana izao ny angano. Dinihina amin'izany raha voatanan'izy ireo ny fomba tany aloha amin'ny fampiasana ny angano. Ndeha àry aroso voalohany ny sehatra fampiasan'ny Ntaolo amin'ny fitantarana angano hatramin'izay.

¹ N'importe quel genre de poésie orale passe occasionnellement par ce type de performance.

1.1.1.1. Sehatra fanatontosana taloha

Ny lahabolana rehetra dia samy manana ny endrika isehoany avokoa eo amin'ny fanehoana an-tsehatra. Nambaran'i ZUMTHOR P (1983 : 155) fa :

*“Voafaritra mazava ny toerana sy ny fotoana ifanatrehan'ny mpitantara sy ny mpihaino”*².


Ny hiragasy ohatra dia tanterahina amina sehatra miendrika faribolana. Izany hoe, ireo mpiantsehatra amin'ny hiragasy dia manao endrika faribolana eo ambony sehatra ary ireo mpihaino koa mihodidina manatrika azy ireo toy izany. Ny fanatontosana ny angano taloha kosa dia mifanatrika ny mpitantara sy ny mpihaino, amin'izany dia samy mipetraka izy ireo ary teo amorom-patana. Eo anoloan'ny mpihaino ny mpitantara angano no mipetraka. Izany no atao dia mba hahafahan'ny mpihaino mandre sy mahita tsara izay zavatra rehetra ataon'ny mpitantara. Natao izany mba tsy hatorian'ny ankizy mandra-pamasaky ny vary.

Indro àry misy sary entina maneho izany, izay nalaina tao amin'ny tranonkala tamin'ny fonona boky misy ny angano diabolana nosoratan'i ARIKAOMSE RANDRIA.³ Voazavan'ity sary ity ny endriky ny fitantarana angano tamin'izany andro izany. Hita fa teo amorom-patana tokoa no mipetraka ny mpitantara sy mpihaino ary mifanatrika. I Dadabe eto no mpitantara ary ankizy efatra no tazana amin'ny sary mihaino ny fitantarana ataon'ny Dadabe.

² “La nature du lieu, propre à réunir un public mêle, pendant une durée déterminée”.

³ <http://www.editions-jeunes-malgaches.mg/livre/angano-diabolana-2/Angano>

Sary I: Sary eo amorom-patana



1.1.1.2. Sehatra fanatontosana ankehitriny

Mifanohitra tanteraka amin'ny sehatra nampiasain'ny taloha ny sehatra anatontosan'ny fiarahamonina ao amin'ny fokontany Fiadanana koaminina Antsirabe I ny angano. Tsy manaraka ny fomba nanaovan'ny Ntaolo azy teo aloha hoe : eny amorom-patana ary mifanatrika ny mpitantara sy ny mpihaino. Amin'izao fotoana izao, niova izany ka na eny am-panaovan-draharaha, na eny an-dalana eny, na rehefa mipetraketraka avy misakafo antoandro dia mitantara ny angano. Lasa nandrotsirotsina

zaza mba hatoriany aza ny fitantarana angano indraindray, izay tena mifanohitra tanteraka amin'ny voalaza teo aloha hoe : atao tsy hatorian'ny zaza mandra-pamasaky

ny vary. Ankehitriny koa dia tsy mifanatrika ny mpitantara sy ny mpihaino fa ny sofina mandre fotsiny no tena ilana. Efa miely amin'ny onjam-peo ny fitantarana angano, anisan'izany ny fandaharana ao amin'ny radiô haja ny Vakinankaratra FM 100⁴ isaky ny alarobia tolakandro amin'ny roa ora sy sasany.

Eo amin'ny fisehon'ny fitantarana dia misy ny mifanao aloha sy aoriana ny mpitantara sy mpihaino. Misy miparitaka amin'izay misy azy avy ny mpitantara sy ny mpihaino fa toerana no iray ihany. Misy koa mitangorongorona ny mpitantara sy ny mpihaino. Ny fihainoana izany no tena miasa betsaka amin'izao. Rehefa alefa an'onjam-peo moa ny angano dia ny mihaino tsara ny fitantarana no anjara asan'ny mpihaino. Na izany aza, nomen'ny mponina lanja ny fitantarana angano, araka ny voalaza teo aloha hoe tsy mifidy toerana fa mety avokoa na aiza na aiza anatontosana azy. Maro isankarazany araka izany ny endrika isehoan'ny sehatra fitantarana angano ankehitriny. Noezahina naseho amin'ny alalan'ireto kisarisary ireto izany :

⁴ Radiô tsy miankina katôlika ao amin'ny diôsezin'Antsirabe

Sary II: Sary anehoana ireo olona manao raharaha eny an-tanimboly sady mitantara angano



Araka ny hita amin'ireo sary nalaina ireo dia eny an-tanety, eny an-tanimbary ny sehatra anehoana ny angano fa tsy teo amorom-patana toy ny fanaon'ny Ntaolo sady miparitaka ny toerana misy ny mpihaino.

Sary III: Sary fampahafantarana ireo olona sady mandeha eny an-dalana no mitantara angano



Ny sehatra anehoana ny angano eto dia eny an-dalana ary mifanao aloha sy aoriana ny mpitantara sy ny mpihaino fa tsy mifanatrika.

Hita tato amin'ity zana-pizarana ity ary fa miha mivoatra hatrany ny fampiasana ny sehatra nanatontosana ny angano raha ny fahitana ireo karazan-tsehatra ireo, izay samy hafa avokoa. Izany hoe, lasa ampiasain'ny mponina amin'izay mahamaika azy ny angano ka tsy voatana intsony ny fomba fampiasana azy tany aloha. Mahazo vahana araka izany ny fampiasana ny angano any an-toerana raha ny fampiasan-dry zareo ny sehatra itantarana azy no asian-teny.

1.1.2. Sehatra lalaovina ao anatin'ny angano na "sehatra anatin'ny"

Manana anjara toerana eo amin'ny fampitan-kafatra ao amin'ny angano ny sehatra anatontosana azy noho izy misy ifandraisany amin'ny hafatra ampitaina. Araka ny fandinihana ny angano kirakiraina amin'izao asa izao dia ahitana sehatra isehoan'ny tranga tantaraina avokoa ny angano tsirairay. Ny mateti-pitranga ato amin'ny akora kirakiraina no horesahina ato amin'izao zana-pizarana izao. Mizara roa ny toerana lalaovina ao anaty angano : ny sehatra eny an-tsaha sy ny sehatra ao an-tanàna araka ny hita ao amin'ny akora dinihina hatrany.

1.1.2.1. Sehatra eny an-tsaha

Toerana ilalaovana ny tantara ao amin'ireto angano ireto ny eny an-tsaha. Tamin'ny alalan'ny fikirakirana ny akora iasana no nahitana fa eny an-tsaha ny sehatra anehoana ny angano sasany. Miavaka ny fomba fanehoana satria voasoritra mazava ny sehatra ary saika ahitana izany avokoa ireto angano ireto.

Raisina amin'izany ohatra ny A15. Eto dia voalaza fa eny an-tsaha ny sehatra anehoana ny angano satria :

“tafahaona teny am-piraotana ahitra ny valala sy ny omby ka nifampiarahaba”.

Maneho izany koa ny A1. Ahariharin'ity angano ity fa eny an-tsaha hatrany ilay sehatra anatontosana :

“... nisy lehilahy anankiray mpamboly voatavo tamin'izany songontany nodidina rano be voay izany. Dia mandeha mankeny an-tsaha foana izy mijery sy mikarakara ny famboleny”.

Raha ireo ohatra noraisina ireo no asian-teny dia hita fa mifamatotra tanteraka amin'ny hafatra ampitaina ny toerana anehoana ny tranga tantaraina. Atao amin'ny fomba azo inoan'ny olona ho toy ny marina ny fandrafetana ny angano mba hinoan'ny mpihaino ny fahamarinan'ny hafatra ampitaina na dia noforonina aza.

1.1.2.2. Sehatra eny an-tanana

Araka ny hita tao amin'ny akora hatrany dia eny an-tanàna ihany koa ny sehatra anehoana ny tantara. Misy heviny roa eto ny fampiasana ny hoe tanàna eo amin'ny fanatontosana ny tantara : Ny heviny voalohany dia ilay vohitra misy trano maromaro ka manana ny anarany manokana toy ny hoe : *Mampiteny, Mateloina, Ambohitsitononina....*

Matetika ny anaran-toerana na ny anaran-tanàna dia manana ny tantarany mifandraika amin'io anarana io toy ny hita ao amin'ny A14 *“Mampiteny”* satria nisy moana iray nahita rano nangarahara ka niteny izy raha vao nahita izany dia lasa natao hoe Mampiteny no anaran'ilay toerana hatramin'izao. Izany hoe, mifamatotra amin'ny hafatra ny toerana anehoana ny tranga tantaraina.

Eto izany dia ny tantaran'ilay olona sy ny toerana no namelomana ny angano ahazoana ny hafatra ampitaina amin'ny mpihaino. Ny heviny faharoa kosa dia ao an-

trano mihitsy. Izany hoe, ao no isehoan'ny toe-javatra tantaraina. Hita ao amin'ny A5 ohatra:

“ Gaga nefa izy rehefa tonga tao an-trano fa efa masaka sahady ny hanina. Nanomboka tamin'izay dia masaka toy izany foana ity hanina isanandro. Lasa ny eritreriny hoe, iza àry ity olona mahandro ny haniko ato isanandro ity? ”

Ny fampiasana ny toerana amin'ny angano dia ahafahana mamaritra koa hoe aiza ho aiza tokoa io toerana io. Ity angano ity izany dia miseho any an-trano satria efa voalaza mivantana ao hoe : *“ ... Tonga tao an-trano... ”*.

Raha ny hita tato amin'ny sehatra nampiasain'ny angano dia mifanaraka tsara amin'ny tranga tantaraina anehoana ny tantara ireo voalaza ireo. Misy ifandraisany amin'ny hafatra koa ve ny fotoana fahita ao amin'ny angano? Tsara raha asian-dresaka ato amin'ny zana-pizarana manaraka ny momba ny fotoana mba hahalalana ny antony ampiasana ao amin'ny angano. Hojerena voalohany eto ny manodidina ny fotoana mifandraika amin'ity asa ity.

1.2. Ny fotoana

Ny fotoana dia entina ilazana ny ora na andro na volana, na taona na izay nisehoan'ny tranga tantaraina. Raha eo amin'ny filazam-potoana koa dia mbola ahitana karazany telo : ny filazam-potoana lasa, ny filazam-potoana hoavy, ny filazam-potoana ankehitriny. Amin'izao asa izao dia izay misy hifandraisany amin'ny lohateny sy ny akora dinihina no hojerena.

1.2.1. Ny fotoana itantarana angano

Horesahina eto ny fotoana itantarana ny angano. Mbola hozaraina roa toy ny nanaovana ny sehatra koa ny itondrana ny filazana ny fotoana fitantarana angano. Atomboka amin'ny fanaony teo aloha avy hatrany izany avy eo ny fahita ankehitriny tany an-toerana nanaovana ny fanangonana.

1.2.1.1. Ny fanaon'ny teo aloha

Voafaritra mazava ny fotoana fanatanterahana ny fitantarana ny angano taloha. Araka ny lovantsofina dia amin'ny takariva miandry sakafo hariva no hitantarana ny angano. Tsy mandeha ho azy io fotoana fitantarana angano io raha ny hevitra fonosiny araka ny voalazan'ny zokiolona fa natao hitafana amin'ny ankizy mba tsy horesin-tory

izy ireo nefa mbola tsy nihinam-bary. Ao koa ireo milaza fa fotoana hitafan'i Dadabe na i Nenibe amin'ny zafiny ny andro harivariva. Izany hoe amin'ny andro hariva no fitantaran'ny Ntaolo angano amin'ny zanany. Eto izany ny fotoana dia ilazana ny ora fitantarana angano, raha misy adin'ny efatra ambiny roapolo ny famantaran'ora dia ny any amin'ny enina ora hariva any no manomboka ny fotoana fitantarana ny angano raha ny fanaon'ny teo aloha.

1.2.1.2. Ny fanaon'ny olona any an-toerana

Eo amin'ny fanatanterahana ny angano any an-toerana kosa dia tsy voafaritra amin'ny takariva fa miankina amin'ny fotoana malalaka sy ahafahana mitantara ny angano. Amin'ny fotoana fialan-tsasatry ny mpianatra izao dia mandeha manao raharaha eny an-tsaha ny olon-drehetra ao an-trano. Miaraka eny ny ankohonana vitsivitsy ary eny no mahandro sakafo ka tsy mody raha tsy hariva ny andro. Rehefa avy misakafo atoandro izy ireo dia miala sasatra kely mialokaloka eny am-pototry ny hazo na voankazo.... Mandritra izany fotoana izany no iresadresahana sy ialana voly ka itantarana ny angano. Manoloana izany indrindra dia nisy ny resadresaka nifanaovanay tamin'ny renim-pianankaviana iray mikasika io fitantarana angano io. Toy izao raha fintinina ny nambaran-dRamatoa RAHARIMAMONJY Juliette izay antsoina amin'ny anarana hoe Rahary :

“Ety no mba misy fotoana kely iarahana amin'ny ankizy dia manararaotra miresaka sy mamalifaly azy ireo satria amin'ny fotoam-pianarana, hariva vao tafahaona ao an-trano ka matetika samy reraka avy any amin'izay aleha dia samy matory”⁵.

Araka io nambarany io hatrany dia tsy mitantara angano amin'ny takariva ny olona ankehitriny fa amin'izay fotoana mampalalaka azy.

Hita àry fa mivoatra miaraka amin'ny rotorotom-piainana iainan'ny olona ankehitriny ny fotoana ahafahany mitafa sy mitantara amin-janany ireo karazam-panabeazana dia ny angano izany. Vokatry ny fahasahiranana misy amin'izao fotoana izao izay iainan'ny olona anefa no mahatonga ny fivoarana fa tsy hoe fanimbana ny fomba fanatanterahana ny angano hatramin'izay. Miova araka ny zava-misy eo amin'ny

⁵ Raharimamonjy Juliette : renim-pianankaviana tokony ho roa ambiny dimampolo taona, nahavita ny kilasy fahasivy ary monina ao amin'ny fokontany Fiadanana. Mpamboly ny asany.

fiarahamonina koa ny zava-nisy rehetra tany am-piandohana. Heverina fa misy fomba fampiasana ny fotoana koa ao anatin'ny vatan'ny angano izay aroso manaraka eto.

1.2.2- Ny fotoana fampiasa ao anaty angano

Amin'ny maha angano ny angano dia manana ny mampiavaka azy izy eo amin'ny resaka fotoana. Misy karazany roa ny fotoana hojerena ato amin'ny akora dinihina. Hojerena voalohany amin'izany ny eo amin'ny filazam-potoana fampiasa mba hanehoana fa angano tokoa no resahina.

1.2.2.1. Ny filazam-potoana lasa

Anisan'ny mampiasa ny filazam-potoana lasa ny angano amin'ny maha fitantarana azy. Ny tantara mantsy dia zavatra efa lasa no tantaraina ka dia miasa betsaka ny filazam-potoana lasa. Ny akora kirakiraina koa dia ahitana izany avokoa. Ahitana izany ohatra ny A22 "Mpivady tsy miady":

Nony vao naneno akoho dia nifampizara dia izy mivady hampitombo ilay ariary zato. Dia lasa nandeha Rangahy Tsimiady ka nifanena tamin'olona nitondra soavaly ary nifampiarahaba sy nifampanontany ny" ho aiza"teo.

Araka ireo singam-peo /n-/ mariky ny filazam-potoana nomarihina tamin'ny ohatra noraisina io dia hita fa nampiasa ny filazam-potoana lasa ny tao amin'ny angano nangonina, ireto ohatra raha avahana ny teny nomarihina : naneno, nifampizara, nandeha, nifanena, nitondra, nifampiarahaba, nifampanontany. Hita araka izany fa tena mahafehy ny fotoana fampiasa amin'ny fitantarana ny angano, ny angano voaangona ka mampitombina ny zava-dazainy hoe zavatra efa lasa no tantaraina.

1.2.2.2. Ny fotoana tsy voafaritra mazava

Raha ny fahita ato amin'ny angano kirakiraina koa dia toa tsy voafaritra mazava ny fotoana ampiasaina fa entina ilazana hoe tantara efa taloha foana no noresahina. Mampiasa ireo karazam-boam-bolana manamarika ny fotoana lasa araka izany ny angano. Miovaova hatrany anefa ireo teny entina ilazana ny fotoana lasa ireo mba ahitana ny ambaratongam-pitantarana sy ny fotoana nodiavin'ny tranga tantaraina. Izany hoe, misy dingam-potoana maromaro eo amin'ny fampitana ireo hafatra mba hampirindra ny fomba filazan-javatra. Hita eny amin'ny fiandohan'ny angano ny fanombohana io fotoana io, toy ny hita amin'ny A17 :

*“Taloha ela be, (...),
indray andro, (...),
nony afaka taona vitsivitsy, (...),
taona vitsy monja, (...),
indray andro izay, (...),
taty aoriana (...).”*

Ireo dia entina ilazana fotoana lasa avokoa saingy tsy voafaritra mazava ny tena nisiany. Tsapa mandrakariva ao amin’ny fitantarana ny angano anefa fa io an-tana-toha-potoana io dia sady manambara ny dingana lalovan’ily tantara mandritra ny fampitan-kafatra no mampivohitra ny hevitra tiana hasongadina. Raisina hatrany ny A17 anehoana izany :

- *“**Taloha ela be hono**, nankaty afovoan-tany ny gidro mpivady fa leo ny fiainana tany anaty ala sy ny ady sesilany atoan’ireo gidro namany”*.

- *“**Nony tonga** taty izy ireo dia bevohoka ny vavy ary niteraka zaza iray”*

- *“**Nony afaka taona vitsivitsy** dia nihalehibe ny zaza ary nanomboka nahay niteny”*.

- *“**Indray andro** izay, avy be ny orana ary nitsoka mafy ny rivotra kanefa tao amin’ny toerana nisy azy efa-mianaka tsy nisy zavatra azo nohanina intsony”*.

- *“**Taty aorina** dia lasa any amin’ny varo-tsy mifody ny ray aman-drenin’izy ireo ka izy mianadahy irery no voatery hiahy ny fiainam-pivelomany”*.

- *“**Taona vitsy monja** dia tonga mpanan-karem-be teo an-tanàna izy mianadahy”*.

Mampahazava sy mampisongadina ny hafatra ampitaina ny fandalovana ireo fotoana notetezin’ny fitantarana ireo. Araka izany, fitaovana mahomby eo amin’ny fampitan-kafatra ao amin’ny angano ny fotoana sy ny fahaizan’ny mpamorona ny angano mampiasa azy. Anisan’ny manamora ny fampitan-kafatra eto ny fotoana ampiasaina ao anaty angano.

1.3. Ireo mpiantsehatra sy mpandray anjara

Manana ny mampiavaka azy ny fanatontosana ny angano araka ny hita tamin’ny firosahana an-tsehatra sy ny fandinihana ny akora. Ahitana mpiantsehatra samy hafa ny fomba fitantarana ny angano dia ny mpitantara sy ny mpihaino. Ny mpitantara amin’izay dia mbola misy karazany roa koa, izay hotanterina ato amin’izao asa izao araka ny nahitana azy tany an-toerana. Ny mpandray anjara indray dia ao anatin’ny


angano no ijerena azy, izay isan'ny mampahomby ny fampitan-kafatra. Aroso voalohany amin'izany, ny mpiantsehatra any an-toerana ao amin'ny fokontany Fiadanana Antsirabe I. Faharoa kosa ireo mpandray anjara ao anatin'ny angano. Koa aroso voalohany àry izao ny mpiantsehatra any an-toerana.

1.3.1- Ny mpiantsehatra any an-toerana

Ny mpiantsehatra tiana hasongadina eto dia ireo olona manatontosana ny fitantarana any an-toerana. Tamin'ny firotsahana an-tsehatra tao amin'ny fokontany Fiadanana Antsirabe I no ahafahana milaza sy manazava ny mpiantsehatra rehetra amin'izao asa izao. Ny mpiantsehatra no mamelona ny fitantarana an-tsehatra ny angano amin'ny maha am-bava azy. Ny fanatrehana mivantana ny fanatontosana ny angano tany an-toerana dia nahitana fa misy karazany ny mpiantsehatra amin'ny fanatanterahana ny angano. Izany hoe, ireo mpandray anjara rehetra eo amin'ny fiarahamonina toy ny mpitantara sy ny mpihaino. Samy manana ny anjara andraikiny avokoa ny mpitantara sy ny mpihaino eo amin'ny fanatontosana ny angano.

Miavaka amin'ny olona miresaka tsotra ny olona rehefa mitantara angano satria mila mahatadidy sy mahafehy ny zavatra lazainy izy. Noho izany, maneho amin'ny fomba rehetra izay heveriny fa ahazoan'ny mpihaino ny hafatra tantarainy izy. Izay no tena andraikiny eo amin'ny fiseharana. Ny mpihaino kosa dia manaraka an-tsakany sy an-davany ny fitantarana ka ny fifantohany tanteraka amin'ny zavatra ambara no antoky ny fahazoany ny hafatra ampitaina aminy mandritra ny fitantarana mivantana ny angano. Raha misy zavatra tsy takany tamin'ny alalan'ny karazana fihetsika nataon'ny mpitantara dia amin'ny alalan'ny fanontaniana indray no ahazoany ny hevitra tian'ny angano ampitaina. Izany hoe miezaka mitazona ny tsinjara toerany sy ny tsinjara andraikiny ny mpitantara sy mpihaino . Raha aseho an-tsary ny endri-pitantarana angano ankehitriny dia toy izao :

Sary IV: Kisary maneho ny fifandraisan'ny mpitantara sy ny mpihaino



Araka ny hita eo amin'ny kisary dia mifampita avokoa ny mpitantara sy angano ary ny mpihaino. Tsy tontosa araka izany ny serasera am-bava raha tsy eo ny singa iray amin'ireo. Nambaran'i ZUMTHOR P. (1983: 230) fa :


“Miara-manatontosa ny fahalavorarian'ny tsianjery na hira ataon'ny tarika ny mpiantsehatra sy ny mpihaino ka mifanatrika mivantana amin'ny toerana sy ny fotoana iray izy ireo amin'izany”⁶.

Eo amin'ny mpitantara izao àry no aroso voalohany ny fijerena azy izay misy sokajiny roa : sokajy voalohany, olon-dehibe ny mpitantara na ny mpandefa hafatra ary ankizy ny mpihaino na ny mpandray hafatra. Sokajy faharoa kosa, ankizy ny mpitantara na mpandefa hafatra ary ankizy ny mpihaino na ny mpandray hafatra. Andeha àry hojerana misesy etsy ambany ny fomba fanatanterahan'ny fiarahamonina ankehitriny ny angano araka ireo sokajy ireo.

1.3.1.1. Ny sokajin'ny mpiantsehatra voalohany

Ny mpitantara sy ny mpihaino hatrany no dinihina eto. Araka ny fahitana ny fitantarana angano any an-toerana dia toy izao ny endriky ny mpandray anjara ato amin'ity sokajy ity. Ny olon-dehibe no mpitantara na mpandefa hafatra ary ny ankizy no mpihaino na ny mpandray hafatra. Toy izao ny kisary maneho izany fifandraisana izany.

Sary V: Kisary fanehoana ny fifandraisan'ny mpiantsehatra voalohany



Araka ny hita eo amin'ny kisary dia ny olon-dehibe no mpitantara na ny mpandefa hafatra amin'ny alalan'ny angano. Ny ankizy kosa no mandray hafatra na ny mpihaino amin'ny angano hatrany. Noho izany dia ny angano izay mirakitra hafatra sy fananarana no mampifandray ny mpitantara sy ny mpihaino eto.

⁶ Dans la récitation ou le chant intégralement chorals où tous les individus co-présents dans le lieu la performance prennent part à l'exécution.


Sary VI: Sary fanehoana ny olon-dehibe mitantara angano amin'ny ankizy



1.3.1.2. Ny sokajin'ny mpiantsehatra faharoa

Raha ny olon-dehibe no mpitantara araka ny hita tetsy ambony dia mifanohitra amin'izany kosa ity manaraka ity satria ny ankizy no mpitantara na ny mpandefa hafatra ary ny ankizy koa no mpihaino na ny mpandray hafatra. Toy izao ny endriky ny fanatontosana an-tsehatra rehefa aseho amin'ny alalan'ny kisary.

Sary VII sary maneho ny fifandraisan'ny mpiantsehatra faharoa



Sary VIII: sary anehona ireo samy ankizy mitantara angano



1.3.2- Ny mpandray anjara ao amin'ny angano

Atao mifanaraka amin'ny hafatra tiana hampitaina ny mpandray anjara ampiasaina ao anaty angano. I CHELEBOURG C. (2006 : 8) dia manambara hoe :

“Ny mpamorona dia tsy mitovy amin'ny olon-drehetra fa manana ny fahalalany sy ny fandinihany manokana”⁷.

Ka izany no nahafahany nisafidy ny mpandray anjara izay samy manana ny andraikiny ao amin'ny angano. Izy ireny dia miantoka betsaka ny fahalavorarian'ny fampitan-kafatra. Noho izany, fantenana avokoa ny mpandray anjara rehetra ampiasaina ao amin'ny angano mba hampifanaraka sy hampisongadina ny hafatra tiana haroso.

Mety ho karazam-biby maro iarahan'ny mpiara-monina mahafantatra no tafiana endrika vaovao ary ampandraisana anjara ao amin'ny zavatra tantaraina. Ny biby efa fahita andavanandro eo anivon'ny fiarahamonina no resahina mba hahafahan'ny rehetra mahazo an-tsaina ny zavatra ambara. Ampandraisana anjara ao amin'ny angano tantaraina mazàna ireny zavaboary ireny. Tafiana toetra sy endrik'olombelona mba hahafahana mampita ny hevitra tiana havohitra eo anivon'ny fiarahamonina.

Misy angano maromaro ahitana izay fampandraisana anjara ny biby izay ny akora nodinihina : A.3; A.12; A.10; A.15.

Mety ho olona mihitsy no mpandray anjara raisina na dia angano aza no resahina. Ahitana izay fampiasana ny olombelona izay ireto angano kirakiraina ireto : A.18; A.22; A.2; A.8 ; A.4; A.7; A.9; A.14. Maro karazana ny sokajin'olona entina anomezana aina ny angano sy entina ampitana hafatra, izay tsy inona akory fa taratr'ilay fiarahamonina ihany :

- Eo amin'ny sarangan-taona : ny fampandraisana anjara ny zanaka sy ny ray aman-dreny, ny olon-dehibe sy ny ankizy, ny antitra sy ny tanora.
- Eo amin'ny sarangam-piainana : ny fampandraisana anjara ny olona manan-karena sy mahantra, ny mpanompo sy ny tompoina.
- Ny saranga eo amin'ny ambaratongam-pahefana eo amin'ny fiarahamonina : ahitana ny mpitondra sy ny entina, ny mpanjaka sy ny olom-peheziny.

Misy karazany ny mpandray anjara ao anatin'ny angano tantaraina, ao ny mpandray anjara fototra, ao ny mpandray anjara mpanampy sy ny mpandray anjara ravaka. Koa hojerena manaraka izao ary ny mpandray anjara fototra.

⁷ « *L'imaginaire s'oppose ici au monde tel qu'il est perçu par le sens et par la raison* » p.8

1.3.2.1- Ny mpandray anjara fototra

Mety ho olona na biby ny mpandray anjara fototra. Ato amin'ny akora dinihina dia samy ahitana izany avokoa. Zavatra iarahan'ny rehetra mahafantatra no ampandraisana anjara ahafahana manaraka tsara ny fizotran'ny fampitan-kafatra satria ireny dia fomba iray enti-maneho sary an-tsaina ho toy ny hita maso ny mpandray anjara fototra. Ambaran'i FRANK M.A.(1968 : 178) hoe :

«Ny sary dia vokatry ny zava-misy, henon'ny sofina ary mampiseho zavatra na toe-javatra hafa tsy hitan'ny maso. Araka izany famaritana izany, ny trangan-javatra rehetra eo amin'ny tontolo manodidina ary ny zavatra rehetra izay foronin'ny olombelona dia sarin'ny zava-misy daholo’’⁸.

Hisarihana ny mpihaino ho liana amin'ny hafatra ampitaina koa izy ireny. Ny zavatra rehetra ataony dia misarika ny saina hifantoka tanteraka amin'ny hafatra tiana hambara. Safidiana ny mpandray anjara fototra satria izy no manao ny hetsika rehetra amin'ny hafatra tiana hampitaina ao anatin'ny angano. Izany hoe, hita hatrany am-piatombohana ka hatrany am-piafaran'ny angano izy.

Ny mpandray anjara fototra ao amin'ny angano dia ilay olona na biby na zavatra fototry ny tantara. Miavaka eo amin'ny fitantarana ny mpandray anjara fototra na dia tantaraina aza ny angano. Izy no antom-pijoroan'ny tantara iray ka ny toe-javatra tantaraina rehetra dia manodidina ny momba azy avokoa. Tsy azo esorina ao amin'ny fitantarana izy araka izany.

Ohatra : **A.12** “*Andriantsitakatrini manana sy Rabekorakora*”. Tsy azo esorina ao amin'ny fitantarana satria avy aminy no iaingana amin'ny fandrafetana ny hafatra iray manontolo. Izany rehetra izany no hisafidianana ny mpandray anjara fototra fa inona kosa indray no azo ambara mikasika ny mpandray anjara hafa.

1.3.2.2. Ny mpandray anjara mpanampy

Ny ankoatry ny mpandray anjara fototry ny tantara dia azo sokajina ho mpandray anjara mpanampy. Nampiasaina izy ireny anomezana endrika ny fitantarana ny momba ny mpandray anjara fototra. Ny mpandray anjara mpanampy rehetra ao anatin'ny angano iray dia manasongadina ny mpandray anjara fototra avokoa.

⁸ « Le signe est un fait présent, sensible qui nous en représente un autre absent, éloigné ou inaccessible à nos sens. D’après cette définition, tous les phénomènes de la nature et toutes les œuvres des hommes peuvent être considérés comme des signes. Aussi dit-on que telle œuvre d’art, telle institution, telle production littéraire est un signe de grandeur ou de dépérissement ».

Noho izany, ny fahamaroan'ny mpandray anjara mpanampy sy ny hetsika ataony no mahatsara kokoa ny tantara ary manampy amin'ny fahazoan'ny mpihaino ny hafatra tiana hampitaina. Manana anjara toerana lehibe ao amin'ny tantara iray ny mpandray anjara mpanampy na dia tsy fototry ny tantara aza satria isan'ny singa mahatsara ny tantara izy. Toy ny : “*goaika, papango, hitsikitsika*” (A12) ary “*androngo, vorokely, mandotra*” (A11).

1.3.2.3. Ny mpandray anjara ravaka

Anisan'ny mpandray anjara mihelina vetivety ao anaty tantara ny mpandray anjara ravaka. Natao andravahana ny tantara matetika ny anjara asa tanany. Na izany aza dia tena manova ny fizotran'ny tantara ny fisiany. Tsy miseho matetika ao anatin'ny angano ny mpandray anjara ravaka araka izany fa izay tsy maintsy mila ravaka hampizotra ny hafatra ampitaina ihany no ahitana azy. Ahitana izay mpandray anjara ravaka izay ohatra ao amin'ny A15 : “*ny karazam-balala, ny moka, ny lalitra, ny fihitra*”. Tsy voatery hisy ao anaty angano iray koa anefa izy.

FEHIN'NY FIZARANA VOALOHANY

Raha fintinina izay rehetra voalaza tato amin'ny fizarana voalohany dia nahazoana vokatra maromaro. Vokatra no ilazanay azy eto satria rehefa natao ny fikarohana dia ireo naroso ireo no azo sy fantatra ary voaray ka naroso tamin'izao asa izao. Tsy mandeha ho azy ny fampiasana ny sehatra fa misy dikany avokoa na tamin'ny nampiasan'ny Ntaolo azy, izay natao teo amorom-patana. Tamin'ny fampiasain'ny fiarahamonina tao amin'ny fokontany Fiadanana Antsirabe I azy kosa dia tsy voafetra ny toerana itantarana azy fa eny amin'izay ahafahana manatanteraka izany. Ny ao amin'ny angano kosa dia miankina amin'ny hafatra tiana hampitaina ny toerana anatontosana ny tantara.

Zava-dehibe eo amin'ny fanehoana ny fitantarana ny fotoana ary manana ny heviny koa raha ny angano manokana. Voalaza tato fa natao hitafana amin'ny zaza mba tsy hampatory azy mandrapaha-masa-bary no antony itantarana azy amin'ny andro hariva raha ny fampiasan'ny Ntaolo ny fotoana. Mbola tsy voafetra ihany ny fampiasana io fotoana io rehefa nolovain'ny taranaka nifandimby aty aoriana. Mety ho maraina izany na amin'ny atoandro na amin'ny hariva. Mifandray amin'ny tranga tantaraina kosa ny fotoana ampiasaina ao aminy angano mba hahafahan'ny olona mahazo sary an-tsaina izay hafatra ampitaina ary nampiasa ny filazam-potoana lasa koa ny angano izay mariky ny fitantarana tranga efa lasa.

Anisan'ny mamelona ny angano ny fisian'ny mpiantsehatra sy ny mpandray anjara ao anaty angano. Ny olona ao anaty fiarahamonina no mamelona azy ireny ho velona ao anatin'izany fiarahamonina izany. Ary ny mpandray anjara kosa no mamelona ny fizotran'ny tantara sy antoky ny fahatafitan'ny hafatra ao amin'ny angano.

Mifameno hatrany araka izany ireo singa telo ireo eo amin'ny fisehoan'ny angano na eo amin'ny fitantarana ivelany angano izany na ny fitantarana ao anatin'ny vatan'ny angano. Izay àry ny fisehoan'ny angano amin'ny ankapobeny izay ahafahany miparitaka amin'ny fiarahamonina. Amin'izao fizarana faharoa manaraka izao indray no hijerena ireo hafatra fonosin'ny angano nangonina tany an-toerana.

FIZARANA FAHAROA
IREO KARAZAN-KAFATRA MIVOY
FANABEAZANA AO AMIN'NY ANGANO

Tsara asian-dresaka manaraka koa amin'izao asa izao ireo karazan-kafatra hita ao amin'ny angano izay mivoy fanabeazana. Ny hafatra izay voalazan'ny angano eto dia tsy mivantana avy hatrany fa takarina amin'ny alalan'ny mpandray anjara sy ny sary antaina araka ny namoronan'ny mpamorona azy. Miankina betsaka amin'ny fahaizan'ny mpamorona ny angano tany aloha araka izany no mampisongadina ny mpandray anjara entina mampita hafatra sy ny sary an'eritreritra ho azon'ny mpihaino. Hojerena àry izany hafatra izany amin'ity fizarana faharoa ity izay anisan'ny ahafahana manatratra ny tanjona napetraka tany am-piandohana. Nahomby tokoa ny fanabeazana tamin'ny alalan'ny angano, noho izany hafatra fonosiny izany, satria maro ny endrika nanehoana azy : ao ny mampitolagaga, ao ny mampihomehy, ao ny mampangitakitaka , ao ny mananatra avy hatrany. Io endrika isehoany izay miteraka fihetsika eo amin'ny mpihaino io dia vokatry ny fampiasan' ny mpamorona zavatra iray ahazoan'ny mpihaino azy an'eritreritra. Ny haitsikera*n*'i CHELEBOURG C. eto dia milaza fa :

*“Ny eritreritra irery ihany no mamorona sary ka manjary mamorona sary mahagaga, ny karazana hetsika mahagaga ampanaovana azy ka izany rehetra izany dia vokatry ny fahambonian'ny fahaizan'ny eritreritra mamorona”*⁹, izay manamafy ny voalaza rehetra teo.

Ndeha àry aroso ato amin'ity fizarana ity ireo hafatra voajerinay rehefa avy nikirakira ny angano. Azo heverina fa ny hafatra tian'ny mpamorona ampitaina no tara-kevitra ironan'ny angano. Ny tara-kevitra moa dia hevitra misongadina ao anatin'ny asa soratra iray ary mifanandrify amin'ny vanim-potoana nivoahana sy namoronana azy. Hita sy re amin'ny am-betin-dresany ao amin'ny angano izany tara-kevitra izany. Ireto avy izany: ny hafatra momba ny fitondran-tena, ny hafatra momba ny fady ary ny hafatra momba ny fivadiham-piainana.

2.1. Hafatra momba ny fitondran-tena

Araka ny efa voalaza dia fitaovana nanabeazana ny taranaka tany aloha sy ankehitriny ny angano. Nambaran'i ZANAMIHOATRA R. fa :

“Mitahiry ny fahaveloman'ny firenena tsy ho tapaka ao amin'ny ladina ifampitohizan'ny fahiny sy ny ankehitriny ary ny ho avy ny literatiora”.

⁹ « L'imagination n'est plus la simple faculté de produire des images, mais devient la production magique d'une image, le type même de l'action magique, voire de toute l'action comme telle, mais par excellence de toute action créatrice » p .12

Efa hatramin'ny ela noho izany no nisy ireo olona tsy mahay mitondra tena ka dia namoronan'ireo Razambe angano miompana amin'izany mba hoentina ananarana ny ankizy na ny fiarahamonina mihitsy. Amin'izao fotoana izao koa dia olana goavana fahita na mpitranga eny anivon'ny fiarahamonina manodidina ny fitondran-tenan'ny tsirairay indrindra fa ny tao amin'ny fokontany Fiadanana.

Noraisin'ireo olona tany an-toerana ananarana ny ankizy araka izany ny angano miresaka ity fitondran-tena ity. Tranga misy any amin'ity toerana ity ny momba ny fitondran-tenan'ny ankizy izay ahitana karazany maro. Anisan'ny literatiora mampiseho ny zava-misy eny anivon'ny fiarahamonina ny angano ka izay no antony mahatonga ny olona ampiasa azy ho fitaovana fampitan-kafatra sy ho fitaovam-panabeazana, manamarina izany ny voalazan- dRAVELOJAONA hoe :

“Tsy nitsotsorika avy any an-danitra na nitrobona avy amin'ny tany ny literatiora fa vokatry ny zava-misy”.

Vokatry ny zava-misy sy ny fandinihana avokoa araka izany ny tranga tantaraina saingy foronina hanana hevitra manaitra sy fomba fanehoana miavaka mba hampahomby ny fanabeazana.

Fafana I: Ireo angano mampita hafatra momba ny fitondran-tena

LOHATENY	HAFATRA
A2 : Kotofetsy sy Mahakà niava vary	Miresaka fanambakana
A3 : Ny vitsika	Mikasika ny fahaizana mifanampy
A4 : Mateloana	Maneho ny haratsian'ny toetran'olona manao fitaizana mitanila.
A6 : Hetse	Manambara toetran'olona tsy azo rebirebebena na irony olona tsy taitran-drendrarendra irony. Mahay mionona amin'izay efa nomena azy.
A7 : Zaza nampijalian-drenikely	Mifino toetra ratsin-drenikely manoloana ny zana-bady sy ny zanany.
A8 : May ny hendim-boanjo	Maneho ny hatendan-kanina sy tsy fahaizana mifampizara amin'olona.
A9 : Dadabe lozan-kanina	Mampiseho toetra ratsin'olona noho ny hatendan-kanina ihany.
A10 : Osy fahavalon'ny akoho	Miresaka fanararaotana ka mahatonga ny olona ho mailo.
A12 : Andriantsitakatrini-manana sy Rabekorakora	Miresaka fibodoana zavatra sy fanamparam-pahefana ary toetra manao izay ahazoana ka tsy mifidy asa atao na ratsy na tsara fa atao avokoa
A15 : Ny valala sy ny omby	Mikasika ny toetran'olona eo amin'ny fomba fisainana sy fanaovan-javatra.
A17 : Njoky sy Njandry	Mivoy fifanampiana
A21 : Rasarolazaina	Miresaka toetra miseho ho ireny olona tsy azo atao na inona na inona ireny nefa fahavalom-bahoaka ka resy ihany amin'ny farany.

Rehefa nodinihina tsirairay ireo angano miresaka ny hafatra momba ny fitondran-tena ireo dia tamin'ny fomba maro no nentin'ny mpamorona nampita izany hafatra izany. Amin'ity asa ity dia nosokajianay eo amin'ny ankohonana sy eo amin'ny fiarahamonina ka atomboka amin'ny ankohonana ny fijerena izany hafatra izany.

2.1.1. Eo amin'ny ankohonana

Hojerena voalohany amin'ity fizarana ity ny tranga fahita ao anaty ankohonana mikasika ny fitondran-tena. Izany dia miainga avy amin'ny fandinihana ny angano kirakiraina ary ampifanatrehana amin'ny zava-misy ankehitriny any amin'ny toerana nanaovana firotsahana an-tsehatra.

2.1.1.1. Fitondran-tena ratsy

Nisafidy angano iray miresaka ity fitondran-tena ity izahay mba hanehoana ny hafatra miresaka azy ary hodinihina eo amin'ny lafy ratsiny izany amin'izao zana-pizarana izao. Noraisina manokana eto ny toetra ananan'ny renikely mitaiza zana-bady ao an-tokatrano satria mampita izany indrindra ny angano raisina eto. Fahita any antokantranon'ny mpivady matetika ny fisian'ny zana-bady miara-mipetraka amin'ny renikely na raikely.

Matetika no mitondra fahoriana tokoa ireny zaza ireny. Efa tamin'ny andro namoronana ny angano no nisian'izany toetra ratsin-drenikely izany, izay ampitain'ny mpamorona azy ato amin'ny angano noforoniny. Naseho tao anatin' ny angano ny hafatra maneho izany.

Ny A7 “Zaza nampijalian-drenikely” dia fanaovana tsinotsinona ny hafa, izay hita taratra ao anaty ankohonana iray izy eto. Mitantara ny tsy fitiavana sy fampijalian-drenikely ny zana-bady amin'ny tsy fanomezana sakafo eto ny angano.

“Kinanjo ilay zaza malemy tsy tiany, izy mianaka manao fihinanam-be. Ilay zaza malemy tsy omeny hanina, tsy rarahiany.”

Ao koa na dia zanaka iraisana aza dia misy ny fitaizana mitanila na koa hoe fiangaran-janaka. Hita izany ao amin'ny A13 “Zaza mahagaga i Faralahy”, izay niseho teo amin'ny fizaram-panana. Izany hoe tsy mitovy ny anjara fananana nomena an'ny zanaka nateraka.

“Niha antitra be izy mivady dia nizara ny fananany tamin’izy telolahy. Nomen’izy roa an’i Matoa sy i Naivo daholo ny harena rehetra fa ny an’i Faralahy kosa dia tsy nomena afa-tsy alika mahia miongo-bolo izay no mba anjara lovany”.

Io fitondran-tena ratsy io hatrany no mbola mahatonga ny olona sasany ho tia tena diso tafahoatra ka tsy mizara amin’ny hafa. Fahita eny anivon’ny fiarahamonina avokoa izany. Vakian’ny angano bantsilana hatrany io toetra ratsy tia tena io, noho izy tsy mifidy sarangan-taona fa dia manao azy avokoa na ny tanora na ny antitra aza.

Hita ao amin’ny A9 “Dadabe lozan-kanina” izao ny toetra ratsin’ily Rangahy antitra. Heverina mantsy fa izy ireny no tompon’ny fahalalana sy fahendrena ka handala ny soatoavina maha Malagasy toy ny fahaizana mifampitsinjo sy mifampizara “*valala iray aza ifanapahana*” kanefa mifanohitra amin’izany ny zava-misy ataon’ny olon-dehibe sasany. Antitranterin’ny angano eto io toetra ratsy io mba hahatsapan’ny olona hanitsy ny fitondran-tenany. Isehoan’izay toetra ratsy izay hatrany ao an-tokantrano indrindra eo amin’ny fisian’ny havana miara-mipetraka.

Fahita ihany koa ny fahatongavan’ny havan-dRalehilahy na havan-dRavehivavy ao an-tokantrano. Matetika izy ireny no mitondra fijaliana ao anatin’ny ankohonana noho ny toeran-tsy zaka ataon’ny havana.

Ambaran’ny A 4 “Mateloana” miresaka izay fipetrahan’ny zaza iray tao amin’ny fianankaviany. Niharan’ny fanavankavahana nataon’ny havany izy teo amin’ny sakafo hohanina satria tsy mba afaka mihinana tahaka ny olona rehetra.

“Dia na mihinan-javatra aza hono ry zareo teny an-dalana dia an’ily zaza kamboty atao kely bilitika fa ny an’ily zanany omena faran’izay laniny”.

Na teo amin’ny fitaovana ampiasaina aza dia tsy mba afaka misitraka izany ilay zaza kamboty nipetraka tamin-kavana ary atao anjorom-bala tsy rarahiana. Izany hoe hiangarana ary tsy noheverina ho toy ny olombelona nofo sy rà mihitsy. Tsy afa-manohatra izy ireny matetika fa dia miharitra izay atao azy ao na inona na inona.

“Kanjy avy ny orana, rehefa avy ny orana dia ilay zaza kamboty tsy noeloana fa ilay zanany izany, no noeloana”.

Efa hatramin’ny ela no hita teo amin’ny fiarahamonina izany toetra ratsy manao tsinontsinon-kavana izany ary mbola tazana mandraka ankehitriny. Izany rehetra izany dia taratry ny zava-misy avokoa ary mbola iainan’ny ankamaroan’ny olona amin’izao

fotoana izao. Ary itony angano ampitaina amin'ny ankizy itony no entina hamefena azy ireny tsy hanao toy izany.

2.1.1.2. Fitondran-tena mendrika

Nanana ny fomba nentina naneho ny fitondran-tena mendrika eto ny angano nanganina izay nampiasain'ireo fiarahamonina any an-toerana. Eo amin'ny mpiray tampo dia misy hatrany ny fifandraisana mahatonga ny fitiavana tsy resin'ny olam-piainana fa mifanampy hatrany.

Isan'ny toetra tsara tokony hananan'ny mpiray tampo izany mba hahatafita sy tsy hampisara-mianakavy. Hafatra tian'ny angano ampitaina amin'izany ny fandalana ny fifanajana izay miteraka fihavanana ary maneho firaisan-kina.

Toy izao ny anehoany azy ato amin'ny A17 “Njoky sy Njandry” izay maneho fifankatiavana sy firaisan-kinan'ireo mpiray tampo amin'ny fameloman-tena rehefa maty ny ray aman-dreniny :

“Taty aoriana dia lasa amin'ny varo-tsy mifody ny ray aman-drenin'izy ireo ka izy mianadahy irery no voatery hiahny ny fiainam-pivelomany”.

Izany hoe na mandalo ady sarotra aza dia voavaha ny olana rehefa misy ny fifankatiavana sy ny firaisan-kina :

“Nanao trano hono izay mianadahy ka i Njoky mpanamboatra, i Njandry mpandity fotaka ; i Njoky mpanafo, i Njandry mpitaona bozaka. Dia toy izany hatrany ny fomba fiasan'izy mianadahy tamin'ny asa rehetra izany nataony. Nifankatia éry izy mianadahy ary tsy nifankafofy”.

Anisan'ny fitondran-tena mendrika ao an-tokantrano koa ny fihetsika nasehon'ily raim-pianakaviana teo amin'ny fitondrana ilay zanany sy ilay zana-badiny. Tsy nanao fitaizan-draikely fa tena mijoro amin'ny maha ray mpiahy tokoa amin'ireo ankizy ao ankohonany. Izany hoe tsy manao fitia mitanila na amin'iza na amin'iza.

Ny A7 izao dia miresaka momba izany :

“Tonga ilay Rangahy amin'ny hariva, indraindray alina be vao tonga dia manome mofo an'ily zanany malemy ; manome mofo an'ily zana-badiny”.

Ny hafatra tian'ny angano hampitaina dia ny hoe rehefa nanaiky ny anam-bady olona efa manan-janaka ny olona iray, dia tokony hitondra ireny zaza ireny sahala amin'ny zaza naterany. Fitondran-tena mendrika tsara asehon'ny ray aman-dreny eo

amin'ny taranany ihany koa ny fampitovian-jo ireo zaza nateraka. Izany hoe, tsy asiana tombo sy hala na atao zanak'Ikalahafa ny ankizy fa samy misitraka ny zavatra rehetra avy amin'ireo nahitana masoandro avokoa.

Ambaran'ny A5 ao amin'ny akora dinihina izany :

“Dia nozarainy telo ny fari-bohitra nitoerany hatrizay ary samy nomeny anjara lova aby izy telolahy”.

Raha izay àry ny fitondran-tena fahita ao anaty ankohonana izay mamolavola ny olona iray dia manao ahoana kosa ny fisehon'izany raha eny anivon'ny fiarahamonina araka ny angano hatrany. Io toetran'ny tsirairay miainga avy any anaty ankohonana io no miely ao amin'ny fiarahamonina misy azy.

Ny toetra ao antokatrano ihany matetika no miseho eny ivelany. Asian-dresaka àry eto ny fahitan'ny mpamorona ny angano ny fitondran-tenan'ny olona tamin'izany kanefa mbola iainana hatramin'izao.

2.1.2. Eo amin'ny fiarahamonina

Mbola ahitana karazan-toetran'olona samy hafa koa eny anivon'ny fiarahamonina izay matetika ny lafy ratsiny no miseho. Ato amin'ny akora dinihina dia maneho izany, izay ahitana ny fanambakana ny mpiara-belona, sy ny fitiavan-tenan'ny tsirairay. Hojerena mifanaraka etsy ambany izany.

2.1.2.1. Fanambakana ny mpiara-belona

Azo heverina fa ireo olona tsy ampy fananarana tany an-tokatranony tany ireo karazan'olona tia manambaka ny mpiara-belona aminy.

Ohatra hoe, ireo zaza niangarana tao amin'ny A13 “Zaza mahagaga Ifaralahy” izao no manana ny toetra manambaka olona rehefa eny anivon'ny fiarahamonina satria efa zatra nahazo foana. Hany ka rehefa sendra izay olona azony araraotina izy ireny dia araraotiny avokoa.

Misy araka izany, ireo toetra tsy mendrika voalazan'ny angano izay misy ifandraisany amin'ny zava-misy iainan'ny olona andavanandro. Efa niainan'ny olona taloha ary mbola fahita ankehitriny izany ka ampitain'ny mpamorona amin'ny mpihaino.

Ny A2 “Kotofetsy sy Mahaka nihava vary” izao dia manambara fanambakana olona izay isan'ny toetra tsy tokony hatao. Izany dia niseho teo amin'ny fanambakana

an-dRafotsibe tamin'ny fiavana ny variny mba hahafahana misoloky ny sakafo hohaniny. Izany hoe, asa tsy tena vokatry ny fo sy ny finiavana no natao fa asa amin'ny fiatsaram-belan-tsihy sy fisandohana fotsiny.

Toy izao ny anehoan'ny angano azy :

“Kanjy fika hinanana ny hanin-dRafotsibe fotsiny no mody naneken'izy roalahy hiava ny vary. Dia nataon'izy roalahy izay hahatezitra an-dRafotsibe amin'izay tsy mamerina mampiava vary azy intsony. Dia nikakakaka éry izy roalahy avy eo sady niteny hoe : voky indray isika roalahy tamin'iny fika iny”.

Tsy mitsinjo ny andro aoriana ireto olona voaresaky ny angano ireto fa manao izay ahazoany ny arapany androany fotsiny. Maro amin'ny olona amin'izao fotoana no manana io toetra ratsy io, indrindra fa ny tanora araka ny hita nandritra ny fidinana antsehatra. Noraisin'ny fiarahamonina any an-toerana ohatra ity angano ity mba hamefena ireo tanora tsy ho voasarik'izany fomba ratsy izany.

2.1.2.2. Fitiavan-tenan'ny tsirairay

Vokatry ny fitaizana ny olona tany ankohonany avokoa matetika no miteraka ny toetra ratsiny asehony amin'ny manodidina.

Mbola voakasik'izany ihany ny A13 efa voaresaka teo ambony. Ny fitiavan-tena ihany koa dia mbola tafiditra ao amin'ny toetra ratsy raiki-tampisaka ao amin'ny olona indraindray.

Ny A12 “Andriatsitakatrini-manana sy Rabekorakora” eto dia maneho ny fitiavan-tenan'ny vorondolo amin'ny fibodoana ny tranon'ny takatra. Mafy loha loatra ny vorondolo amin'ny fanalana azy tao an-tranon'ny takatra ka dia nanampatra ny fahefany koa ny takatra amin'ny fanakaramana ireo vorona namany anala ny vorondolo ao an-tranony. Teo koa ireo miseho mahay azy dia nanaiky ny fanakaraman'ny takatra ny anala ilay vorondolo. Anisan'izany ny papango sy ny hitsikitsika. Rehefa sendra tojo ny henjana na malaza ho mafy loha aza ny vorondolo dia niala tsy satry ihany. Vokany, lasa halan'ny voron-drehetra ny vorondolo noho ny toetrany ihany.

Raha ampifandraisina amin'ny fiainana fahita eny anivon' ny fiarahamonina ny angano dia toy izao. Ny vorondolo dia ireo karazan'olona mpibodo zavatr'olona fotsiny. Ny takatra kosa dia ireo karazan'olona manan-katoraka indrindra amin'ny ara-bola ka manakarama sy mamporisika izay olona ilainy amin'ny olona mianjady aminy. Izany hoe ny vola no mibaiko ny fiainany. Ireo olona mpikaraman'ady kosa ny goaika sy ny

hitsikitsika, na koa ireo olona mpanao aferafera. Samy ratsy avokoa ny toetran'ireo voalaza ireo, samy mikatsaka ny soa ho azy fa tsy mifampitsinjo.

Ny vorondolo manao izay amaharany amin'ny trano. Ny takatra manao izay fomba rehetra ahazoany ny trano. Ny papango sy ny hitsikitsika manao izay ahazoany ny tambiny nampanantenaina azy fotsiny. Ary ny vorona sisa manao halako bika tsy tiako tarehy ny vorondolo.

Fiainana iainan'ny olona ao anaty fiarahamonina avokoa izany voalaza izany , izay ananarana ny ankizy mba hitandrina izany satria misy voka-dratsiny avy eo ny fanaovanaovam-poana, toy ny nahazo ny vorondolo.

Hita àry fa miankina amin'ny toetran'ny tsirairay no maha tsara na maha ratsy ny fitondran-tenan'ny olona. Teo ihany koa ny fitaizana azy tany ankohonana izay toetra entiny miaina eny anivon'ny fiarahamonina. Heverina àry fa ilaina tokoa ny fampitana ireo angano voaresaka ireo mba hitaizana ny ankizy any an-toerana. Amin'ny maha olona manam-pinoana ny Malagasy dia misy hatrany koa zavatra mifehy azy eo amin'ny fiarahamonina.

Ato amin'ny angano, tara-kevitra misongadina ny fady. Nomena fizarana ho hafatra lehibe tian'ny angano ampitaina amin'ny mpihaino ny fady. Ary tian'ny ray aman-dreny ampitaina amin'ny ankizy any an-toerana sy ananarana ny zanany koa izany. Ndeha ary hojerena manaraka eto indray ny hafatra momba ny fady.

2.2. Hafatra momba ny fady

Vokatry ny fandinihan'ny mpamorona ny angano ny zava-misy eny amin'ny fiarahamonina dia tsikariny fa misy vokany eo amin'ny fiainana ny fanajana sy ny tsy fanajana ny fady. Tsy avy hatrany dia lazaina mivantana amin'ny mpihaino toy ny resaka ifanaovana andavanandro akory izany fa nikaroka fomba fanehoana hafa ny mpamorona itaterany izay zava-misy izay. Taratra ato amin'ny akora kirakiraina izany, izay ezahina aseho any anaty zana-pizarana any. Ireto ny angano miresaka ny hafatra momba izay fady izay.

Fafana II: Ireo angano maneho ny hafatra momba ny fady

LOHATENY	HAFATRA
A1 : Ny voay sy ny alika	Momba ny fampiasana ny ody, izay milaza fa ny mamba noana tsy mahamasim-panidy.
A5 : Rainizanaboay	Miresaka ny fahaveloman'ny taranaky Rainizanaboay sy ny fadiny izay tokony harahiny mba tsy hahafaty azy ireo sy tsy hinanan'ny voay ny taranany.
A11 : Rabesomitra	Manambara ny fady ao tritritra nefa mbola nodikan-dRabesomitra ihany.
A16 : Lehilahy tendan-kanina	Maneho zavatra tsy azo atao nefa mbola natao ihany noho ny hatendana ka dia maty.

2.2.1. Lafy tsaran'ny fanajana ny fady

Eo amin'ny finoana malagasy dia mbola mandaitra tokoa ny fady fa ny olona no manamaivana ny lanjany matetika. Hoan'ireo izay manaraka na manaja izany fady izany dia mety hahita voka-tsoa amin'ny zavatra hataony. Ny fiverenana ifotony amin'ny fanahy sy ny fisainana maha Malagasy no ahafahana manatsara ny fiainana. Izany hoe *fiverenana amin'ny kolontsaina tany am-piandohana*¹⁰ ZUMTHOR P. (1983:260). Hita taratra ato amin'ny angano nofidina itondrana ny asa fikarohana izany, izay hojerena manaraka eto.

2.2.1.1. Mampahomby ny zavatra atao

Rehefa hajaina ary apetraka amin'ny toerana tokony hisy azy ny hasin-javatra iray dia milamina ny fizotra ny fiainana. Eto dia ny fady no asian-dresaka sy tian'ny mpamorona angano ampitaina amin'ny mpihaino.

Ny A19 “Ingahifara tsara vintana” izao dia ahafahana maneho fa nahomby ny zavatra nataony rehefa nino sy nanaja izay voalazan'ny ray aman-dreniny nangatahany fitahiana izy. Narahiny izay fomba rehetra nolazaina azy ka dia azony ny harem-be.

¹⁰ « Retour à un folklore ressenti comme originel »

“Nony alina ny andro dia nanofy Ingahifara ka niresaka tamin’ireo ray aman-dreniny. Ary natoron’ireo ray aman-dreniny izany toerana lozo-bato iray be vola sy volamena ary volafotsy izany izy. Nafaran’izy ireo tsara Ingahifara amin’ny zavatra tsy maintsy hataony hakana ireo harem-be ireo”.

Ny hafatra azo tsoahina izany dia hoe : ny fahaizana manaja sy mankato ny fitsipika misy eo amin’ny fiarahamonina dia antoky ny fahombiazana eo amin’ny fiainana. Heverina fa tena misy tokoa ireny toerana manan-kasina ireny any an-toerana izay mbola manana ny fombany sy ny fadiny. Araka ny fahitana ny toerana nanaovana fanadihadiana dia mbola ahitana ireo toerana manan-kasina fangatahan’ny Razambe tany aloha fitahiana izay manana ny fady avokoa. Tsy voatery hangata-pitahiana eo intsony anefa ny olona any an-toerana amin’izao fotoana noho ny finoana tsy mitovy fa na izany aza dia hanjain-dry zareo hatrany ny tsy hanota fady izany toerana izany.

2.2.1.2. Misoroka ny loza mety hitranga

Maro be ireo fomban-tany tsy hay isaky ny faritra izay mbola manana ny fadiny. Raha atodika amin’ny fiainan’ny olona amin’izao fotoana izao ny fanazavana dia azo raisina ohatra ireo olona mila ravinahitra any an-tanin’olon-kafa. Rehefa any antanin’olon-kafa any dia misy ireo zavatra tsy azo atao ary misy koa anefa fomba azo atao ahafahana miaro tena. Hoan’izay mandala ny fomba dia tsy misy sakantsakana ny fitadiavana alehany any. Misy amin’izy ireny anefa tsy miraharaha ny fady na dia efa fantany aza ny fisiany, hany ka mahita loza izy ireny mazàna.

Ato amin’ny A5 “Rainizanaboay” ity izao dia nampahafantarin’ny rainy ireo zanany ny fady tsy tokony hataon’izy telolahy amin’ireny voay ireny :

“Ireo taranako dia tsy misy mahazo mitafy hodi-boay. Tsy azo atao koa mitana bararata rehefa mita rano. Tsy maintsy mamono lamba ny voay raha mahita azy reny maty satria izy ireny no solon-taolam-balon’ireo nahitana masoandro. Fady dia fady ny mamono na manimbazimba azy ireny”.

Ireo zokiny roa tsy nanaraka ny fady ary mety hohanin’ny voay ny taranany rehetra fa ilay faralahy kosa nanaja izay nolazain-drainy ka tsy ho hanin’ny voay mihitsy ny taranany.

“Izy roalahy zokiny dia tsy niraharaha izany hafatra izany fa Ifaralahy kosa nanaja ny hafatry ny rainy ary mbola mitana izany ny taranany ka tsy hohanin’ny voay mihitsy”.

Ny hafatra tiana hasongadina eto dia ny hoe rehefa mitandrana ny zavatra tsy azo atao ny olona dia tsy iharam-pahavoazana na loza.

2.2.2. Lafy ratsin'ny tsy fanajana ny fady

Misy akony eo amin'ny fiainan'ny olona ny tsy fanajana ny fady. Izany dia avohitry ny angano ihany koa mba hitandreman'ny mpihaino tsy hanaotao foana.

2.2.2.1. Mampitondra takaitra

Ny zavatra atao rehetra dia ahitam-bokany avokoa. Miankina amin'ny zavatra natao anefa io vokatra io : raha nanao ny tsara ny olona iray dia ahazo vokatra tsara. Raha nanao ratsy kosa ny vokatr'izay ihany no jinjainy.

Raha hiverenana dinihina ny A5 “Rainizanaboay” dia vokatry ny tsy fanarahana ny tenin-drainy momba ny fady amin'ny voay no itondran'izy roalahy zokiny sy ny taranany rehetra takaitra. Raha nanaraka ny tenin-drainy anefa izy ireo dia mety tsy hahita loza toy izany.

Ny hafatra eto dia hoe : tanteraka amin'ny olona manao tsinontsinona ny hasin'ny fady tsirairay ny tsininy na ny hatezerany. Tsy maintsy misy takaitra na olatra mitoetra mantsy ny vatan'izy ireo izay kaikerin'ny voay. Izany hoe, tsy misangy na mivazivazy amin'izay olona tsy nanaja azy ireny hery hafa tsy hita maso ireny.

Toy izany no ambaran'ny A1 “Ny voay sy ny alika”

“Kanjy iny hitodi-doha hiverina handeha hody iny no nosamborin'ny voay. (...) Anio kosa ialahy dia ataonay mahita faisana fa migafy sy mandika ny fadinay”.

2.2.2.2. Mahafaty

Rehefa tsy voahaja tokoa ny fady araka ny angano nodinihina dia mety hitarika hatrany amin'ny fahafatesana.

Ity A11 “Rabesomitro” ity izao dia nanambarana ny nahafatesan-dRabesomitro noho ny tsy nanajany ny fadin'ny toerana nalehany. Efa fantany fa fady kisoa ilay rano dia mbola nihinan-kisoa ihany izy hany ka ny fatiny sisa no natsikafon'ny rano. Ny nataon'ity olona voaresaka eto ity izao dia ninia tsy nanaja tsotra izao ny fadin-tany izay efa fantany ny mety hanjo azy raha mandika izany, kanefa dia mbola nataony ihany.

“Kanjy efa fambara mialoha ny tsy handikany ny fady ao amin’io toerana alehany io izany fa izy no tsy mino. Nony tonga tao amin’ily toerana izy dia nidina hilalao rano rehefa avy nihinan-kanina. Vao nidina hilalao rano izy dia nianjera nankany anaty rano ary tsy nipoitra avy any raha tsy efa maty”.

Nisy ihany koa lehilahy iray voalaza ao amin’ny A16 “Lehilahy tendan-kanina”, izay efa norarana tsy hihinana ny hanina ao anatin’ily rano nefa mbola nihinana, ihany ka dia naolan’ny amalona ny tendany ary maty avy hatrany. Tokony hajaina hatrany araka izany ny fady mba tsy hisian’ny fahafatesana hihatra. Tsy ao amin’ny angano tantaraina ihany no ahitana ny loza ateraky ny tsy fanajana io fady io fa mbola hita ao an-toerana mandraka ankehitriny.

Misy loharano kely sahabo iray metatra tora-droa (1 m^2) izay ohatra ao anatin’ny fokontany Fiadanana izay fady kisoa ka tsy azo itondrana zavatra nampiasaina tamin’ny fandrahoana sakafo misy kisoa toy ny siny, ny singa, ny koveta, ny vilia. Eo ihany koa indrindra indrindra ny tsy fahazoana mikasika io rano io raha vao avy nihinana na nihosinkosina tamin’ny hena kisoa.

Ny tsy fanajana izany ao amin’io toerana io dia miteraka fahafatesana tampoka eo amin’izay olona nanao izany. Manaporofy izany ny tsy ahasahian’ny olona mandika ireo fady ireo araka ny hitanay tany an-toerana.

2.3. Hafatra miresaka ny fivadibadiham-piainana

Mbola araka ny fahitana ny zava-misy ihany ny hafatra ampitaina ato amin’ny fivadibadiham-piainana. Araka ny voalazan’ny oha-pitenenana mahafaoka izany dia ny hoe “*kodiaran-tsarety ny fiainana*”.

Ahitana io fivadibadiham-piainana io ny angano nangonina matoa omena zana-pizarana ato amin’ny asa ny hafatra miresaka izany.

Fafana III: Ireo angano ahatarafana ny fivadibadiham-piainana

LOHATENY	HAFATRA
A13 : Zaza mahagaga i Faralahy	Miresaka ny nanjo an'i Faralahy tany ampiandohana nefa taty aoriana dia izy no tsara vintana noho ireo zokiny niangarana ka dia lasa izy indray no mpanjaka.
A18 : Tonga olon-kendry	Manambara ny fiovan'ny tovolahy iray izay naditra satria noteren'ny zava-misy teo amin'ny fiainany izy izay zavatra tsy azony ialana mihitsy.
A19 : Ingahifara tsara vintana	Maneho ny fiovam-piainan'Ingahifara izay nahantra taloha nefa lasa mpanankarena izy taty aoriana noho ny finoany izay voalazan'ny ray aman-dreniny tamin'ny nofiny.
A20 : Mpanompo lasa mpanjaka	Momba ny fahaizan'ny mpanompo miray hina amin'ny zavaboary mba hahafahany mamita ny iraka nasain'ny mpanjakany nataony. Na dia novonoina aza ity mpanompo ity noho ny hasarotampiaron'ilay mpanjakany dia voaavotra ka dia lasa izy indray no vadin'ny mpanjaka.
A22 : Ilay mpivady tsy miady	Miresaka ny fahantran'ny mpivady nefa noho ny fanamby amin'ny toetra ananandry zareo dia azony ny loka nifanambazana ka dia lasa mpanankarena izy ireo.

2.3.1. Eo amin'ny toe-karena

Ny hafatra tian'ny mpamorona ambara eto dia ny fiovan'ny fiainan'ny olona iray teny am-piandohana sy ny tany am-piafarany. Hasesy jerena amin'izany ny sarangan'olona mijotso sy ny sarangan'olona manonga.

2.3.1.1. Sarangam-piainan'olona mijotso

Ny tiana holazaina amin'ny hoe sarangam-piainan'olona mijotso dia raha toa ka nanan-karena izy tany am-piandohana kanefa aty aoriana niha nahantra. Izany hoe, ny fitsimbadihan'ny fiainan'ny olona nankany amin'ny fahantrana no tiana hasongadina eto. Misy ny angano maneho izany ato amin'ny akora dinihina.

Ny A18 “Tonga olon-kendry” izao dia miresaka olona efa zatra niaina tamim-piadanana teo amin'ny ray aman-dreniny kanefa noho ny ditrany sy ny toetrany tsy tia fehezina dia lasa nitsoaka tany anaty ala izy. Tsy nisy ny vokatra nambolena azo nohanina tany ka tsy maintsy nitady zavatra hafa atao sakafo.

Lasa nivelona tamin'ny fihazana indray izy tamin'izany. Raha tsorina izany dia lasa niharatsy ny fiainany satria olona zatra niadana teo ankohonany no lasa mitady izay arapaka amin'ny alalan'ny fihazana any an'ala indray.

“Na dia niady aza izy izy telo mianaka dia nalahelo azy ny reniny satria zanaka tokana. Dia nomeny fananana ihany : vola, soavaly, akanjo dia lasa nandeha ka tany anaty ala izy no nipetraka ary haza no nivelomany”.

Ny hafatra tiana ahatongavana izany dia hoe, tazomina sy fihinina mafy izay efa eo an-tanana. Mila toavina tsara koa ireo ray aman-dreny raha mananatra fa mahaso izany.

2.3.1.2. Sarangam-piainan'olona manonga

Lazaina fa manonga ny fiainan'olona iray raha toa ka nahantra izy tany am-piandohana ary lasa nanan-karena tany amin'ny fiafarany. Voaresaka ato amin'ny angano koa izany, izay hafatra ampitain'ny mpamorona azy ary hita koa ny fisiany eo amin'ny fiainana. Ny A19 “Ingahifara tsara vintana” izao dia hita fa olona nahantra tany am-piandohana. Noho izay tsy fisiana nisy tao an-tokantranony izay dia nalefany niandry ombin'ny rahalahiny izay nanan-karena ny zanany. Tsy tantiny anefa ny fampijaliana nataon'ny rahalahiny an'io zanany io sy tamin'izy mianakavy ka niezaka

izy. Ny nataony voalohany dia nangatam-pitahiana tamin'ny ray aman-dreniny izay efa maty ary nivaly ny fangatahany ka tonga mpanan-karena izy taty aoriana.

Manamarina izany ny voalazan'ny angano :

“Fotoana fohy taorian'izay dia nividy omby maro, tanimbary midadasika izy ireo ary tsy ela dia nanan-karena”.

Ahitana taratra izay sarangam-piainana manonga izay hatrany koa ny A17 ka asehony eo amin'ny fiainan'izy mianadahy izay nozarin'ny ray aman-dreniny tamin'ny fivelomana tamin'ny haza sy ny fiainana mirenireny. Izany hoe tsy nanana izay sakafo hohanina fa izay hita eny rehetra eny no atao anton-tsakafo.

Tsy nisy izay trano hitoerana ihany koa fa nanao olon-dia teny. Noho ny ezaka nataony sy ny fikirizan'izy ireo anefa dia lasa mpanan-karena tao amin'ny mpiray tanàna ka niova avokoa ny fiainana rehetra. Toy izao ny nanambaran'ny angano azy : *“Taona vitsy monja dia tonga mpanan-karena be teo an-tanàna izy mianadahy”.*

Miovaova hatrany ny fiainana ka asongadin'ny angano mandrakariva ny fomba fiainana sy ny fomba fisainana manoloana ny harena na ny fahantrana. Tsy voatery hanana foana ireo mpanana ary tsy voaozona ho fadiranovana koa ireo mahantra fa ny fiezahana sy ny vintana afaka mampitsimbadika ny zavatra rehetra eo amin'ny fiainana. Raha izay ny mikasika ny sarangam-piainana manonga eo amin'ny harena. Ndeha hojerena kosa indray ny eo amin'ny sarangam-pahefana.

2.3.2. Eo amin'ny sarangam-pahefana

Ny fiovaovam-piainana ihany no resahina eto saingy eo amin'ny lafin'ny fahefana eo am-pelatanana. Miseho eo amin'ny fananam-boninahitra sy ny fahaverezan-kasina izany.

2.3.2.1. Fisondrotam-boninahitra

Ny anjara asa sahanin'ny tena eo amin'ny sehatry ny asa no hafatra ampitaina eto. Mety mivoatra araka ny zava-misy izany, na vokatry ny fiezahana. Milaza izany ity A13 “Zaza mahagaga Ifaralahy” ity satria anisan'ny olona nahilika teo amin'ny fiarahamonina izy, eny fa na dia ny ray aman-dreniny aza dia nanao azy izany. Noho ny fananany takaitra no nahatonga izany. Taty aoriana anefa rehefa nanao fahagagana izy dia lasa mpanan-karena be sy olona manam-boninahitra teo an-tananany satria lasa izy no mpanjaka. Ny ataon'ny olona eo amin'ny fiarahamonina na tsara na ratsy no mamaritra ny fahefana omena azy. Izany hoe tsy ho mpanjaka velively eto Ifaralahy

raha toa ka tsy naneho fihetsika mendrika teo amin'ny manodidina azy. Tsy ho tonga eo amin'ny toerana ambony ihany koa izy raha toa ka tsy nomen'ireo mpiara-belona izay toeram-boninahitra izay.

“Tena mendrika ho mpanjaka: tia vahoaka, tsara fanahy. Hafaliana moa ny an'ny vahoaka nanana mpanjaka an'Ifaralahy ka nanamboaran'ny olona lapa voaravaka vatosoa izy ka tao no nipetrahan'Ifaralahy an-taona maro, sambatra éry izy”.

Ny hafatra azo tsoahina eto izany dia hoe *“aza ahilikilika ny ondry botry fa tsy fantatra izay hanao kambana”.*

2.3.2.2. Fahaverezan-kasina

Ity hafatra ity koa dia mbola eo amin'ny anjara asa sahanin'ny tsirairay ihany no ahatarafana azy eny anivon'ny fiarahamonina. Ny anjara asa no ahitana azy satria izy no maneho ny haja amam-boninahitra anatin'io sehatra io.

Ohatra maneho izany ity A9 izay milaza ny fahaverezan-kasin'ilay Dadabe iray. Izany hoe raha teo amin'ny fiarahamonina malagasy dia nisy ny soatoavina manome hasina ny zokiolona. Tsy natao ambanin-javatra izy ireny rehefa misy ny zavatra atao na ny hevitra hotanterahina satria efa niaina ela ka mahalalala zavatra maro. *“Ela nihetezana ka lava volo”* hoy fitenenana.

Raha tsorina dia azo lazaina ho vory saina tsara ka afaka mandanjalanja ny mety sy ny tsy mety ; ny tsara sy ny ratsy ; ny tokony sy ny tsy tokony hatao. Noheverina ho fitaratra sy ho fakan-tahakin'ny fiarahamonina eo amin'ny fahamendrehana ny zokiolona indrindra ny Dadabe ka nomena toerana ambony indrindra eo anatrehan'ny ankizy sy ny tanora. Vokatry ny toetra amam-pihetsika nataon'ilay Dadabe anefa dia tsy noraharahian'ny olona intsony izay hasina nananany izay. Nanjary voavingavinga sy tsy noheverin'ny olona ho ray aman-dreny intsony. Izany hoe tsy ananan'ny olona henamaso ka tononina amin'ny anaram-bosotra eny na dia efa antitra aza.

“Izany toetran'i Dadabe tsy tia mizara sy lozan-kanina izany no nahatonga ny anaram-petaka hoe Dadabe tendan-kanina an'izany Rangahy lehibe izany”.

Ny mpiara-monina no manome ny hasina ho an'ny olona mendrika izany. Izany hoe tsy misy afaka hilaza ho be hasina na manan-kasina ny olona iray fa miankina

indrindra amin'ny toetra amam-pihetsika sy ny fomba fiaina eo amin'ny fiarahamonina ihany no ahazoana azy.

Ny A15 izao dia milaza fa manetry ny maha izy azy ny tsirairay na ny hasina ananany ny tsy fahaiza-miaina. Ato amin'ity angano ity izao, ny omby dia noheverin'ny valala hanana ny fahalalana sy ny fahaiza-miaina ka nomeny izany hasina izany :

“... ianao tokoa no zoky sady ray aman-dreny”

saingy noho ny tsy fahaizan'ny omby nandray izay hasina nomena azy izay dia nanaotao foana izy.

Naneho toetra ratsy teo anatrehan'ny valala izy ka izany no nahatonga ny valala tsy hiraharaha azy intsony. Izany hoe miteraka fahaverezan-kasina eo amin'ny tsirairay io tsy fahaiza-miaina io.

“Tsarovy fa ny lehibe tsy mahay miaina tsy asian'ny kely hasiny”

ho hatrany raha ny voalazan'ity angano ity...

Araka izany, miankina amin'ny zavatra ataon'ny olona no mety hampisondrotra na hampitambotsotra ny hasina ananany. Ny voninahitra na ny fahafaham-baraka eo amin'ny olona tsirairay dia tsy tongatonga ho azy ary tsy miesotra fahatany ihany koa fa arakaraka ny fikatsahana azy na tsia no hipetrahany eo amin'ny olona na tsia.

FEHIN'NY FIZARANA FAHAROA

Raha fintinina ny fizarana faharoa dia nahazoana vokatra maromaro teo amin'ny hafatra tian'ny mpamorona ampitaina amin'ny mpihaino ny angano nokirakiraina. Rehefa avy novahavahana ny angano tsirairay dia tsapa fa zava-misy ary mbola iainan'ny olona ny ankamaroan'ny hevitra na hafatra fonosiny. Tsy mandeha ho azy ny famoronana ny angano fa misy mandrakariva ny fandinihan'ny mpamorona ny tontolo manodidina teo amin'ny famolavolana ny zavatra ambara sy ny hevitra enti-maneho izany, indrindra indrindra ny filalaovana ny sary ampiasaina amin'ny fandrafetana ny angano iray. Nokendrena ampitana hafatra avokoa ny angano tsirairay ka vokatra telo no misongadina teo amin'izany famoronana izany : ny hafatra momba ny fitondran-tena, ny hafatra momba ny fady ary ny hafatra mikasika ny fivadibadiam-piainana.

Ny hafatra momba ny fitondran-tena, izay nojerena teo amin'ny sehatry ny ankohonana sy fiarahamonina dia mivoy ny tara-kevitra fahendrena, fanabeazana, fanambakana. Raha ny vokatra azo momba izay dia hoe miainga any anaty ankohonan'ny tsirairay ny toetra na fitondran-tena asehony ety ivelany.

Ny hafatra momba ny fanajana ny fady kosa dia nojerena teo amin'ny lafy tsarany sy ny lafy ratsiny. Ny vokatra azo tamin'izany dia hoe nahazo tombony ireo olona nanaja ny fady raha toa ka maty avy hatrany kosa ireo olona nanimbazimba ny fanajana ny fady. Ny tara-kevitra misongadina amin'ity hafatra ity izany dia ny fanajana ny fady.

Ny hafatra miresaka ny fivadibadiam-piainana no hafatra fahatelo farany navohitra ny angano nokirakiraina izay nanehoana fa miovaova ny fiainana fa tsy mijanona fotsiny tamin'ny fiandohana voalohany. Izany fiovana izany anefa araka ny namintinana ny voalaza ao amin'ny fizarana voalohany dia vokatry ny zava-misy na vokatry ny ezaky ny tena na vokatry ny hakamoana ihany koa. Azo raisina hoe : ny fiezahana, hakamoana, vintana, anjara no tara-kevitra tian'ny mpamorona avohitra ato amin'ity hafatra ity. Ireo voalaza ireo izany no hafatra mibahan-toerana tao amin'ny akora nodinihina. Amin'ny fizarana fahatelo indray araka izany no androsoana ny paika nentina nampahomby ny fampitan-kafatra amin'ny angano.

**FIZARANA FAHATELO
IREO PAIKA MAMPAHOMBY NY
FAMPITAN-KAFATRA AO AMIN'NY
ANGANO**

Ny lohateny nomena izao asa izao dia ny hoe paika mampahomby ny fampitan-kafatra ombam-panabeazana. Mizara roa ny paika hoenti-mampita hafatra amin'ny angano ankehitriny : paika an-teny sy ny paika tsy an-teny.

Raha vao miresaka lahabolana dia mby ao an-tsaina voalohany ny fampiasana ny teny izay tsy azo ialana. Tsy latsa-danja ao anatin'izay fikirakirana ny teny izay ny fahaizan'ny mpamorona mamorona ireo tsilalaon-teny sy karazan-tsarin-teny mampahomby ny fampitan-kafatra ao anatin'ny angano.

Ny paika tsy an-teny kosa dia ahitana ireo karazam-pihetsika sy toetr'endrika heverina fa mampahomby ny fampitan-kafatra ao amin'ny angano.

3.1- Ny fampiasana ny teny


Anisan'ny paika mampahomby ny fampitan-kafatra ny fampiasana teny sy ny filalaovana azy. Araka ny nambaran'i JAKOBSON R. (1963 : 77) fa :

“Ny teny no anehoana ny zavatra ao an-tsaina sy fitaovana entina mifanerasera amin'ny mpiara-belona”¹¹.

Ny fampiasana ny teny eto dia tsy mandeha ho azy fa samy manana ny anjara asany avokoa. Raha ny voalazan'i JAKOBSON R. dia anjara asa enina no indray mifarimbona ao amin'ny fampitan-kafatra : anjara asa fanehoan-kevitra amam-pihetseham-po «*expressive*» na «*émotive*», anjara asa fandresen-dahatra «*conative*» na «*argumentative*», anjara asa fanoritsoritana «*phatique*» na «*déscriptive*», anjara asa fanazavana «*métalinguistique*» na «*explicative*», anjara asa fampahahalalana «*référentielle*» na «*dénotative*» na «*informative-descriptive*», anjara asa fanehoana ny kanto «*poétique*». Mba hahafahana manambara àry fa fitaovana fampitan-kafatra mahomby ny teny sy ny fahaizana mampiasa azy dia hojerena ato amin'ny akora dinihina ireo anjara asa ireo. Rehefa hita ireo dia azo ambara fa ny teny ampiasain'ny ao amin'ny angano no antony ampiasain'ny fiarahamonina any an-toerana ny angano satria mora azo ny hafatra noho ny fahazavan'ny teny ampiasaina nampitana ny hafatra. Raha aseho an-tsary ny fisehon'ireo anjara asa ireo dia toy izao :

¹¹ Le langage est le véhicule spécifiquement humain de l'activité de l'esprit et de la communication.

Sary IX: Kisary anehoana ireo singa mandrafitra ny fampitan-kafatra an-teny arak'i JAKOBSON



Araka ny anehoany azy amin'io kisary io dia mifaningoitra tanteraka ny singa tsirairay eo amin'ny fampitan-kafatra. Toy izao kosa ny fisehon'izany eo amin'ny fanatontosana ny fampitan-kafatra ao amin'ny angano.

Ny mpitantara no mpandefa hafatra. Ny angano izay mifono anatra na fananarana no hafatra. Ny mpihaino no mpandray hafatra, izany hoe ireo ankizy ao amin'ny fiarahamonina. Ny fomba enti-maneho ny hafatra amin'ny alalan'ny teny sy fihetsika no fantsona mampifandray ny mpitantara sy ny mpihaino. Ny fampiasan'ilay fiarahamonina ny teny no rafi-pamantarana voalohany ifankazoan'ny olona ny zavatra ambara.

3.1.1- Ireo teny enti- mandresy lahatra

Araka ny hita tao amin'ny haitsikera'i JAKOBSON R. voalaza etsy ambony dia misy anjara asa enina ny fampiasana ny teny. Ato amin'ity zana-pizarana ity dia hojerena izany eo amin'ny fampiasana azy ao amin'ny angano. Nakambana eto izay anjara asan'ny teny mitovitovy sy afaka mifameno anjara asa izay.

Ny anjara asa fanehoan-kevitra amam-pihetseham-po «expressive» na «émotive» sy ny anjara asa fandresen-dahatra «conative» na «argumentative» no akambana hojerena ato. Ny fampiasana ireo anjara asa roa ireo no ahafahana mandresy lahatra ny mpihaino ny angano.

Anisan'ny paika mampahomby ny fampitan-kafatra amin'ny angano araka izany ny fahitana azy ireo anaty angano. Ndeha ary hirosoana voalohany ny fijerena ny anjara asa fanehoan-kevitra amam-pihetseham-po ato amin'ny akora dinihana.

3.1.1.1. Ny teny manana anjara asa maneho hevitra

Mahakasika indrindra ny mpandefa hafatra ny anjara asa fanehoan-kevitra. Hoy i JAKOBSON (1963) :

“Ny finiavany hamoaka izay eritreriny, ny fihetseham-pony, ny fiontanany eo am-pandrafetana ny hafatra, ny heviny ohatra, izany hoe, ahatarafana ireo marika samihafa ahazoan'ny mpandray hafatra mamantatra ny mpandefa hafatra”¹².

Raha ny angano manokana no jerena dia ahatarafana ny halalin'ny sain'ny mpamorona amin'ny fahalalany ny zava-misy ny angano foroniny. Taratra amin'ny asa foroniny ihany koa ny fahaizany mandinika ny zava-misy sy ny fahaizany mandrafitra azy ho tantara kely entina ampitaina amin'ny mpihaino.

Ohatra raisina ny A20 : “Mpanompo lasa mpanjaka“. Vokatry ny fandinihan'ny mpamorona ny zavatra niainany no nahatafatsanganany angano iray izay mifono hafatra. Hita tamin'ity angano ity ny toetra ratsin'ny mpanjaka manoloana ny mpanompo. Ary noho ny finoana ny hery tsy hita maso dia avotra ihany ny mpanompo. Izany hoe miasa eto ilay ohabolana manao hoe “aza ny lohasaha mangina no jerena fa zanahary an-tampon'ny loha“; satria na dia novonoina aza ilay mpanompo dia navotan'ilay zanaky ny mpanjaka tamin'ireo fanafody nampitondrain'ny rainy azy ireo. Toy izao no fomba nanehoana azy ato amin'ny angano :

“Nitomany ilay tovovavy nahita ilay mponompo maty. Tonga tao an-tsainy tampoka fa misy rano mahagaga azo atao fanafody any aminy ka avy hatrany dia nalainy ilay rano dia nararany teo amin'ny tendan'ilay mponompo. Dia nitohy indray ny teo. Nalainy indray ny rano tamin'ny tavoahangy iray dia nampandroiny ka nitsangana ilay maty.”

¹²«Cette fonction vise à une expression directe de l'attitude du sujet à l'égard de ce dont il parle. Elle à donner l'impression d'une certaine émotion, vraie ou feinte.»

Ny soa atao koa levenam-bola ka dia avotra soa aman-tsara ilay mpanompo ary lasa vadin'ilay zanaka mpanjaka nanavotra azy. Manamarina izany ny voalazan'ny angano :

“Ary nanao vodiondry tamin'ny rain'ilay tovovavy ilay mpanompo ka nivady izy roa. Ilay mpanompo no lasa mpanjaka tao amin'io toerana nisy ilay tovovavy io.”

Ny hevitra tian'ny mpamorona atao izany eto dia hoe na manam-pahefana aza ny olona iray dia tsy tokony hanampatra izany amin'ny olona fehiziny fa io olona io koa dia manana ny vintany manokana izay tsy azo sakanana.

3.1.1.2. Ny teny manana anjara asa mandresy lahatra

Eto dia ampiasain'ny mpamorona koa ny anjara asa fandresen-dahatra entina hanohanana ny hevitra na hafatra tiana hampitaina. Izany hoe, ahitana ny fiezahan'ny mpandefa hafatra hanaitra ny mpandray hafatra ity anjara asa fandresen-dahatra ity. Andinihana ireo fomba sy tetika rehetra ampiasainy hanetsehana ny mpandray hafatra sy handresen-dahatra azy. Ohatra :

Ahoana no ataon'ny mpandefa hafatra mba hihainoan'ny mpandray azy? Amin'ny angano dia nampitenenina ireo mpandray anjara mba ahafahan'ny mpihaino mihaino ny hafatra tiany ampitaina.

Inona no tetika ampiasainy handreseny lahatra ny mpandray hafatra? Arakaraka ny teny na hafatra na anatra ampitenenina ilay mpandray anjara ao amin'ny angano no omena endrika manaitra hisarihana ny sain'ny olona mihaino ny angano.

Ohatra raisina amin'izany ny voalazan'ny ao amin'ny A18 manao hoe :

“Nanao ditra sy hadalana teto anatrehanareo, aho ry kaky sy neny nefa ianareo tsy nanidy fo tamiko. Mifona aminareo aho tamin'ny tsy nety vitako ary ataoko toy ny ravin-kazo nanitsana ireny ka ny sisa no ampanirina”.

Raha ny tantara no zohina dia tantaran'olona maditra tsy mahazaka tenenina ka nandao ny ray aman-dreniny. Tsy tao an-tsain'ity olona ity fa mbola mety misy ilany ireto ray aman-drenin'ireto any aoriana any. Tonga tokoa izany fotoana izany taty aoriana ka dia tsy maintsy nifona sy nivalo ny tsy hanao intsony ka vonona ny hanarina ny hadalany izy. Izany teny izany anefa ato amin'ity angano ity dia tsy novantanina tahaka izany fa nomena hevitra miavaka : “ny ravin-kazo nanintsana” izay nentina nilazana ireo hadalana sy ditra natao ary ny sisa no ampaniriana nentina nilazana ny

fahavononana hiova amin'ireo ditra sy hadalana. Mikendry izay fomba rehetra hisarihana ny mpandray hafatra izany ny mpandefa azy. Tanjona eto ny hanetsika ny mpandray hafatra araka izay kendren'ny mpandefa sy izay zavatra andrasany. Ny hafatra tian'ny mpamorona angano ampitaina izany dia hoe ny toetra ratsy dia azo ovana tsara.

3.1.2 Ireo teny entina ilazana ny tranga tantaraina

Ny fitantarana dia ahitana trangan-javatra tantaraina. Mila fahafehezana anefa ny fitantarana io tranga io. Mba hahafahana maneho io tranga io dia nampiasaina ny teny afaka manoritsoritra, azo anazavana ary entina ampahalalana ny mpihaino azy. Hojerena ato amin'ity zana-pizarana ity ary ireo anjara asa telo ireo izay mbola tanàn'ny teny hatrany ny fahatomombanany. Hojerena voalohany amin'izany ny anjara asa manoritsoritra.

3.1.2.1. Ny teny entina manoritsoritra

Mifandraika amin'ny endri-pifandraisana misy eo amin'ny mpandefa hafatra sy ny mpandray azy ny anjara asa fanoritsoritana. Hita taratra amin'ny fomba fanehoany ny fihetseham-pony sy ny fanehoany ny heviny izany. Izany hoe, izay fomba rehetra maneho ny fifamatorana eo amin'ny mpandefa hafatra sy ny mpandray. Ao amin'ny angano ohatra dia tarihin'ny mpitantara amin'ny fampahafantarana ny zavatra lazainy ny mpihaino mba hahafahan'izy ireo manaraka ny fizotry ny tantara sy ny hevitra raiketiny. Izany hoe ambaran'ny mpitantara mazava tsara dieny eny am-piandohana ny zavatra tiany hambara : toy ny anarany, ny endriny, ny mombamomba azy, ny toetrany.

Eo amin'ny fitantarana angano hatrany, voatanisa avokoa ireo lafin-javatra rehetra heverin'ny mpitantara na ny mpampita hafatra fa hampahazava ny zavatra lazainy. Izany hoe eny am-piandohan'ny angano izy dia efa manoritsoritra ny tantara ho tantaraina.

Ohatra raisina amin'izany ny A16 “Lehilahy tendan-kanina”:

Nisy lehilahy iray hono, tia trondro fatratra ka mandeha manjono foana izy isanandro isanandro.

Ary matetika izy mangalatra trondron'olona any an-dobo. Indray andro ary, niainga vao maraina izy ka nitondra sobika sy fintana, nefa tsy nisy trondro intsony tao amin'ilay dobo fangalany trondro.

Nalefany ny fintana ka tsy nisy trondro nikitika.

Nalefany ny fintana ka mbola tsy nisy trondro nikitika ihany.

*Farany izy nandeha nankeny amin'ilay **dobô misy vazimba** izay tsy azo nojonoina hatramin'izay, fa ao mantsy **misy trondro sy amalona be dia be sady vaventy** ... “.*

Ireo nomarihina ireo ny teny anehoana ny fomba fanoritsoritan'ny mpamorona ny angano eny am-piandohan'ny tantara. Vao mihaino io A16 io dia efa manoritsoritra toetra an'ilay lehilahy iray ny angano : “izany hoe ny fitiavan'io lehilahy io trondro diso tafahoatra no toetra soritsoritan'ity angano ity ka entina hovelarina ao amin'ny angano iray manontolo ny vokatr'izany.

3.1.2.2. Ny teny entina manazava ny hafatra

Mifantoka indrindra amin'ny fomba fampiasana ireo akora enti-mampita ny hafatra ity anjara asa ity : anisan'izany ny teny. Fitaovana hoenti-manazava ny hafatra tiana hampitaina, araka izany, ny teny; izany hoe, hazavaina amin'ny alalan'ny teny ihany ny teny enti-manambara ny hevitra.

Araka ny efa natsidika tao amin'ny anjara asa fanoritsoritana dia efa voafaritra mialoha ny zavatra tiana hambara na hitondrana fanazavana. Izany dia ampahafantarina na hazavaina amin'ny alalan'ny teny hatrany. Ahitana izay fanazavana ny teny amin'ny alalan'ny teny izay avokoa ny akora dinihina amin'ity asa ity satria rehefa voazava amin'ny antsipirihany nandritra ny dingam-pitantarana ny hevitra na hafatra tiana holazaina dia hamafisina eo amin'ny fiafaran'ny tantara ny vokatr'izany.

Ny angano rehetra nodinihina dia ahitana io teny hazavaina amin'ny alalan'ny teny io avokoa satria na dia hita fa lava be aza ny zavatra ambara mandritra ny dingam-pitantarana rehetra dia mbola hazavaina amin'ny famintinana fohy ny hafatra. Toy izao ny fisehon'izany amin'ireo akora nodinihina :

A1 : Izany, hono, no nahatonga ny voay handrava ny fihavanany tamin'ny alika. Ny olona kosa namitram-pihavanana tamin'ireny alika ireny satria namonjy azy tamin'ny ady sarotra .

A3 : Izany, hono no nahatonga ny vitsika miara-mipetraka maro be, miara mibata ireny haza mavesafatra ireny ary mifankatia sy miray hina hatramin'izao.

A4 : Izany, hono, no nahatonga ny anaran'ny toerana hoe Mateloana.

A6 : Dia izay no nahatonga antsika Malagasy rehefa mievina dia manao hoe : hetse. Mahatsiaro ny anaran'i Hetse isika.

3.1.2.3. Ny teny entina mampahalala “référentielle”

Manao izay ahalalan'ny olona itenenana ny hevitra ampitaina ny mpandefa hafatra. Izany hoe atao izay ahazoany ao an-tsaina ny zavatra ambara aminy ka miezaka mamantatra izay mety ho eritreritra ao an-tsain'ny mpandray ny mpandefa rehefa mandrafitra ny hafatra amin'izany. Izany ohatra no ampiasana ny biby izay sady fantatry ny mpandefa hafatra no fantatry ny mpandray hafatra ao amin'ny angano. Ny alika, ny omby, ny valala (...), izao dia resahina ao amin'ny angano satria ny olona dia tsy misy tsy mahalala azy ireny.

Araka izany, teo amin'ny fandrafetana ny angano ny mpamorona dia tsy maintsy mamantatra ny zavatra azo dinihina eo amin'ny tontolon'ny saina (abstrait) ahafahana manambara ny hevitra azo aroso. Ary koa manavaka ny zavatra mivaingana, eo amin'ny tontolo hita maso (concret) andrafetana ny hafatra.

Tsy maintsy efa fantatry ny mpandefa hafatra mialoha araka izany ny mpandray ny hafatra : ny mety ho fihetseham-pony, ny mety ho fihetsiny, ny mety ho fandraisany azy. Toy izany koa ny fotoana, ny toerana, ny lohahevitra resahina. Ny zavatra rehetra namoronana ny angano dia efa iarahan'ny rehetra mahalala. Hahatafita ny hafatra tiana hambara ny antony nanaovana izany. Toy ny miteny irery mantsy ny mpitantara raha milaza zavatra tsy fantatry ny hafa ka izany no tsy maintsy androsoana mazava ireo zavatra na toe-javatra ao amin'ny angano.

Ny valala sy ny omby ao amin'ny A15 izao dia efa biby fantatry ny mpihaino. Ny omby ohatra dia biby lehibe misy tandrony roa, misy rambony, misy tongony efatra, misy trafony (raha lahy). Rehefa tononina ny anaran'ilay biby (omby) dia ao an-tsain'ny mpihaino avy hatrany ny sarin'ilay omby voalaza tetsy aloha.

Toy izany koa ny valala satria rehefa tononina io anarana io, ny sary ao an-tsain'ny mpihaino dia hoe biby kely misy tongony enina, misy tandrony roa, misy elany efatra (roa mifanosona). Lazaina mazava tsara fa teny ampiraotana ahitra teny an-tsaha no nifankazahoany. Izany hoe biby samy hafa karazany izy ireo nefa mitovy anton-tsakafo satria samy mihinana ahitra.

Ampahafantarina amin'ny antsipirihany ny zavatra nifanaovan'izy ireo ahafahan'ny mpihaino manaraka ny fizotry ny tantara toy ny fifanarahana amin'ny fanovaovana sakafo sy fiaraha-komana teo amin'ny roa tonta. Nisy ny tsy fifankazoana rehefa nandeha ny fotoana ka niteraka faharavam-pihavanana mihitsy izany. Nampahafantarina amin'ny mpihaino amin'ny antsipirihany ny zavatra rehetra izay manasongadina ny zavatra tantaraina ahafantaran'ny olona izay hafatra fonosiny. Izany hoe ity anjara asa

fampahalalana ity dia manampy ny mpihaino na ny mpandray hafatra eo amin'ny fampitana ny hafatra raiketin'ny angano.

3.1.3. Ny teny anehoana ny kanto ao amin'ny angano

Mifantoka indrindra amin'ny endrika anehoana ny hafatra sy ny fihetseham-po voaraikitra ao anatiny ny fanehoana ny kanto. Mibahan-toerana, araka izany, ny lafin'ny kanto, ohatra : ny voambolana nampiasaina, ny fomba filazan-javatra, ny fehezanteny nampiasaina... Asongadina eto ny fampiasana ny sarin-teny eo amin'ny fampitan-kafatra. Rehefa nodinihina ny angano voaangona dia nahitana karazan-tsarin-teny maro. Noho ny safidy izay natao, ny fampiasana ny tamberina araka ny haitsikera'i BACRY P. amin'ny fampitan-kafatra ihany no aroso amin'izao asa fikarohana izao satria izy no heverinay fa mampahomby ny fampitan-kafatra sady manamora ny fitadidina ny angano ampitaina. Ny toerana misy ny teny miverimberina entina ampitana ny hafatra no amaritana ny karazany sy ny anarany. Koa aroso amin'izao fizarana izao izany mba hanehoana ny lanjan'ny fampiasana ny tamberina.

3.1.3.1. “Anaphore”

Tamberim-boanten'ny na tamberin'andian-teny an-doham-pehezanteny na andalana na andohan'andiny mifanesy ny “anaphore”¹³. Sarin-teny fampiasa na mpiseho isaky ny misy fanatitranterana na fikirizana na fihetseham-po mibosesika izy. Toy izao ny kisary maneho io sarin-teny io arak'i BACRY P. hatrany :

Sary X: maneho ny “anaphore”

A----- / A-----

Araka ny kisary fanehoana hatrany no andinihana ny sarin-teny ao amin'ny angano. Toy izao ny fisehon'izany ao amin'ny A1 :

“Impiry ialahy izao mandeha eo tsy nataonay na inona na inona.

“Impiry koa ialahy nivezivezy teo. Anio kosa ialahy dia ataonay mahita faisana fa migafy sy mandika ny fadinay”.

Ny voanten'ny «*impiry*» no manomboka ny fehezanteny voalohany (1) sy faharoa (2) mifanaraka. Ny fampiasana ny “anaphore” ato amin'ireto fehezanteny ireto dia fanatitranterana fa maro tsy voatanisa ny niveziven'ilay alika teo amin'ilay toerana

¹³ L'anaphore est reprise du même élément en tête de plusieurs membres successifs.

misy ny voay. Antitranteriny amin'izany koa fa tsotra sy malemy fanahy ilay mpiteny rehefa manaja ny fombany ilay alika. Ny fampiasana ny tamberin-teny “impiry” eo amin'ireo fahezanteny ireo dia fanantitranterana somary manontany mba hahatonga saina ilay iresahana amin'ny hadalana nataony. Tsy manantitrantitra fe manantitrantitra ny “anaphore” eto fa mampatsiahy koa ny fahamaroan'ny fotoana nivezivezen'ilay alika teo amin'ny toerana misy ny voay. Izany, dia entina ilazana ny fahatsoran'ilay voay izay tsy tia maneho fihetsika ratsy amin'ny tsy rariny. Ahitana izany koa ny A.10 “Osy fahavalon'ny akoho” :

*“**Ataovy** eo andrehefan-trano ny marary aorian'ny mitatao vovonana.*

*“**Ataovy** amin'izay tsy misy bozaka aman'ahitra no ametrahana azy”.*

Ahitana tamberim-boantenany an-doham-pehezanteny mifanesy toy ny “*ataovy*” ao amin'ireo fehezanteny ireo. Raha dinihina akaiky io voantenany io dia teny manana filaza mandidy “-y”. Manantitrantitra ny toerana tsy maintsy asiana ny marary no ampiasana ny tamberin-teny ao amin'ireo fehezanteny ireo. Mampiasa ny “*anaphore*” ny mpiteny hanamafisany ny baiko lazainy mba hahatonga ny zavatra iray amin'ny toerana tiany hanaovana azy. Izany, hoe ny fampiasana ny “*anaphore*” eto dia fanantitranterana miharo baiko avy amin'ny mpiteny.

Ahitana tamberin'andian-teny an-doham-pehezanteny ihany koa ny A16 “Lehilahy tendan-kanina”:

*“**Nalefany ny fintana** ka tsy nisy trondro nikitika.*

***Nalefany ny fintana** ka mbola tsy nisy trondro nikitika ihany”.*

Eto indray dia ny andiam-boantenany ***Nalefany ny fintana*** no mitamberina anaty fehezanteny roa mifanaraka. Nampiasain'ny angano izy eto, entina ilazana ny olona tantaraina izay nanao asa tsy an-kijanona tamin'ny fanimpiazana ny fintana hoany anaty rano hanjonoana ny trondro.

Izany hoe manantitrantitra ny fahadisoam-panantenana teo amin'ilay olona tantaraina izy io. Ny zavatra nandrasana mantsy dia ny mba hahazo trondro isaky ny manainga ny fintana nefa nifanohitra tamin'izany no niseho. Rehefa dinihina akaiky koa anefa ny fampiasana io tamberin'andian-teny io dia manantitrantitra fa toerana hafahafa (misy fady) mihitsy ity toeram-panjonoana ity. Raha trondro maro be mantsy no ao dia tsy ilaozan'izay ho noana ka hanaikitra ny fintana. Araka izany mampiasa ny

tamberin'andian-teny ny mpitantara hanamafisana ny fampitan-kafatra momba ny fady eto.

3.1.3.2. “*Épiphore*”

Ny “*épiphore*” dia tamberim-boantenany na andian-teny am-param-pehezantenany na am-paran'andalana na am-paran'andininy mifanesy. Manana kisary maneho izany ny haitsikera'i BACRY P, tahaka izao hita amin'ny sary izao :

Sary XI: maneho ny “*épiphore*”

-----A / -----A

Ny tamberina araka izay anarany izay dia fomba famerenana ny zavatra resahina mba hampifantoka ny olona amin'ny hafatra tiana haroso.

Manaraka ny kisary nasehon'ny haitsikera ny fisehoan'ny “*épiphore*” ato amin'ny angano kirakiraina ity. Ahitana izany ny A.19 :

“*Nandrasana indray andro, tsy niverina Ingahimatoa.*

“*Nandrasana indroa andro, mbola tsy tonga ihany Ingahimatoa.*

“*Nandrasana telo andro, tsy niverina ihany*”.

Ny fiverimberenan'ny “*Ingahimatoa*” dia manantitrantitra ny fiandrasana azy tsy mbola niverina ao amin'ny tanana nisy azy. Avohitry ny mpiteny ny fampiasana ny tamberin-teny “*ingahimatoa*”. Hampisongadinana ny olona resahina ao amin'ny angano sy ny hafatra mifandraika aminy.

Ny A8 koa dia mbola ahitana “*épiphore*” manao hoe :

“*Teo dia niresaka ihany ilay vahiny,*

“*Niresaka ihany ilay vahiny.*

Misarika ny sain'ilay mpihaino eto ny angano amin'ny famerenana ny voantenany hoe “*vahiny*”. Ilay vahiny eto no fitaovana nentina nampitana ny hafatra.

Mbola miresaka izany koa ny A9 :

“*Dia tiany hijery azy Ramatoabe dia natsilaniny ny angady,*

“*Natsilaniny ny angady.*

Ny famerimberenana ny angady eto dia manatitrantitra ny fihetsika te hisarika olona mba hijery ny tena. Izany hoe misarika ny mason'olona amin' ilay fihetsika inina atao ny mpitantara.

3.1.3.3. “Anadiplose”

Ny “anadiplose” dia tamberim-boantenany na andian-teny am-param-pehezantenany na am-paran'andalana sy an-doham-pehezantenany na an-dohan'andalana mifanesy. Tsy miova hevitra ilay teny amin'izy miverina io. Misy ny sary ahafahana maneho izany, toy izao :

Sary XII: maneho ny “anadiplose”

-----A / A-----

Araka io kisary nasehon'ny haitsikera'i BACRY P. io dia mifanakaiky ny teny miverina izay mbola antoky ny fanamorana ny fampitan-kafatra.

Toy izao ny fisehon'ny “anadiplose” ato amin'ny angano. Indreto misy ohatra maromaro anehoana izany :

A6 : *Tapa-kevitra ary ity Zanahary fa haniraka ny **zanany**. **Zanany** vavy izay nantsointsika hoe : Tenandriambavilanitra.*

Tsy manova velively ny hevitra ny teny ny “anadiplose” fa manamafy kosa ny hevitra ny voantenany na andiam-boantenany mitamberina ao anaty fehezantenany. Hita ao amin'ireo fehezantenany roa mifanarakaraka ireo ny fiverenan'ny voantenany “ny zanany” izay manamarika ny fampiasana ny “anadiplose”. Ny hoe “zanany” dia fitambaran'ny voantenany hoe : *zanaka + -ny*. Ny *zanaka* dia iantsoana ny zaza nateraka ary ny *-ny* kosa dia mpisolontena tampisaka laharana fahatelo. Manatitrantitra ny “anadiplose” eto fa tsy zaza nihamboana na nosandohana fa tena sombin'ny ainy. Izany hoe, ny fampiasana io tamberina io ao amin'ny angano dia mandoko mivantana ny fihetseham-po noho ny fananana taranaka fara mandimby. Reharehan'ny ray aman-dreny ny zanaka ary harena soa sarobidy. Ny Malagasy aza moa dia milaza fa : “ny zanaka no harena”. Ny fiverenan'io voantenany io dia tsy nanova ny heviny, manamafy fa tsy nihamboana na nindramina fa naterany sy notezainy.

A.6 : *Nampanaovana akanjo tahaka ny tarehin'ny **avana**. **Avana** sahala amin'ireny eny amin'ny lanitra ireny.*

Ny fitamberenan'ny voantenany "avana" no endrika isehoan'ny "*anadiplose*" ao amin'ireo fehezantany roa ireo. Izany hoe, tamberim-boantenany an-doha sy am-param-pehezantany mifanesy. Tsy manova ny hevitr'io voantenany io ny famerimberenana azy ao amin'ireo fehezantany ireo. Ary antitranterina amin'izany aza fa zavatra iray ihany no lazaina ao amin'ny voantenany voalohany (avana) sy ny voantenany faharoa (avana).

/Ny avana/ : zava-miseho indraindray eny amin'ny habakabaka, rehefa misy orana, izay miendrika andohalambo makadiry mipaka amin'ny lanin'ny vodilanitra roa, ary misy loko fito fototry loko rehetra : mena, volondaoranjy, vony, maitso, manga, angina ary volomparasy. Izany hoe, ilay avana miseho eny amin'ny lanitra no tiana horesahina eto.

3.2. Ny fifehezana ny famoronana

Ahafahana maneho lafin-javatra maro eo amin'ny zava-kanto koa ny fifehezana ny famoronana miainga amin'ny eritreritry ny mpamorona. Hojerena ato amin'ity fizarana ity ireo fomba nanoloran'ny mpamorona ny angano noforoniny : miainga eo amin'ny lohatenin'ny angano mankany amin'ny votoatiny izany, eo ihany koa ireo karazan-tsarin-teny nentiny namelona ny angano.

3.2.1. Eo amin'ny famoronana lohateny

Manatsara ny asa famoronana zava-kanto ny fahaiza-mamorona, indrindra fa ny fanomezana lohateny ny angano. Kao irosoana amin'ny fizarana manaraka eto ny fijerena izany. Raha lazaina tsotra dia ny lohateny no isan'ny fomba iray amantarana ny angano sy anavahana azy amin'ny lahabolana hafa ary indrindra entina misarika ny mpihaino. Araka izany, tsy napetraka fotsiny araka izay itiavana azy izy io fa misy antony nisafidianana azy.

*Ny lohatenin'ny angano ohatra dia misy fomba efatra nentina nanome azy, niainga tamina ohabolana, niainga tamin'ny mpandray anjara, niainga tamin'ny toe-javatra mamarana, ary niainga tamin'ny tsangan-kevitra filôzofika hita ao amin'ny fiarahamonina.*¹⁴

Amin'izao asa izao dia izay hita amin'ny akora dinihina ihany no hojerena. Mizara roa ny nanomezan'ny mpamorona ny lohatenin'ny angano araka ny fihainoana ny akora.

¹⁴ RASOLOFOMANTSOA Ferdinand, 17 Avril 2002, *NY ANGANO SY NY FAMPINANARANA RIBA AO AMIN'NY KILASY FAHAROA*, C.A.P.E.N.

3.2.1.1. Ny lohateny miainga amin'ny mpandray anjara

Atao mifandraika amin'ny mpandray anjara ampitana ny hafatra ny angano mba hahazoan'ny mpihaino sary an-tsaina ny resaka aroso amin'ny angano tantaraina. Miisa 22 ny angano kirakiraina ka ny 12 amin'ireo dia ny mpandray anjara ao aminy ihany no lohateniny. Mibahan-toerana amin'ireto angano ireto ny fampiasana ny sarin-teny “*métaphore*”¹⁵ na ny fanovana endri-javatra satria ny mpandray anjara resahina eto dia tsy izy mivantana fa entina anehoana ny toetra amam-pihetsiky ny olona sasany ao amin'ny fiarahamonina. Ireto avy ireo angano ahitana izay lohateny miainga amin'ny mpandray anjara izay :

A1 Ny voay sy ny alika

A2 Kotofetsy sy mahaka nihava vary

A3 Ny vitsika

A5 Rainizanaboay

A11 Rabesomitra

A12 Andriatsitakatrini-manana sy Rabekorakora

A13 Zaza mahagaga i Faralahy

A15 Ny valala sy ny omby

A16 Lehilahy tendan-kanina

A17 Njoky sy Njandry

A21 Rasarolazaina

A22 Ilay mpivady tsy miady

Tsy mandeha ho azy ireo fa efa misy tanjona hatrany am-pamoronana ny hafatra fonosiny tsirairay avy izay mbola asian-dresaka ao amin'ny filazana ny votoatiny.

3.2.1.2. Ny lohateny miainga amin'ny toe-javatra mamarana

Arakaraka ny fivoaran'ny tantara any am-piafarany no nanomezan'ny mpamorona lohateny ny angano tantarainy. Voarafitra izany ny angano amin'ity lohateny miainga amin'ny toe-javatra mamarana ity vao nomena lohateny ny asa noforonina mba hifandraika amin'ny zava-dazaina ny lohateny. Rehefa nodinihina ihany koa ny fomba nanomezana ny lohateny ny angano dia tsikaritra fa ny fampiasana ny sarin-teny “inclusion” no namoronana azy satria araka ny famaritan-dRAJAONA S. ny “inclusion” dia *sarin-teny amerenana eny am-param-pamelabelaran-javatra ny teny na andian-*

¹⁵ Zava-kanto vita amin'ny teny tak.93

teny, na fehezanteny nentina nanomboka azy¹⁶ izay hita ao anatin'ny angano. Miisa 10 ireo angano voaangona ahitana izany ka ireto avy izany:

A4 Matoloana

A6 Hetse

A7 Zaza nampijalian-drenikely

A8 Main'ny endim-boanjony

A9 Dadabe lozan-kanina

A10 Osy vahavalon'ny akoho

A14 Mampiteny

A16 Lehilahy tendan-kanina

A18 Tonga olon-kendry

A19 Ingahifara tsara vitana

Miantoka ny hafatra fonosin'ny angano foana ny fomba nanomezana ny lohatenin'izy ireny.

Raha toa ary ka miankina amin'ny mpandray anjara sy ny toe-javatra mamarana ny angano ny lohateny nomena azy ireny dia heverina fa misy dikany lehibe amin'ny votoatiny raketiny izany. Koa amin'izao zana-pizarana izao dia hojerena ny fifandraisan'izy ireo satria anisan'ny mampahomby ny fampitan-kafatra amin'ny angano ny fisehony.

3.2.2. Eo amin'ny fandrafetana ny votoatiny

Singa notsoahina avy tao amin'ny votoatin'ny angano ny anatra sy fanabeazana. Ny lohateny kosa no mibaiko ny votoatiny na ny zavatra tokony hiseho ao anatin'ny angano. Miresaka votoatin-kevitra samihafa araka izany ny angano araka ireo lohateny hita teo aloha ireo. Araka ny nambaran-dRAJAONA (1994 : 13) hoe :

“Io filomana anatin'ny lahatsoratra io tokoa manko no fomba mahomby indrindra hahazoana tanteraka ny lahatsoratra, ka hahitana mazava tsara ny votoatin-javatra eo amin'ny hevitra sy ny fihetseham-po, ary hahitana koa ny antsipirihan-javatra rehetra, na ireo voalaza mivantana izany na izay voalaza an-kolaka; na indrindra koa aza izay tsy voalaza mihitsy, nefa dia ao dia ao, ...”

Izany hoe, vokatry ny fikirakirana ny angano no ahitana ny anatra sy fanabeazana raiketiny ary koa ahitana ny fifandraisany amin'ny lohatenin'ny. Ny

¹⁶ Zava-kanto vita amin'ny teny, tak 83

fiarahamonina any an-toerana sy ny mpikaroka dia samy efa nandinika ireo hafatra sy ny fifandraisan'ny lohateny amin'ny votoatin'ny angano ka nahita ny fahombiazany raha ampitana hafatra amin'ny ankizy na tanora na ny fiarahamonina mihitsy. Ndeha ary hojerena manaraka eto izany fifandraisana izany.

3.2.2.1. Votoatin'ny angano mifototra amin'ny mpandray anjara

Raha toa ka mifanaraka ny lohatenin'ny angano sy ny votoatiny dia saika ireo angano manana lohateny miainga amin'ny mpandray anjara no angano mivoy ireo hafatra maneho ny toetran'ny mpandray anjara, ny fombany, ny fanaony, ny fisainany. Ampifandraisina amin'ny zava-misy eny amin'ny fiarahamonina ny fisehoan'izany ao anatin'ny votoatiny angano. Toy ny hoe solontenan'ny olona iray ao anaty fiarahamonina entina anehoana ny hafatra ny mpandray anjara noraisina. Ohatra raisina amin'izany ireto angano ireto :

Ny A1 “Ny voay sy ny alika” izao dia miresaka ny finamanan'ny voay sy ny alika taloha ary nivadihan'ny alika ny voay rehefa nifanaraka tamin'ilay lehilahy mpamboly voatavo izy. Izany hoe maneho ny toetran'ny alika sy ny voay ary ny olona eto ny angano izay samy manana ny heviny avokoa.

Miresaka momba ny fanambakan'i Kotofetsy sy Mahaka an-dRafotsibe kosa ny A2 “Kotofetsy sy mahaka niava vary”. Ity angano ity araka izany dia mbola miresaka ny toetran'olona ihany.

Miresaka ny momba ny fadin'ny voay ny A5 “Rainizanaboay” izay tantara ahitana ny fanajana ny anatra ataon'ireo heverina ho ray aman-dreny, izany hoe maneho ny fomba amam-panao izy eto.

Toy izany koa ny A11 Rabesomitro, izay miresaka ny tsy fanajan'ny tovolahy iray ny fadin'ny toerana tiany haleha ka ny vokany dia maty izy. Miresaka ny toetran'olona sy ny fanajana ny fady araka izany ity angano ity.

Araka ireo ohatra noraisina ireo dia mitantara ny tranga nisy tamin'ireo mpandray anjara ireo ny angano izay norafetina hifanaraka amin'ny hafatra tiana hampitaina.

3.2.2.2. Votoatin'ny angano miainga amin'ny fiafaran'ny toe-javatra

Ny fampisehoana any am-boalohany ny toe-javatra mamarana ihany koa dia isan'ny misarika ny olona hihaino ny votoatin'ny angano na hamaky azy. Tsy maintsy manadihady izay zavatra nitranga tany aloha mantsy ny mpihaino ka manontany tena hoe : fa inona no nitranga? Famintinana mavesa-danja tokoa mantsy ny lohateny avy

amin'ny toe-javatra mamarana. Hita izany araka ireto lohateny efa noraisina teo aloha ireto hoe :

A4 “Mateloana”, satria mampametram-panontaniana hoe inona koa no dikan' izany? Na mihaino ilay tantara aza dia mbola tsy azo mihitsy ny mahatonga ilay lohateny ho izay raha tsy henoina hatramin'ny farany ny votoatiny. Izany hoe tena misarika ny sain'ny olona hihaino ny voalazan'ny angano koa ny lohateny miainga amin'ny fiafaran'ny toe-javatra.

Raha io angano io no resahina dia toy izao ny fizotrany : “ nisy zanak'olona roa ka ny iray efa maty ny reniny ary ny iray kosa mbola velona ny reniny. Rehefa tsy maintsy samy notaizana izy ireo dia nentina teny fotsiny ilay kamboty nefa tsy dia noraharahina firy. Ka ny nahatonga ilay lohateny eto dia toa tsy hita taratra fotsiny raha tapahina hatreo ny tantara satria tsy misy hifandraisany mihitsy.

Noho izany dia tsara raha tohizana hatrany ny fitantarana ahalalana ilay votoatiny mahatonga ilay lohateny. Toy izao ary ny tohiny : ilay zaza nokarakaraina tsara dia maty fa ilay tsy noraharahina kosa velona. Ny fieloana ny zaza tamin'ny orana avy no nahatonga ny lohateny satria rehefa avy ny orana dia ilay zanany ihany no noeloiny fa ilay kamboty kosa tsy nomeny elo. Maty nefa ilay zaza noeloina io ka dia izay no mahatonga ilay lohateny hoe “Mateloana”. Mifandraika tanteraka araka izany ny lohateny sy ny votoatiny.

Fantatra àry fa mifamatotra hatrany ny lohateny sy ny votoatin'ny angano amin'ny namoronana azy. Mba manao ahoana kosa indray ny fomba anehoana izany amin'ny mpihaino sy mpamaky?

3.3. Ny fampiasana fihetsika sy fomba hanehoana ny hafatra

Ampiasana fihetsika sy izay fomba rehetra mety hahatafita ny hafatra amin'ny mpihaino ny fitantarana angano. Mizara roa eto ny fijerena izany : voalohany dia jerena eo amin'ny mpiantsehata, faharoa jerena eo amin'ny fihetsiky ny mpandray anjara ao amin'ny angano. Ny lahabolana am-bava hiraina mazàna no ampiasana fihetsika be indrindra raha mitaha amin'ny lahabolana am-bava tononina na tantaraina. Misy ny fampiasana fihetsika madinidika eo amin'ny fitantarana angano izay hita fa manana ny lanjany tokoa eo amin'ny fampitan-kafatra satria manampy ny fanazavana ny votoatin-kevitra tiana hambara. Manamafy izany ny voalazan'i ZUMTHOR P. (1983: 195) :

«Mameno ny hevitra ambara ny fihetsika»¹⁷

Koa aroso voalohany ary ny an'ny mpiantsehatra.

3.3.1. Ny toetra tokony ananan'ny mpiantsehatra

Mitana anjara toerana lehibe eo amin'ny sehatry ny fanabeazana sy ny fampitana fahalalana ny toetra ananan'ny mpiantsehatra tsirairay avy. Ny toetra ananan'izy ireny eo anatrehan'izany asa izany no mahalavorary ny hafatra ampitaina. Hojerena ato amin'ireto zana-pizarana manaraka ireto izany.

3.3.1.1. Ny toetra ananan'ny mpitantara

Mitaky toetra miavaka amin'ny olona miresaka tsotra ny mpitantara angano. Mila miezaka maneho amin'ny fomba rehetra izay heveriny fa ahazoan'ny mpihaino azy amin'ny hafatra tantarainy izy : asehony amin'ny alalan'ny fihetsika izay hafatra ilana fihetsika. Manampy betsaka eo amin'ny fihainoana ny fitantarana angano io fihetsika io. Misarika ny mason'ny mpihaino ifantoka any amin'ny mpitantara ny hetsiky ny loha, ny maso, ny tanana...

Manampy ny fanazavana ny votoatin-kevitra tiana hambara ny fihetsika madinidinika tahaka izany. Mifono hevitra sy fihetseham-po ny fihetsika rehetra ataon'ny mpitantara eo amin'ny fitantarana mivantana ny angano, eny fa na dia hatramin'ny fihetsika faran'izay madinika indrindra aza. Anisan'izany ohatra ny fitsipelatry ny maso tampoka vokatry ny fitantarana zavatra manaitra ao anaty lahateny eo am-pitantarana ny angano. Tsy voalaza an-teny na oviana na oviana nefa manampy betsaka ny hevitra ambara ny fanaovana izany fihetsika izany.

Nambaran'i GRIAULE C. fa :

“ *Manampy sy manovona izay voalaza ny fihetsika. Mameno izay voambara ao amin'ny lahateny izy. Manome endrika ny fitantarana ihany koa izy ary misarika ny fo aman-tsain'ny mpanatrika.* ”¹⁸

Aseho amin'ny alalan'ny fanovaovana ny feo izay hafatra tokony hila izany. Izany hoe, olona iray no mpitantara ilay angano nefa misy karazan'olona entiny ao anatin'ny angano tantarainy anehoana ilay hafatra tiana hampitaina. Ny toe-peon'ireny

¹⁷ « le geste complète la parole » IPO p.195.

¹⁸ « Les gestes et intonation délivrent des informations supplémentaires et confèrent une valeur et des nuances expressives à un texte qui peut être au demeurant assez plat sur le plan linguistique. Les procédés paralinguistiques peuvent compléter les informations du texte (...) mais aussi ajouter au texte des informations entièrement nouvelles que le terme employés ne contiennent pas » Opcit p.307

olona ireny no ezahin'ny mpitantara havohitra amin'ny feony hifanaraka ny amin'ny azy ireo. Amin'izay fotoana izay dia azon'ny mpihaino sary an-tsaina ny olona tantaraina sy ny mety feo reny raha tena iainana ilay angano. Fitaovam-pamoronana zavakanto araka izany ny feo eo amin'ny literatiora am-bava.

Ahafahana mandrindra ny fampitan-kafatra izy indrindra eo amin'ny fanatontosana an-tsehatra. Mifamatotra tanteraka amin'ny feo araka izany, ny fanatontosana ny fampitan-kafatra amin'ny angano amin'izao asa fikarohana izao. Nambaran'i ZUMTHOR P. (1983 : 55) fa :

« Mifamatotra amin'ny fanaovana zavakanto ny feo ary ahafahana mandrindra ny hetsika rehetra mandrafitra ny lahateny izy ¹⁹»

Miankina amin'ny mpandefa hafatra araka izany no ahazoan'ny mpandray hafatra ny zavatra ampitaina aminy.

Araka ny voalazan' i JAKOBSON (1963) :

“Ny fiezahan'ny mpandefa hafatra haneho ny heviny, ny fihetseham-pony, ny endrika misoritra eny aminy eo am-pandefasana ny hafatra. Ireny dia ahafahan'ny mpandray hafatra mahalala ny mpandefa hafatra ”²⁰.

Eo aloha ny fahafantarany mazava ny zavatra tantaraina, ahafahany mampita tsy misy tomika ny hafatra. Anisan'izany koa ny fiainana tanteraka ny zavatra tantaraina ahazoan'ny mpihaino azy tsara.

3.3.1.2. Ny toetra ananan'ny mpihaino

Amin'ny maha angano ny angano dia ny ankizy no mpihaino sy itantarana azy mazàna. Miezaka manakatra ny hafatra araka ny fihetsika, feo, fiteny asehon'ny mpitantara izay efa voazava teo aloha ny mpihaino. Araka izany dia mila mandinika sy mifantoka tanteraka amin'ny zavatra ambara aminy ny mpihaino. Izany no tena antoky ny fahazoany ny hafatra ampitaina aminy raha toa ka tantaraina mivantana ny angano. Raha misy zavatra tsy takany tamin'ny alalan'ny karazana fihetsika nataon'ny mpitantara dia amin'ny alalan'ny fanontaniana indray no ahazoany ny hevitra tian'ny angano hampitaina. Fa raha toa kosa angano voasoratra ka vakiana dia mitaky ezaka avy amin'ny mpamaky hanakatra ny hevitra tiana hampitaina.

¹⁹«La voix humaine, ainsi liée, par oeuvre d'art, à la totalité de l'action représentée, en unifie les éléments ».IPO p55

²⁰«Cette fonction vise à une expression directe de l'attitude du sujet à l'égard de ce dont il parle. Elle à donner l'impression d'une certaine émotion, vraie ou feinte.»

3.3.2. Ny hetsiky ny mpandray anjara ao amin'ny angano

Arakaraka ny hafatra ampitaina amin'ny angano no fihetsika asehon'ny mpandray anjara ao amin'ny angano. Anisan'ny mampahomby ny fampitan-kafatra amin'ny angano ny fihetsika asaina ataony. Mora voarain' ny olona kokoa noho izy misy fiafarany mifono hafatra any amin'ny fiafarany.

3.3.2.1. Fihetsika eo amin'ny tranga tantaraina

Miankina amin'ny tranga tantaraina no hijerena ny fihetsiky ny mpandray anjara. Ny fihetsiky ny mpandray anjara manoloana ny zava-misy eto no alain'ny mpihaino tahaka amin'ny itondrany ny fiainany. Ohatra ny A17 “Njoky sy Njandry“ : izay manao ny fihetsika tia mifanampy manoloana ny adim-piainana mahazo azy. Ny fihetsik'ireo mandritra ny fiainan'izy ireo taorian'ny fandoazan'ny ray aman-drenin'izy ireo no fihetsika tian'ny mpamorona hampitaina amin'ny mpihaino. Anisan'ny fihetsika ahafahana mihoatra amin'ny fahasahiranana ny fifanampiana, indrindra fa eo amin'ny mpiray tampo. Toraka izay hatrany ny fandraisana ireo fihetsiky ny mpandray anjara. Entina alain-tahaka ary koa entina amahana ny olona mifanadrify ilay hafatra sy ny zavatra iainana.

3.3.2.2. Fihetsika eo amin'ny fanehoana ny hafatra

Mifanampy amin'ny fihetsika eo amin'ny tranga tantaraina ity fihetsika amin'ny fanehoana ny hafatra ity. Azo lazaina fa ireo mpandray anjara fototra no misahana ny fihetsika amin'ny tranga tantaraina fa ny mpandray anjara mpanampy sy ny mpandray anjara ravaka kosa no ahafahana maneho ny fihetsika anehoana ny hafatra ho feno. Voaresaka amin'izany ohatra ny tsy fahavitan-tenan'ny tsirairay (na ny mpandray anjara fototra raha tsy ampin'olon-kafa na ny mpandray anjara mpanampy sy ny mpandray anjara ravaka). Fihetsika azon'ny mpihaino alain-tahaka amin'izany ny tsy fanaovana tsinontsinona ny hafa izay olona mety hahavonjy azy amin'ny andro sarotra. Ohatra azo anehoana izany ny A13 “Zaza mahagaga i Faralahy“, izay olona natao an-kilabao teo amin'ny fiarahamonina nefa taty aoriana dia lasa mpanjaka ny vahoaka teo an-tanana izy.

FEHIN'NY FIZARANA FAHATELO

Tato amin'ity fizarana fahatelo ity no nahalalana ireo paika mampahomby ny fampitan-kafatra ao amin'ny angno. Anisan'izany ny fampiasana ny teny izay mbola azo lalaovina amin'ny fomba firesahana. Nojerena manokana tato ny sarin-teny miorina amin'ny tamberina izay hita fa mitana anjara toerana lehibe eo amin'ny hafatra ampitaina satria miantoka ny fitadidiana ny hafatra ny fisiany. Tsy latsa-danja tamin'izany koa ny fahaiza-mamorona izay antoky ny firindran'ny hafatra aroso ny mpihaino. Nojerena tao ny fifandraisan'ny lohateny sy ny votoatiny izay hita fa mifandraika hatrany. Misy heviny avokoa ny lohatenin'ny angano nokirakiraina izay mifantoka betsaka amin'ny hafatra ampitaina.

Na dia misy aza ireo paika roa mampahomby ny fampitan-kafatra amin'ny angano ireo dia tsy ampy raha tsy ao ny fomba anehoana azy amin'ny mpihaino sy mpamaky. Ka dia nojerena tamin'izany ny fihetsika tokony hataon'ny mpitantara sy ny mpihaino raha eo an-tsehatra. Ny fomba nentina nanehoana ny hafatra tamin'ireo mpandray anjara kosa no nojerena tao anaty angano. Araka izany dia mifameno ny fampiasana ny teny sy ny fahaiza-mamorona ary ny fampiasana fihetsika mba hampahomby ny fampitan-kafatra.

TENY FAMARANANA

Hita teo àry fa maro ny fomba fisehon' ny angano, eo amin'ny fanatontosana azy ankehitriny raha ny tao amin'ny fokotany Fiadanana Antsirabe I manokana no jerena. Tamin'ny famelabelarana ny voka-pikarohana izay natao no nahafahana nanambara izany. Ny vokatra voalohany azo tamin'izany dia ny fahitana fa mifamatotra tanteraka ny sehatra ivelany sy ny sehatra ao anaty angano. Toy izany koa ny fotoana sy ny mpandray anjara ary ny mpiantsehatra. Mifameno sady mifanosona ny endrika isehoan'ny sehatra sy ny fotoana raha ny ao anaty angano no jerena ka ny nanavahana azy tao anaty asa dia nozaraina tanaty zana-pizarana roa samihafa ny mampiavaka azy ireo. Mba hanavahana ny sehatra sy ny fotoana fampiasan'ny fiarahamonina tany an-toerana kosa dia nasiana sary ahitana ny sehatra misy ny fintantarana ny sehatra fa ny fotoana kosa nolazaina araka ny zava-nisy tany an-toerana. Ary mba hampiaina ny angano ho toy ny zava-misy dia nomena fotoana nisehoany izy, nampiatina tanaty sehatra iray mifanaraka amin'ny hafatra ampitaina, dia novelomin'ny mpandray anjara. Ny anjara asan'ny mpiantsehatra tany an-toerana kosa dia namelona sy nampiaina ny anatra sy fanabeazana nofonosin'ny angano ho an'ny taranany ao amin'ny fiarahamonina misy azy. Hita àry fa ireo endrika isehoan'ny angano amin'ny fampitan-kafatra ireo no ivelaran'ny hafatra izay nojerena tao amin'ny fizarana faharoa.

Ny vokatra faharoa kosa dia ireo karazan-kafatra mivoy fanabeazana voarakitry ny angano izay mifandray amin'ny zava-misy eo amin'ny fiainana andavanandro. Mizara telo ny hafatra tian'ny mpamorona nampitaina tao amin'ny angano nanganina tao amin'ny fokotany Fiadanana Antsirabe I:

Ny hafatra momba ny fitondran-tena, izay nojerena teo amin'ny sehatry ny ankohonana sy fiarahamonina. Raha ny vokatra azo momba izay dia hoe miainga any anaty ankohonan'ny tsirairay ny toetra na fitondran-tena asehony ety ivelany. Nahafahana nanatsoaka ny tara-kevitra voizin'ny angano izany hafatra izany dia ny: fahendrena, fanambakana.

Ny hafatra momba ny fanajana ny fady kosa dia nojerena teo amin'ny lafy tsarany sy ny lafy ratsiny. Ny vokatra azo tamin'izany dia hoe nahazo tombony ireo olona nanaja ny fady raha toa ka maty avy hatrany kosa ireo olona nanimbazimba ny fanajana ny fady. Tara-kevitra noraisina tamin'izany ny : fanajana ny fady, finoana.

Ny hafatra miresaka ny fivadihadiham-piainana no hafatra fahatelo farany navohitra ny angano nokirakiraina, izay nanehoana fa miovaova ny fiainana fa tsy

mijanona tamin'ny fiandohana tany am-boalohany. Izany fiovana izany anefa araka ny namitinana ny voalaza tao amin'ny fizarana voalohany dia vokatry ny zava-misy na vokatry ny ezaky ny tena na vokatry ny hakamoana ihany koa. Azo tsoahina amin'izany ny tara-kevitra voiziny hoe : fikirazana, fiezahana,

Nisy hatrany ireo hafatra tian'ny mpamorona angano ampitaina tamin'ny mpihaino araka ny vokatra azo tamin'iny fizarana faharoa iny. Tsy mandeha ho azy anefa ny famoronana ny angano fa misy hatrany ny lalàna mifehy ny famoronana azy. Izany no nanohizana ny lohahevitra dinihina tao amin'ny fizarana faharoa.

Ny vokatra fahatelo dia hita fa mampahomby ny fampitan-kafatra ao amin'ny angano ny fampiasana ny teny, izay nijerena manokana ny tamberina ao anaty fitantarana angano. Tsikaritra tamin'izany fa mipaka ao an-tsain'ny mpihaino malaky ny hafatra vokatry ny fampiasana ny sarin-teny “tamberina“. Misy karazany maro ireo tamberina azo ampiasaina anamafisana ny hafatra ampitaina. Araka ny hita tao amin'io fizarana fahatelo io dia nisy telo ireo endrika nisehoan'ny tamberina izay nojerena arakaraky ny toerana misy ilay fiverenan'ny teny. Anisan'izany ny “*anaphore*“ izay nojerena voalohany tamin'ity fizarana farany ity, tamberim-boantenany na andian-teny andoham-pehezanteny na an-dohan'andalana mifanesy izy, izay no namaritana azy. Ny “*épiphore*“ koa dia ny tamberim-boantenany na andian-teny am-param-pehezanteny na am-paran'andalana mifanesy izay no namaritana azy. Ny “*anadiplose*“, no tamberina farany nojerena izay nofaritana toy izao : tamberim-boantenany na andian-teny am-param-pehezanteny sy an-doham-pehezanteny mifanesy.

Ireo sarin-teny ireo dia samy manana ny maha samy hafa azy eo amin'ny toerana misy ny teny miverina ao aminy. Rehefa hita ny karazana tamberina nivohitra tao amin'ny haitsikera dia noezahina navoaka tao amin'ny akora nodinihina. Nahitana ohatra naneho izany ny angano ka dia naroso tao amin'ny famelabelarana ny asa ny fisehony tao amin'ny angano. Mba hahitana fa manan-danja tokoa ny fampiasana ny tamberina eo amin'ny fampitan-kafatra dia noezahina naseho avokoa izay rehetra mety hanehoana azy. Nojerena tamin'izany ny fampiasana ny tamberina ampifandraisina amin'ny lohatenin'ny angano. Nodinihina koa ny tamberina miseho raha ampifandraisina amin'ny votoatin'ny angano ka ny foto-dresaka sy ny hevi-devibe voizin'ny angano no singa nanehoana azy. Noho izany, dia nisy maromaro ny vokatra azo teo amin'ny fanatontosana ny fampitan-kafatra miorina amin'ny tamberina.

Misongadina ao amin'ny fanatontosana ny hafatra ny fampiasana ny sarin-teny “tamberina” noho izy manampy betsaka eo amin'ny fampitana sy ny fandraisana ny

hafatra. Manantitrantitra na manamafy na koa manasongadina ny hevitra na ny fihetseham-po ny tamberina ary tsy manova ny hevitr'ily teny izy amin'io miverina io. Matetika anefa tsy tena voafaritry mazava ny toerana misy ny “*anadiplose*” vokatry ny fihetseham-pon'ny mpiteny mibosesika tsy voatazona. Misongadina amin'ireo sarinteny rehetra ireo ny fandokoana ny lahateny hiataka amin'ny fiteny mahazatra ary koa manamora ny fandraisana ny hafatra noho izy ireo manantitrantitra ny hevitra tiana hambara sy miverimberina eo am-pitantarana. Izany dia hita tao amin' ireo karazan-kafatra voarakitry ny angano nokirakiraina, izay misy karazany telo : ny hafatra momba ny fitondran-tena, ny hafatra momba ny fady ary ny hafatra mombany fivadibadiham-piainana. Maro ireo sehatra nitarafan'ny mpamorona ny angano izany hafatra izany , izay samy zava-nisy teny anivon'ny fiarahamonina.

Ny fizarana fahatelo araka izany dia nanehoana ireo paika mampahomby ny fampitan-kafatra ao amin'ny angano. Maro ny fomba nentin'ny mpandefa hafatra nampita ny hafatra. Nisy ny rindran-damina narahina mba hahatontosana an-tsakany sy an-davany ny hafatra any amin'ny mpandray na mpihaino raha ny angano no resahina. Singa telo no noresahina : voalohany tamin'izany ny fampiasana ny teny, ny fahaizamamorona ary ny fampiasana fihetsika. Mifameno sy mifampiankina avokoa ireo singa rehetra ireo eo amin'ny fampisehoana ny angano. Tsy afa-misaraka amin'ny fanehoana am-bava ny teny enti-mampita, ny fihetsika izay misy heviny eo amin'ny fiseharana, indrindra ny feo izay manana anjara lehibe tokoa eo amin'ny fanatanterahana ny fampitan-kafatra. Manaraka izany, nojerena akaiky ny fanatontosana ny hafatra ka tsikaritra tamin'izany fa misy ny tetika sy paika entina ampitana ny hafatra toy ny fisafidianana ny mpandray anjara sy ny sehatra anehoana ny angano hifanaraka amin'ny lohatenin'ny angano. Ankoatra izany, anisan'ny fomba mahomby eo amin'ny fampitan-kafatra ao amin'ny angano ny fizotry ny fanatontosana ny votoatiny izay mbola ampifanarahana hatrany amin'ny lohateny ka hatrany amin'ny fiafaran'ny tantara.

Ny fampiasana ireo haitsikera roa nosafidina hitondrana ny asa no nahafana naneho sy nahazoana ireo vokatra ireo izay nahitana ny : haitsikera'n'i ZUMTHOR P. «*Introducitona à la poésie orale*»; ny haitsikera'nataon'i CHELEBOURG C. tao amin'ny boky «*L'imaginaire littéraire*»;

Eto am-pamaranana ary dia hita fa mifampiankina tanteraka ny vokatra azo tao amin'ny fizarana voalohany sy fizarana faharoa ary ny fizarana fahatelo. Tsy ho tratra izany ny tanjona raha nisy nodinganina ka tsy naseho ny fizarana iray tamin'ireo. Amin'izao famaranana izao ary dia tsapa fa ny fampiasan'ny angano ireo paika

mampahomby amin'ny fampitan-kafatra no antony nampiasain'ny fiarahamonina any an-toerana ny angano. Izay mora hita sy re eo am-pitantarana ary izany koa no mbola antony maha voatahiry ireny angano ireny eny am-bavan'ny olona noho izy mora tadidy. Tsikaritra koa fa ny zava-dehibe fonosin'ny angano ao amin'ny hafatra ampitainy dia mbola antony iray tena goavana ampiasain'ny fiarahamonina azy any an-toerana. Teo ihany koa ny fampiasana mpandray anjara fantatry ny rehetra hatramin'ny ankizy ka hatramin'ny olon-dehibe.

Anisan'ny misarika ny saina hihaino koa anefa ilay mpandray anjara noraisin'ny mpamorona fa tsy dia hoe izy diso fantatr'olona loatra. Ahafahana mahalala ireo toetra ananan'ny mpandray anjara tsirairay avy nosafidian'ny mpamorona koa ny angano voaangona izay samy misy ilana azy avokoa eo amin'ny fiainana. Araka ny voalaza dia mifanohitra tanteraka amin'ny fampiasan'ny Ntaolo azy tany am-piandohana ny fampiasan'ny fiarahamonina ao amin'ny fokotany Fiadanana Antsirabe I ny angano. Araka ny fandinihana anefa dia tsy fitiavana te hanimba ny fomba fanaovana azy no tanjon'izy ireo fa tena fampiaiinan'izy ireo azy. Manamarina izany ny tsy fisafidianana toerana hifampitantarana ny angano fa eny amin'izay toerana ka misy antony nahatonga ny fitantarana hatao. Toy izany koa ny fotoana, izay tsy voafaritry ho fotoana iray miavaka fa dia mety avokoa rehefa ahafahana maneho izany.

Ho fehin'izay rehetra izay àry dia hita fa tsy simban'ny kolontsainan'ireo vahiny nifamezivezy sy monina any an-toerana akory ny kolontsaina voarakitra tao an-toerana raha ny angano manokana no nasian-teny. Samy manana ny tanjony avokoa manko ireo mponina ao an-toerana na ny tompon-tany na ny vahiny ka samy mikatsaka izay mahaso azy avy. Indraindray aza ny zavatra ataon'izy ireny no mahatonga ilay angano ampiasain'ny ray aman-dreny ananarana ny zanany.

Amin'ny fahitana izao voka-pikarohana izao dia misokatra ny fanontaniana hoe : aiza ho aiza ny fiarovana ny kolontsaina malagasy manoloana ny fibosesiky ny teratany vahiny eto Madagasikara sy ny fanatontoloana entin'izy ireny? Tsara ny mahalala fa anisan'ny lahateny nentin-drazana tena mbola mitana ny fahendrena malagasy ny angano, izay azo hitarafana ny literatiora malagasy sy ny riba malagasy ary koa ny teny malagasy, izay tokony hoezahina mandrakariva ny hanely sy hampita azy. Raha toa ka miezaka manao izay fomba rehetra hifampizarana ny soa voarakitry ny angano ny tsirairay indrindra eo amin'ny fitaizana ny ankizy dia mety hirindra ny fiarahamonina. Araka ny efa voalaza mantsy dia hanazavana ny lasa ary hitsilovana ny ho avy ny angano noho ireo fahendrena voarakony hatrany.

LOHARANO NANOVOZAN-KEVITRA

I. BOKY FOTOTRA :

- CHELEBOURG C. 2000. « *L'imaginaire littéraire* », Editions Nathan/HER
- ZUMTHOR P. 1983. « *L'introduction à la poésie orale* ». Editions Paris Seuil

II. BOKY NAKANA HEVITRA NIASANA :

- ANDRIANARAHINJAKA X. M. 1983. « *Le système littéraire Betsileo* » Editions Ambozontany Fianarantsoa.
- AUBRIT J. 1999. « *conte et nouvelle* », Editions Masson Paris
- BACRY P. 1992. « *Les figures de style et autres procédés stylistiques* ». Editions Berlin
- ENO BELINGA S., 1978. « *La littérature orale africaine* », Editions Saint-Paul Moulneaux
- ESCARPIT R. 1967. « *La sociologie de la littérature* » Editions Seuil Paris
- JAKOBSON R. 1963. « *Essais de linguistique générale* », Tome I, Editions de Minuit, Paris
- LOCHA M. 1996. « *La littérature africaine et sa critique* » Editions Karthala
- NDIAYE R. 1996. « *La tradition orale, typologie et methodologie de collecte* » Editions Enda-cooroom Niamey.
- QUESNEL M. 1996. « *La création poétique* » Editions Paris.
- RAHARINJANAHARY L. 1988. « *Torolalana amin 'ny fanadihadiana lahabolana* » Antananarivo.
- RAJAONA S. 2006. « *Ny zava-kanto vita amin 'ny teny* ». Editions-2 Ambozontany Analamahitsy Antananarivo.
- RAJAONA S. 1992. « *Takelaka voavaofy* » Editions Ambozontany Analamahitsy Antananarivo.
- RAKOTONDRAINIMAMPIANINA E. 1983. *Haivolana sy Haisoratra malagasy* Antananarivo.
- RAZAFIARIVONY M. 2006. « *Ny harivolana na lahateny nentin-drazana, ain 'ny fiarahamonina malagasy* » Masikoro Antananarivo, Trano Printy Fiangonana Loterana Malagasy.
- VANSINA J. 1980. « *La tradition orale et sa méthodologie* » in *Histoire Générale de l'Afrique* Editions Paris

- WELLEK K. WARREN A. 1971 “*La théorie littéraire* “. Collection poétique, Editions Paris, Seuil.
- ZANAMIHOATRA R. 1969. « Vain’afo tonon-kira » Editions Ambozontany Fianarantsoa.

III. IREO BOKIM-PANDALINANA NAHAZOANA MARI-PAHAIZANA :

- HYNYNEN N. 2015. « *Utilisation des contes dans l’enseignement du français langue étrangère (FILAY), étude de cas : Le petit chaperon Rouge* » Mémoire de licence. Université Jyväskylä.
- PROMONET M. 2010. « *Il était une fois ...la famille : Adaptation sociologique d’un conte des frères Grimm : Die zwölf Brudiar* » Mémoire de Master, Université de Genève
- RAZANAMANANA M., 1983. “*Ny anjara toeran’ny vehivavy araka ny ahitana azy ao amin’ny sombin-tantara nivoaka tamin’ny 1922-1927.*”
- RAZANAMANANA M. 2016. *La dynamique des traditions orales dans le cadre des avancés des technologies de l’information et de la communication (TIC)*, Editions universitaires européennes, Omniscriptum Gmbrco KG, Bahnhofstrare, D.66111 Saarbrücken ThinkTank Haroldstr 14, D-40213 düsseldorf, Germany ISBN 978-3-639-52580-9.

IV. GAZETY SY GAZETY BOKY:

- IMBE J. 1979. « *Ny lahateny nentin-drazana malagasy* » Hiratra laharana I, S.TE.LA.RI.M, Antananarivo
- NOTRE LIBRAIRE 1992. “*Littérature d’expression malgache* » Révue du livre, Afrique, Océan Indien.
- RAHARINIRINA R. sy ny namany, 2008 “*Fitsipi-panoratana ny teny malagasy*” Sampana Teny sy Lahoabolana ary Riba Malagasy, Oniverisiten’Antananarivo.
- RAJAONA S. 1991 “*Takelaka notsongaina II*”, Antananarivo Ambozontany.
- RANDRIAMAROLAZA L.P et alii, 2010. « *Mahay mijery, mahay mihaino, mahay miaina*”. Doc n° 01-10, Antananarivo
- RAVELOJAONA, 1908 jolay. « *Ny literatiara* » in Mpanolontsaina laharana faha 19
- SOLOHERY RANARISON B. 1987. *Hiratra*5, “Ny baiboly loharanon’aingam-panahy eo amin’ny literatiara, toerana sy olo-malaza ao amin’ny baiboly”, gazety boky Anjerimanontolo, Antananarivo, takila 79-104

V. RAKIBOLANA :

- ABINAL et MALZAC S.J.2000. *Dictionnaire malgache-français*. Editions Ambozontany Analamahitsy Antananarivo.
- AKADEMIA MALAGASY, 2005. *Misahana ny haikanto sy ny haisoratra ary hairaha, Rakibolana raki-pahalalana*, Editions Antananarivo.
- RABENILAINA R. sy ny namany, 2015. *Vitasoa dictionnaire français-malgache*, Editions Antananarivo, Ambozontany.
- RAJEMISA R. 1985. *Rakibolana malagasy*. Editions Ambozontany Fianarantsoa

VI. TRANOKALAM-PIFANDRAISANA :

www.euroconte.org/Default.aspx?tabid=221(22/01/18) 06:45:11

<https://www.Universalis.fr/encyclopedie/litteratureorale/>(22/01/18) 12:17:33

[https://www.Amazon.fr.livre litterature africain](https://www.Amazon.fr/livre/litterature-africain) (04/03/18) 14:09:43

<http://www.fabula.org> (04/03/18) 22:32:06

<http://ema.revue.org/551>(06/07/18) 16:23:55

VONDRONA AMBARA

FANOLORANA NY AKORA

Fototra iaingana amin'ny asa fikarohana ny akora ampiasaina. Ny angano nanganina tao amin'ny Fokontany Fiadanana Antsirabe I araka izany, no nanaovanay ny fandinihina. Koa atolotray ireo angano niasana tamin'izao asa izao. Miisa roa amby roapolo izy ireo no nokirakiraina tamin'ity asa ity. Miankina amin'ny fandinihana ireo akora ireo no ahafahana mitondra ny asa. Ny angano teo am-pelan-tanana no nodinihana tsirairay. Entina handrafetana ny fizarana sy ny zana-pizarana ao amin'ny asa ny vokatr'ireo fandinihana natao ireo. Ny fomba fampitan-kafatra ao amin'ny angano no tena nodinihina nandritra ny asa. Nasiana laharana ny angano tsirairay mba hahafahana mandamina azy teo amin'ny fanatanterahana ny asa. Koa indro àry ireo vondrona ambara nampiasaina nandritra ny asa rehetra nataony tamin'izao fandinihana izao.

Fafana IV: LISITRY NY ANGANO

ANGANO SY NY LAHARANY	TAKILA
A1:Ny voay sy ny alike	81
A2:Kotofetsy sy Mahakà niava vary	82
A3: Ny vitsika	83
A4: Mateloana	84
A5: Rainizanaboay	84
A6: Hetse	85
A7: Zaza nampijalin-drenikely	87
A8: May ny hendim-boanjo	88
A9: Dadabe lozan-kanina	89
A10: Osy fahavalon'ny akoho	90
A11: Rabesomitra	91
A12: Andriantsitakatrinimanana sy Rabekorakora	92
A13: Zaza mahagaga i Faralahy	93
A14: Mampiteny	96
A15: Ny valala sy ny omby	96
A16: Lehilahy tendan-kanina	99
A17: Njoky sy Njandry	100
A18: Tonga olon-kendry	102
A19: Ingafara tsara vintana	104
A20: Mpanompo lasa mpanjaka	107
A21: Rasarolazaina	109
A22: Ilay mpivady tsy miady	111

ANGANO 1: NY VOAY SY NY ALIKA

Indray andro hono, nisy lehilahy anankiray mpamboly voatavo tamin'izany songon-tany nododinina rano be voay izany. Dia mandeha mankeny an-tsaha foana izy isanandro mijery sy mikarakara ny famboleny.

Indray andro anefa, raha nitazatazana ny sisin'ny famboleny izy dia nahita taim-boay. Avy hatrany dia nosorohany ny angady dia natsipiny any anaty rano sady niteny izy hoe : “aleo mba andramana izany, mandefa taim-boay any anaty rano izany”. Efa notenenin'ireo dadabeny sy bebeny mantsy fa fady hono ny mandatsaka azy ireny any anaty rano ary izay olona manao izany, dia hohanin'ny voay raha vao mandalo ireny toerana misy voay ireny. Dia tsy norarahiny izany teny izany, fa vao mainka aza izy nanao hoe : “Esy! Iza koa no hohanin'izay voay kely any anaty rano any”.

Kanjo vao iny hitodi-doha hiverina handeha hody iny indrindra no nosamborin'ny voay. Teo vao nibabababa hoe: «avelao re aho ry voay, avelao re aho ry voay”. Mifona aho fa tsy hanin-droa tsy hanin-telo intsony. Nitaraina sy niantso vonjy fa tsy navelan'ny voay ihany. Hoy ny voay avy eo: “Impiry ialahy izao mandeha eo tsy nataonay na inona na inona. Impiry koa ialahy mivezivezy teo !” Anio kosa ialahy dia ataonay mahita faisana fa migafy sy mandika ny fadinay. Dia niantsoantso nitady mpamonjy ity Rangahy ka mainka nofikirin'ny voay mafy dia mafy.

Dia nisy alika hono, nandeha nihazakazaka tery an-tsisin-drano nanantona raha vao nandre ny antsoantson-dRangahy. Aiza izy izany, lehiroa, hoy ny alika mantsy ny voay. Mba omeo kely amin'iny lehiroa fa aho izao efa telo andro tsy nahita hanin-kohanina mihitsy.

-Inty àry hoy ny voay.

- Mba hatolory mankety amiko lehiroa fa tsy mahay rano aho hoy ny alika.

- Tandremo àry sao alefan'ialahy, hoy ny voay.

Dia hoy ny alika : tsy alefako izany, lehity io fa hanim-be io ve ka ariana indray.

Dia natoky tokoa ity voay ka nomena ny alika ilay Rangahy. Vao natolotra azy dia tonga dia nalefany sady noteneniny hoe: «alefako ialahy fa aza be somitro amin'ny zavatra tsy azo atao fa idiran-doza ialahy». Dia afaka ilay Rangahy.

Tezitra mafy ny voay noho izany, ka hoy izy: «efa miray tsikombakomba amin'ny fahavaloko ialahy, noho izany, fahavaloko koa ialahy manomboka anio».

Ilay Rangahy kosa dia nisaotsaotra sy falifaly tamin' ilay alika ka niteny hoe : « ny taranaka faramandimbiko dia hafarako hanao soa ireny alika ireny fa nanafaka ahy tamin' ny loza amin' atambo ».

Ary ny voay kosa niteny hoe : « ny taranaka faramandimbiko dia hankahala alika mandrakizay doria ».

Izany hono, no nahatonga ny voay handrava ny fihavanany tamin' ny alika. Ny olona kosa namitram-pihavanana tamin' ireny alika ireny satria namonjy azy tamin' ny ady sarotra.

Angano angano, arira arira. Izaho mpitantara, ianareo mpihaino..

ANGANO 2: KOTOFETSY SY MAHAKA NIAVA VARY

Indray andro hono, nisy vehivavy antitra anankiray niresaka tamin' i Kotofetsy sy i Mahakà. Manana vary avaina izy izany, teny an-tanimbary. Dia nanontany azy ilay Ramatoa hoe : “Ho afaka hiava ny variko ve ianareo roa lahy fa maniry be ny ahitra ao an-tanimbarinay”. Dia raha ho afaka dia tongava eny amin' ny tanimbarinay.

- Dia hoy izy roa lahy : « Eny re Rafotsibe fa ho afaka tokoa izahay ». Aiza moa izy izany?

- Atsy ambadika atsy hoy Rafotsibe.

- Andao àry isika hijery azy any hoy izy roa lahy.

Dia nony tonga tany hono dia raikitra fa hataon' izy roa lahy ny hava vary. Ataovy àry ny raharaha fa ahandro sakafo hoanareo roa lahy aho dia hateriko aty rahatoandro. Ataovy tsara hava ny vary. Eny re ry bebe fa aza matahotra ianao fa atero fotsiny ny sakafonao dia ataovy tsara karakara fa ataonay tsara hava ny varinao.

Amin' ny maha fetsifetsy azy roa lahy izany, dia nanaiky izy ny hiava ilay vary. Inona hoy ianareo? Nangotany aby na ny ahitra na ny vary.

Tonga izany, Rafotsibe hanatitra sakafo dia nisakafo, dia avy eo hoe hijery ilay vary voahava. Teo vao torana Rafotsibe hoe fa nahoana?

Dia hoy izy roa lahy : “efa vitanay tsara hava mihitsy”.

Dia hoy Rafotsibe hoe : “fa izaho angaha nanao anareo hoe angoty ny variko”. Dia tezitra mafy Rafotsibe sady nanao hoe : “tena olona tsy misy ilàna azy ireto”. Kanjo, fika hinanana ny hanin-dRafotsibe fotsiny no mody naneken' izy roalahy hiava ny

vary.dia nataon'izy roa lahy izay hahatezitra an-dRafotsibe amin'izay tsy mamerina mampiava vary azy intsony. Dia nikakakaka éry izy roa lahy avy eo sady niteny hoe : “voky indray aloha isika roa lahy tamin'iny fika iny”.

Angano angano, arira arira. Izaho mpitantara, ianareo mpihaino.

ANGANO 3: NY VITSIKA

Indray andro hono, nivory ireo vitsika maro be vokatry ny fahasahiranana'izy ireo eo amin'ny fitadiavana sakafo. Matetika mantsy izy ireo mandeha lavitra dia lavitra vao mahita hanina ka maizina vao tafaverina. Mijaly éry izy ireo amin'izany, satria ny andro maizina, ny remby²¹ mavesatra.

Nilaza àry ny mpanolontsain'ny vitsika hoe : ”Ando isika hanamboatra kintana be dia be hanazava ny lalantsika amin'ny alina”. Ny iray tamin'ireo vitsika kosa nilaza hoe :”Andao volana no amboarina fa iny sady ngeza no afaka manome hazavana tsara”. Tapaka àry ny hevitra fa samy hamboarina daholo na ny volana na ny kintana satria rehefa tsy eo ny volana dia mba eo ny kintana hamirampiratra. Natao ny fizarana ny asa ka ireo vitsika manan'elatra izay antsoina hoe begalona no handeha hisidina hanamboatra ny kintana sy ny volana. Ireo tsy nanana elatra kosa nanangona hanina sy fitaovana enti-manamboatra izany.

Nandeha teny ny andro, nandeha teny ny volana, nandeha teny ny taona, nahavita kintana maro be sy volana faran'izay ngeza izy ireo. Faly éry izy rehetra nahita ny asa nataony. Dia izao no nolazain'ny mpanjaka ny vitsika hoe : “hay isika na kely sy bitika toy izao aza dia mahavita zavatra lehibe sy mahafinaritra”. Ary tsy vitan'izany, fa nahavaha ny olana toy ny amin'ny fandehanana maizina. Dia nioraka hono ireo vitsika rehetra sady niteny hoe : “ny asa nataontsika aby no nahavitana ireny e!”

Faly dia faly ny mpanjaka ny vitsika sady niteny hoe : "manomboka masin'andro androany dia ataontsika didy aman-dalana fa tsy misy mahazo miasa irery isika fa mifanampy amin'izay rehetra atao”.

Izany, hono no nahatonga ny vitsika miara-mipetraka maro be, miara mibata ireny haza mavesatra ireny ary mifankatia sy miray hina hatramin'izao.

Angano angano, arira arira. Izaho mpitantara, ianareo mpihaino. Tsy izahay no mandainga fa ireo olobe talohako.

²¹ Hanina hita teny rehetra eny

ANGANO 4: MATELOANA

Indray andro, hono, nisy zazakely kamboty anankiray nipetraka tao amin'ny fianankaviany. Dia rehefa nipetraka tao amin'ny fianankaviany ilay zaza dia nijaly be fa nampahantrain'ireo fianankaviany ireo. Dia rehefa nandeha teny taona sy ny volana hono, dia nisy dia nalehany izany. Dia rehefa nisy dia nalehany, dia mba nentina nivoaka tany io zaza kamboty io niaraka tamin'ny zanany. Kanjo avy ny orana, rehefa avy ny orana dia ilay zaza kamboty tsy noeloana fa ilay zanany izany no noeloana. Dia nitsohitsohy tamin'ny orana teny ilay zaza kamboty, nipitrapitra ery nahita ilay zaza iray tao ambany elo. Dia niharitra ny orana teny ilay zaza mandra-pitsahatry ny orana ka nipararetra nangovitry izy fa nangatsiaka. Dia na mihinan-javatra aza hono ry zareo teny an-dalana dia an'ilay zaza kamboty atao kely bilitika fa ny an'ilay zanany omena farak'izay laniny. Kanjo rehefa nitsahatra ny orana dia vetiveity tsy ahoana tsy ahoana teo, dia maty ilay zaza niangarana noeloana fa ilay zaza komboty tsy naninona.

Izany, hono, no nahatonga ny anaran'ny toerana hoe Mateloana.

Angano angano, arira arira.

ANGANO 5 : RAINIZANABOAY

Fahiny elabe hono, nisy zaza anankiray tsy tian'ny ray aman-dreniny ka nanirery teny izy. Rehefa nanirery izy dia nanapa-kevitra fa hipetraka tany amin'izany, tany antsoina hoe Ambohitsitononina izany.

Indray andro raha nandeha nanjono izy dia nohidiany ny tranony ary nentiny daholo ny fitaovam-panjonoany. Isanandro izy dia avy am-panjonona vao mahandro ny haniny rehefa hariva satria izay trondro azony avy any matetika no anto-kaniny. Gaga nefa izy rehefa tonga tao an-trano fa efa masaka sahady ny hanina. Nanomboka tamin'izay dia masaka toy izany foana ity hanina isanandro. Lasa ny eritreriny hoe : “Iza àry ity olona mahandro ny haniko ato isanandro ity?” Farany nahita hevitra izy fa hijaike izay olona tonga mahandro ny haniny ao. Inona hoy ianareo! Taitra izy raha vao nahita voay anankiray tao an-tranony sady nisy feo niteny taminy hoe : “Aza matahotra fa izaho no solon'ny ray aman-dreninao ary ianao manomboka anio zanako, ny taranaka faramandimbiko dia atao hoe Rainizanaboay. Ireo taranako dia tsy misy mahazo mitafy hodi-boay. Tsy azo atao koa ny mitana bararata rehefa miampita rano. Tsy maintsy mamono lamba ny voay raha mahita azy ireny maty satria izy ireny no solon'ny taolam-

balon'ireo nahitana masoandro. Fady dia fady ny mamono na manimbazimba ny voay. Ary izay minia mandika izany, dia hohanin'ny voay ny taranany”.

Dia mbola niteny ihany ilay feo fa ho faty izy ary nitso-drano ity zanany mba hanana taranaka maro. Dia nafatrafarany ny tsy mba hampijaly ireny menaky ny aina ireny.

Rehefa ela ny ela dia nanambady ilay Rangahy ary niteraka telo mirahalahy izy mivady. Dia nozarainy telo ny fari-bohitra nitoerany hatrizay ary samy nomeny anjara lova aby izy telo lahy.

Dia nampitain'ily rainy tamin'ireo zanany ny hafatra sy ny fady rehetra. Izy roa lahy zokiny dia tsy niraharaha izany hafatra izany fa i Faralahy kosa nanaja ny hafatry ny rainy ary mbola mitana izany hatramin'izao ny taranany ka tsy hohanin'ny voay mihitsy.

Angano angano, arira arira. Izaho mpitantara, ianareo mpihaino.

ANGANO 6 : HETSE

Indray andro hono, raha nahary izao tontolo izao Zanahary dia nahary ny lanitra izy sady nahary tany. Nametraka olona anankiray izy tety ambony tany dia nomeny anarana hoe Hetse ny anarany. Dia ampy azy daholo ny zavatra rehetra niainany satria efa nomen'i Zanahary azy daholo, ny tany, ny rivotra, ny rano, ny hazavana, ny voankazo fihinam-boia sy ny biby fiompy rehetra fa nipetraka irery izy. Rehefa nipetraka irery izy, dia tapa-kevitra ny tany ambony fa haniraka mpanompo vavy anankiray mba ho namany hanala fahanginana azy. Nalefa ary ity mpanompo. Rehefa nalefa ity mpanompo dia nifanena izy roa [nifanena tamin'i Hetse izany,]. Fa toa tsy nahataitra an'i Hetse akory na dia kely monja ohatra ny sila-koho aza ity vehivavy nalefa avy any an-danitra ity izay antsoina hoe Andriambavilanitra ity. Rehefa ohatra Hetse tsy niraiki-po taminy dia kivy razazavavy. Rehefa kivy razazavavy dia nanapa-kevitra hoe hiverina any an-danitra aho hoany amin'i Zanahary. Tsy nampaninona an'i Zanahary fa niverina soa aman-tsara izy dia nitafa sy nidinika. Dia hoy razazavavy hoe : ilay tovolahy nirahanao taty ambony tany dia tsy mba niraika tamiko akory na dia mba nihetsi-bolomaso kely aza. Dia taitra Zanahary ary nahita vahaolana. Rehefa nahita vahaolana Zanahary dia nanome azy siny maromaro dia hoy izy : hoento ity hanababonao ny fon'i Hetse satria Hetse mila namana. Rehefa tonga tety ambony tany ary razazavavy dia nahita an'i Hetse dia nosokafany ilay siny tamin'i Zanahary. Rehefa

nosokafany ilay siny, nangidihidy tsy misy ohatra izany i Hetse. Rehefa nangidihidy àry i Hetse dia nanantena razazavavy fa mila mpanakoakoatra mba hanafosafo azy ao anaty hidihidy. Kinanjo inona no nataon'i Hetse ? Naka kesika izy dia nokosehany tamin'iny ny hidihidy. Dia hoy razazavavy tany anakampo : rehefa tsy mety amin'izay Hetse, handeha indray aho haka (siny) hanokatra ny manaraka. Nosokafany indray ny siny manaraka. Rehefa nosokafany ny siny manaraka, hatsiaka be tsy hifankandrenesana no setran'izany.

Ny anton'izany moa dia hoe mba hitady mpanafana i Hetse, mila mpanafana izy. Ka rehefa ohatra ka nangatsiaka teo Hetse dia tapa-kevitra ny handeha handrehatra afo dia nisorona afo. Mbola tsy babo ihany ny fon' i Hetse. Nosokafana àry ny siny fanintelony ka tena nangetaheta be izy nefa tsy mba nangataka akory hoe mba omeo rano any aminao aho fa mangetaheta. Fa satria koa efa ampy daholo ny zavatra nomen'i Zanahary azy. Lasa izy nankany amin'ny rano dia nisotro rano. Misy anankifito moa ilay siny nakana fanahy toy izany fa tsy nahafa-piry tamin'i Hetse mihitsy ilay izy. Rehefa tapitra daholo àry ilay siny, tapitra nakana fanahy an'i Hetse dia nody maina ohatra ny mpamosotra alika[ny mpaka fanahy].

Rehefa hatreo, lasa niverina razazavavy dia nanome tsiny an i Zanahary : tena tsy nety ny nataonao tamiko. Amin'ny maha mpanompo azy moa dia tsy afaka ifandahatra amin'i Zanahary izy. Tapa-kevitra àry ity Zanahary fa haniraka ny zanany. Ny zanany vavy izay nantsointsika hoe : Tenandriambavilanitra. Nampanaovana akanjo tahaka ny tarehin'ny avana. Avana sahala amin'ireny eny amin'ny lanitra ireny. Dia tsy nampitondraina na inona na inona fa Zanahary nieritreritra hoe ; raha ity zanako ity no halefa any amin'i Hetse, ho sambatra Hetse ka tsy hanirery intsony izy. Tonga teto ambonin'ny tany àry ny zanaka vavin'Andriamanitra, vao nahita azy Hetse, tsy nila nosarihana izy. Tsy nila natao na inona na inona izy fa nanatona izy, nitambatra izy, dia nanamboatra zaza izy.

Nandeha ny andro, nandeha ny volana, antitra ihany i Hetse. Efa niteraka izy dia maty i Hetse. Ny zanaka vavin'Andriamanitra moa dia hay rehefa maty i Hetse dia niverina any an-danitra. Niverina any an-danitra nankany amin'ny rainy fa i Hetse kosa nalevina. Dia izay no nahatonga antsika Malagasy rehefa mievina dia manao hoe : hetse. Mahatsiaro ny anaran'i Hetse isika.

Angano angano, arira arira. Izaho mpitantara, ianareo mpihaino.

ANGANO 7: ZAZA NAMPIJALIN- DRENIKELY

Indray andro hono, nisy rangahy maty vady ary efa niteraka zaza malemy anankiray. Niteraka zaza malemy anankiray izy ka tsy voakarakarany fa lasa miasa foana izy isanandro. Kanjo nampalahelo azy ilay zanany vavy kely fa malemy tsy afaka mitsangana dia nanambady izy. Rehefa nanambady izy dia efa niteraka koa ilay vady nampakariny. Rehefa niteraka ilay vady nampakariny dia tsy natakalony an'ilay zanany ilay zaza malemy ka nanaovany fitia mitanila. Dia natahorany saody be taraina koa izany ilay zaza malemy dia farany nataony hoe : mba hividiano sobika be faran'izay ngeza koa aho Rangahy hitaizako an'ity zanakao ity, apetrako eny an-tokotany fa ato an-trano foana. Kinanjo ilay zaza malemy tsy tiany moa izy mianaka manao fihinam-be, ilay zaza malemy tsy omeny hanina, tsy raharahiny. Dia iny ilay Rangahy nitondra ilay sobika anankiroa. Dia faly ilay ramatoa fa iny tokoa ilay sobika. Ilay Rangahy izany tsy mahafantatra hoe atao inona ity sobika fa dia hoe ipetrahan'ilay zanany. Kinanjo anaromany an'ilay zaza malemy mba tsy hahita ny ataon'izy mianaka sy tsy hahita ny hanina hoanin'izy mianaka. Rehefa mandeha ilay Rangahy dia ataony an'izany foana isanandro. Tonga ilay Rangahy amin'ny hariva, indraindray alina be vao tonga dia manome mofo an'ilay zanany malemy ; manome mofo an'ilay zana-badiny. Dia mba mihinana izay mba sakafo kely sy izay mba omen'ilay ramatoa azy eo. Dia hoy ilay zaza malemy manao hoe : «voky anio fa rahampitso misarona». Dia isaky ny tonga eo akaikiny eo ilay dadany manome an'ilay mofo kely sy izay zavatra entin'ny dadany dia manao hoe : “voky anio fa rahoampitso misarona”. Kanjo tsikaritr' ilay Rangahy ilay tenen'ilay zanany dia hoy izy hoe : « inona ihany àry ilay ataonao hoe voky anio fa rahampitso misarona?”. Dia tsy mety miteny ilay zaza kely fa matahotra an'ilay renikeliny. Ela ny ela, teny teny, ela be, tsy fantatr'ilay renikeliny izany hoe tsy ao ilay Rangahy dia kay ilay Rangahy nody atoandro. Dia tratran'ilay Rangahy teo ihany koa ilay zanany dia hoy izy hoe :” inona no ataonao ato anaty sobika !” Dia nianahana teo ilay zaza malemy nanao hoe ohatra ny sahy aho ny hiteny amin'i dada kanefa tsy sahy aho fa saody voakapoka. Dia hoe lazao anaka, inona no mahatonga anao ato anaty sobika ato? Dia ohatra izao foana anie dada no ataoko ato isanandro dia izay no nahatonga aho niteny an'i dada hoe : “ voky anio fa rahampitso misarona”. Rehefa tonga dada dia mihinana izay zavatra entin'i dada dia mba voky fa rehefa lasa miasa

dada, saroman'izy mianaka ato anaty sobika ato aho. Iny dia nalahelo ilay Rangahy dia mody nananovany teny ihany. Dia nojokoiny ilay Rangahy teny foana dia io indray misarona ao ilay kala malemy dia tratrany. Dia hoy ilay Rangahy hoe misarona ato ianao dia tsy misakafo? Dia izay ry dada no nahatonga aho niteny hoe : « voky anio fa rahampitso misarona, voky anio fa rahampitso misarona » hoy ilay zaza malemy. Rehefa eo izany, dada dia voky aho fa rehefa tsy eo izany dada, dia misarona indray aho rahampitso maraina. Dia izany, no nahatonga an'ilay fitenenana hoe : “voky anio fa rahampitso misarona”.

Angano angano, arira arira. Izaho mpitantara, ianareo mpihaino.

ANGANO 8: MAY NY ENDIM-BOANJO

Indray andro hono, nisy Dadabe sy Bebe manendy voanjo foana isan-kariva. Manendy voanjo amin'ireny vilanitany ireny izy roa. Dia hohaninkanin'izy roa rehefa tonga avy any an-tsaha avy miasa. Kanjo nisy vahiny tonga an-tanana hono. Dia lozan-kanina ilay Dadabe sy Bebe dia tonga ilay vahiny nanao hoe : “Ödy ô? Izany misy olona ny anao Rangahy hoy ilay Ramatoa be. Dia lasa ilay Rangahy nijery an'ilay vahiny. Tonga dia nozarain'ilay Ramatoa be ilay voanjo. Dia hoy ilay Rangahy : “ny ahy atao ato anaty satroka”. Ny an'ilay Ramatoa be, ny ahy atao ato anaty akanjo ipetrahako ato”. Kanjo ela be vao vita ny resaka, dia hoy ilay vahiny hoe : “fa inona ity mampikofokofoka an'i Dadabe?”A...a...a... rankizy a, ohatrany te handeha aho, toa te hihaino ny resakareo. Dia iny koa Bebe nikofokofoka fa may ny feany. Dia hoy ilay vahiny : « fa inona koa àry ity mampikofokofoka an'i Bebe nefa ny resatsika ity mbola tsy vita sa hitsangana i Bebe ?”. Izaho rankizy te hitsangana hoy izy, kanjo may ny voanjo ny feany. Teo dia niresaka ihany ilay vahiny, niresaka ihany ilay vahiny. May an'ilay voanjo avy nendasina ny lohan'i Dadabe sola. Dia hoy ilay vahiny hoe : « fa inona dadabe no mahatsembotsemboka an'i Dadabe toy io ?”. Tsy izany rankizy faaaaa. Tsy niteny izy tsy nivolana faaaa, faaaa eo. Dia eroa koa bebe may ny feany eo am-pitoerana. Inona koa Bebe no mampikofokofoka an'i bebe nefa ny resaka tsy vita? Tsy izany, rankizy faaaa ny akanjoko, (amboarina eo ihany ilay akanjo) nefa may an'ilay voanjo nozarain'izy mivady teo izy. Fa nalaina ny hizara an'ilay voanjo avy nendasina tamin'ilay vahiny izy. Farany, niresaka teo ihany ilay vahiny ela be. May be ny tampon-dohan'i Dadabe amin'ilay sola may ny voanjo avy nendasina avy ao anaty vilany. Farany dia niteny hoe: “may ny hendim-boanjoko aho rankizy fa jereo ity

lohako (mipatrapatraka ny hatsembohako). Ny an'ny Bebe koa may ny hendim-boanjo ny feany dia samy niteny hoe: “may ny hendim-boanjonay izahay rankizy amin’ity halozan-kanina” fa tsy nomena ny vahiny ny voanjo nefa may izahay. Ny hizara toa mahamenatra fa zavatra efa nafenina, tsy hizara toa may eto ihany. Izay ny an’i Dadabe sy Bebe ny halozan-kanina, kay, may ny lohany ny an’i Dadabe, ny an’i Bebe, may ny feany.

Angano angano, arira arira. Izaho mpitantara, ianareo, mpihaino.

ANGANO 9: DADABE LOZAN-KANINA

Indray andro hono, nody avy any an-tsaha ilay Dadabe avy niasa tanim-bary. Vao eny an-dalana izy dia efa niasa saina hoe efa masaky Ramatobe àry ve izay ilay hanina ao an-tanàna ao. Nony tonga tao an-tanàna izy dia nisy olona niresaka tao an-trano. Dia rehefa nisy olona niresaka tao an-trano dia tezitra izy. Loza ity hoy izy fa lanin’izao ao ny hanina. Lozan-kanina loatra Dadabe ka sady reraky ny asa mafy no mbola reraky ny asa saina amin’ny halozan-kanina. Vizaka dia vizaka izy avy any an-tsaha. Rehefa vizaka avy any an-tsaha izy dia niditra tao an- trano. Ireo tokoa fa nisy olona nisakafy tao an-trano. Dia tiany hijery azy Ramatobe dia natsilaniny ny angady, natsilaniny ny angady. Tiany hijery hoe: “ lany aby ve ny hanina fa nozarainao amin’ireo vahiny ireo sa mbola misy ho aho?” Dia natsilaniny ny angady, nefa tsy nijery azy Ramatobe fa ilay vahiny indray no nierika. Inona àry ity ataon’i Dadabe hoy ilay vahiny? Vizaka hatrany an-tsaha aho rankizy. Kanjo miandry an’ ilay Ramatoa be hijery azy hoe : “misy hanina ho ahy ve ao sa tsy misy hanina ho ahy?” Kanjo ilay Ramatobe tsy nijery azy. Dia hoy indray ilay vahiny hoe: ”lava dia lava anie izany angadin’i Dadabe izany e!” Hiasana tanimbary ka tsy ho lava, hoy i Dadabe. Ilay Ramatobe izany, tsy mety mijery ihany ka sady niditra izy no nanantona an’ ilay Ramatobe nanao hoe :” itony andrasana hijery toa tsy mijery”. Mbola misy hanina ho ahy ve ao am-bilany ao sa noloarana hoan’ny vahiny aby? Dia hoe tsy azo zaraina olona izany, ny mangahazo hohanina dia mody ny angady no arirarirany ananovana azy eo. Izany, toetran’i Dadabe tsy tia mizara sy lozan-kanina izany, hono no nahatonga ny anaram-petaka hoe Dadabe tendan-kanina an’izany, Rangahy be izany.

Angano angano, arira arira. Izaho mpitantara, ianareo, mpihaino.

ANGANO 10 : OSY FAHAVALON'NY AKOHO

Indray andro hono, narary mafy ny zanak' Ikalamavo reniakoho. Nitototo tsy nahita izay aleha nitady fanafody, nanontany ody faty eran'ny tany ama-monina izy. Ny fahoriana mahazaka maniraka ary ny ain-janaka koa tsy tiana handao ka tapitra notetezin'Ikalamavo daholo ny fasam-bazimba nakany tanimasina hatao fanafody araka ny torohevitr'i Vorontsilozana nefa tsy nety nitsahatra ihany ny aretin-janany.

Dia tafahaona tamin'i Nenigoaika teo an-tanim-boanjo hono, Kalamavo ka sady namangy fahoriana azy raha vao nahita ity fitafiny misaona no nanontany azy. Fa hoy navalin'i Nenigoaika: “ Ny ahy ity efa voina miatra fa mafy loatra izany tsy mino ny nataom-bahoaka ka namoy ny ain-jafikely ny tena ”. Ikalaosy ro hantonina ry kala fa izy ro tena mahay irony fitsaboana nentim-paharazana irony. Sady mpisikidy no mpahay ody igagana izy. Manantona azy ry Kalamavo ô ! Ry maka tambavy ry anelakela-bato ry izy.

Dia tsy àry andrin'Ikalamavo hono, izay hihaonana amin'ilay mpitsabo hikoizana. Nony vao handeha hilaza ny soritr'aretin-janany hono, Kalamavo dia efa nibarareoka namaly Kalaosy hoe : “ Nitelina vongorim-baratra ny zanakao ka tsy maintsy alàna fady ”. Ireto aby ny zavatra tsy maintsy ataonao mba hahasalama ny zanakao aingana. Atovy eo andrehefan-trano ny marary aorian'ny mitatao vovonana. Atovy amin'izay tsy misy bozaka aman'ahitra no ametrahana azy. Izy ihany no alantsika fady, noho izany, ianao tsy mahazo manakaiky fa tsy maintsy eny alavidavitra no miandry sady miamboha ny zaza. Dia nataon'i Kalamavo tokoa izany, teny izany. Dia mbola hoy ihany Kalaosy avy eo hoe : “Ndeha àry izato izy ka aza misaotra, aza manakopaka elatra fa tsy andro zoma anio, andro ifadianareo akoho manidina. Dia lasa tokoa, ka lasa tokoa ka lasa tokoa.

Kanjo hono, vao nandeha nanalavidavitra kely Kalamavo iny Ingahy Papango nitsotsorika avy eny ambony kesika. Nofahony ny zanak'i Kalamavo nalàna fady teo an-kalamanjana ka lasany. Nimenomenona Kalamavo fa lasan'ny fahavalo ny menaky ny ainy. Ary saika lasa adala mihitsy reniny tamin'izany, ka ny nataony dia nanonon-tena sady niafatra tamin'ny taranany hoe :” Raha izaho, raha ny taranako koa dia tsy maintsy handositra raha vao mandre ny anaran'ireny osy mpamosavy tsivanona ireny”.

Izany hono, no mahoatonga ny akoho rehetra ho taitra sy handositra mafy raha vao mandre hoe : osy, osy na ssssy fotsiny aza.

Angano angano, arira arira. Izaho mpitantara, ianareo mpihaino.

ANGANO 11 : RABESOMITRO

Indray andro hono, nisy lehilahy anankiray taizan-draibeny sy renibeny. Dia nanaram-po tamin'ny hanina sy izay rehetra tiany atao izy. Saingy rehefa zatra narahana tamin'izay tiany atao izy dia nihevi-tena fa tsy hisy hibedy azy intsony na iza na iza.

Tamin'izay izy niteny hoe handeha hitsangatsangana any amin'izany, tritritiva izany, aho fa efa reraka ity raharaha tsy misy farany ato an-tanana ity. Sady amin'izay aho mba mahita izany, rano eny an-tendrombohitra izany.

Dia lasa tokoa izy nony maraina ny andro. Taitra ity dadabe nahita azy nitondra zavatra amin'ny kitapo kely ka nanontany azy hoe : “Fa ho aiza ialahy leroa no toa maimaika vao maraina toy io?”. Dia hoy izy : “ Andeha mba andehandeha ry dadabe fa reraky ny miasa sy mitaona zezika isanandro izao a!”. Ary inona ity entin'ialahy? hoy ny dadabeny. Bongam-bary sy henan-kisoa mba hohanin-kanina any io e!

Dia nofonosany tsara ity vary sy henan-kisoa sady niteny izy hoe :”Tsy mba ho noana koa aho anio amin'ireto hanimbe ireto. Dia nataony am-babena ity hanina.

Nony latsaka an-tsasa-dalana izy dia nanontany azy ny androngo hoe : “Inona ity mavesatra? Dia tsy namaly izy fa nijaonjaona²² fotsiny. Nanontany azy indray ny Vorokely dia hoy izy hoe fitia te hinana ny haniko fotsiny ny an'ireto ka mody manadala eo. Dia nandeha nandeha hatrany izy ka nony efa akaiky ho tonga dia niteny indray ny Mandotra hoe : io entana mavesafatra anao io dia tsy azonao entina any amin'ny toerana izay alehanao. Ary tsy mba hihinana ny haninao akory aho raha miteny izany fa te hampafatatra anao fotsiny ny tokony hataonao. Dia niteny ilay lehilahy hoe : “Mba miseho azy ho iza koa ity izay Mandotra kely tsy misy ilàna azy ity no mba be teniteny ahy eo?” Dia tsy norarahiny izany teny izany fa lasa ihany izy.

Kanjo efa fambara mialoha ny tsy handikany ny fady ao amin'io toerana alehany io izany, fa izy no tsy mino. Nony tonga tao amin'ilay toerana izy dia nidina hilalao rano rehefa avy nihinan-kanina. Vao nidina hilalao rano izy dia nianjera nakany anaty rano ary tsy nipoitra avy any raha tsy efa maty.

Izany hono, no mahatonga ny olona tsy sahy mankao amin'io ranon'i tritritiva io raha vao avy mihinana kisoa ary tsy maintsy misasa madio tsara vao mankao.

Angano angano, arira arira. Izaho mpitantara, ianareo mpihaino.

²² Mandeha tsy miteny, tsy mivolana araka ny fanazavan'ny mpitantara azy.

ANGANO 12:

ANDRIANTSITAKATRINIMANANA SY RABEKORAKORA

Indray andro hono, nitazatazana teny am-balam-parihy ny Takatra ary variana nanjoretra teny. Dia farany ny Goaika nanontany azy hoe : « inona izato mampanjoretra an'Andriantsitakatrini-manana no toa oriora ety am-balam-parihy ? »

- Ny tranoko bodoin'ny Vorondolo ka izany, no mampanjoretra ahy ka raha mahaafaka azy ao ianao dia karamaiko be hoy ny Takatra.

- Inona ny karama omena ahy? Hoy ny Goaika

- Avelako hanaram-po eny an-tsaha ianao rehefa vokatry ny voanjo e! hoy ny Takatra

Dia roboka tokoa ny Goaika ka nanao izay hialan'ny Vorondolo tao ka norahonany teo am-baravarana:

- Iza moa izato mibodo ny tranon'Andriantsitakatrini-manana izato ? hoy ny Goaika

Dia nibetroka ny tao an-trano niteny hoe : “izaho Rabekorakora ity : miandrindra aho vaky ny lanitra ; miondrika aho mitresaka ny tany ; ny hazo izay hitsahako tapatapaka sy toro .

Tsy laitra izany, hoy ny Goaika fa andeha hiverina aho ary hiteny amin'ny Takatra fa tsy hoafako izao .

- Eny àry hoy ny Takatra fa na tsy nahaafaka azy tao aza ianao dia omeo anao ihany ny karamanao .

Ary nilaza tamin'ny Papango indray ny Takatra mba hanala an'ilay toara²³ mamotoka ao an-tranony izao. Dia nokaramaina akohokely ny Papango ka iny koa fa lasa nankany fa eie, tsy nahaovoka²⁴ e. Nantsoina koa ny Hitsikitsika mba hanaisotra an-dRabekorakora ary nokaramaina tozo izy mba hanala indray satria tsy nisy nahomby ny teo aloha.

- Eny àry hoy ny Hitsikitsika, matokisa ianao fa afako izao . Dia lasa tokoa izy ka nony tonga tany dia avy hatrany dia sady nampiaka-peo hoe : ”Fa iza moa izato midongy ny tranon'Andriantsitakatrini-manana izato?”

²³ Entina hanondroana olona na zavatra tsy vanona na tsy valahara.

²⁴ Tsy nahaafaka na tsy nahita nangirana tamin'izay natao.

- Izaho Rabekorakora ity, sady nibetroka toy fanaony ihany ny tao an-trano.
- Avereno indray mandeha hoe izany tenin'ialahy izany? Hoy ny hitsikitsika sady nampiaka-peo koa izy.

Dia namerina moramora hono izy hoe :''Izaho Rabekoorakoraaaa''

Mandehana ialahy miala tao amin'ny tranon'ny Takatra tao hoy ny Hitsikitsika sady nibetroka mafy izy. Ny farany natahotra Ravorondolo ka ny hany hery nivoaka tao . Vao tafavoaka teo alatrano dia samy namely azy daholo ny vorona rehetra ka nijaikojaiko nankany anaty hazo any Rabekorakora .

Izany hono no tsy ahasahian'ny vorondolo mivoaka amin'ny atoandro.

Angano angano, arira arira. Izaho mpitantara, ianareo mpihaino.

ANGANO 13: ZAZA MAHAGAGA IFARALAHY

Fahiny ela be hono, nisy mpivady manan-karem-be tao amin'izany tanana anankiray atao Ambohimiadananarivo izany. Ny tsy nahatoa ny fahasambaran'izy roa dia izy ireo tsy niteraka ka tsy nisy zaza hamalifaly sy hamono lambamena azy ireo rahatrizay . Dia nangataka mafy tamin'i zanahary izy ireo mba hanome azy sombin'ny aina ka nandritra ny roapolo taona no nanaovany sorona akoholahy mena tamin'ireny toerana manan-kasina ireny nefa tsy namaly avy hatrany ny faniriny ireo mponina any an-koatra.

Indray andro niampita rano izy mivady ka nosamborin'ny voay ilay ramatoa. Namikitra mafy tamin'ny vadiny faran'izay tratry ny ainy nefa izy ka saika niara-voasintona tany izy roa. Ny nahavarina nefa dia indreny nisy andiam-bibilava nitranga avy any anaty rano any namatotra an'ilay voay ka afaka soa aman-tsara izy roa. Velompisaorana an'ilay bibilava namonjy azy izy mivady tamin'izay.

Andro vitsivitsy taorin'izay dia nitoe-jaza ramatoa ary dia nana-taranaka ihany izy mivady. Nandritra ny roapolo taona no nanirian'izy ireo zaza ka dia nomen'ny razana sy zanahary zaza telo mirahalaha izy ireo. Hafaliana moa ny azy roa ka nanao fety be mihitsy tamin'izay : omby fito no novonoina hoan'ny mpiray vohitra ary nitotorebika nandihy narahin'ny dobok'amponga sy feon-dokanga nandritra ny folo andro maninjitra. Fety izany, ka fety.

Ny zaza voalohany sy faharoa : Imatoa sy Inaivo dia dongadonga mahafatifaty ary rehefa lehibe dia lasa tsara tarehy, bikàna, natanjaka ka ny olona rehetra izay lalovany dia variana mahita ny hatsaran'izy roa lahy. Fa ilay zaza fahatelo nantsoina hoe Ifaralahy kosa dia ratsy tarehy mampatahotra satria misy trafo toy ny omby tao andamosiny, toy ny tavan-tsoavaly ny tarehiny, ny volony ngita, ny masonry mivontirika toy ny mason'androngy, ny sofiny toy ireny elan-dramanavy ireny, ary ny famindrany tahaka ny ganagana.

Tian'izy mivady éry izy roa lahy zokiny fa halany kosa Ifaralahy ka nataon'izy mianakavy matin-draharaha mihitsy : mitoto vary, matsaka rano, mahandro hanina, maka kitay. Rehefa mety ho raharaha dia nazera tamin'Ifaralahy avokoa isanandro mihiratra. Ataon'izy rehetra fihomezana sy fanalàna andro Ifaralahy ao an-trano. Mahafaly ireo zokiny mihitsy ny mandaroka an'Ifaralahy tsy misy antony akory ary trerona sy kitakita lava no ataon'ireo ray aman-dreniny azy. Malahelo mafy Ifaralahy amin'izany, ka mitomany foana isan-kalina sangy ininy tsindriana ny tolokony sao manaitra ireo zokiny. Kotsan'ny ranomasonry ny kidorony ka tsy ahitany tory mihitsy. Mahamenatra azy mianakavy ny maneho an'i Ifaralahy amin'olona ka afeniny rehefa misy vahiny. Ahoron'izy ireo ao anaty horonan-tsihy maloto ary apetrany eo an-joron-trano Ifaralahy. Tsy mahazo miala ao raha tsy lasa ny vahiny. Dia mitomany ao izy mandra-pandehan'ny vahiny.

Nihaantitra be izy mivady dia nizara ny fananany tamin'izy telo lahy. Nomen'izy roa an'Imatoa sy Inaivo daholo ny harena rehetra fa ny an'Ifaralahy kosa dia tsy nomena afa-tsy alika mahia miongo-bolo izay no mba anjara lovany.

Endre izany fitiavan'Ifaralahy ity anjara fananany tamin'ireo ray aman-dreniny! Miara-komana ny anjara variny ilay alika sady voakarakaran'ny tompony ka tonga malandy sy mahazo aina. Raha sendra takona tsy tazan'Ifaralahy ity alikany dia enjehan'Imatoa sy Inaivo amin'ny vatan-kazo sy ny tora-bato noho ny fankahalan'izy ireo ity rahalahiny sy izay mba anjara fananany.

Tamin'izay nody avy naka kitay Ifaralahy ka nilohaloha an'entan-kitay mavesa-be dia voafingitry ny vato ka nianjera niankohoka tamin'ny tany sady voatsindrin'ny kitay ka saika maty. Naharary azy daholo ny tenany rehetra, nandoha rà izy, nivonto be ny trafony. Nankahery tena mafy Ifaralahy ka mba tonga tany an-tanana ihany tamin'izay. Vao teo an-tokonana nefa izy dia torana fa naharary azy ny ratra nahazo azy. Tsy nisy na iza na iza mba nangoraka azy afa-tsy ny alikany no mba nipenipenina nanodidina azy.

Nony nahatsiaro saina Ifaralahy dia tsarony fa vao mainka mitombo ny fanaintainany. Isaky ny miaina izy dia mibonanika ihany ny vatany. Nibontsina, nibontsina ihany, farany nihangezabe izy. Tampotampoka teo dia nisy zavatra nipoaka mafy : kay ny trafon’Ifaralahy no nihafohy ka nipoaka ohatra ny varatra. Faly éry izy mianakavy fa noheveriny hoe ho faty Ifaralahy.

Tsy maty nefa Ifaralahy fa sitrana soa aman-tsara ka ankon’ny tahotra izy rehetra nandre ny feon’Ifaralahy niantso ny alikany hoe : “ Ry alikako, roito ny tongotra”. Nataon’ily alika izany, ary nataon’ily alika daholo izay nampanaovana azy. Avy eo, afaka nitsangana Ifaralahy ka tonga olona faran’izay ngeza nahatakatra ny lanitra. Noraisiny tamin’ny tanany havanana ny masoandro ary tamin’ny tanany havia ny volana ; raiki-tahotra ny olona rehetra tao an-tanàna ka vaky nandositra ; ny vehivavy ninahonahona sady nanafina ny zanany tao anaty zipo ; ny lehilahy nangovitra nipararetra.

Fa inona hoy ianareo, ny nataon’Ifaralahy? Nampidininy ny masoandro ka nahamay be tety an-tany. Tsy nahay afa-tsy nikaikaika ny mponina, avy eo dia nitaraina tamin’Ifaralahy mba hamonjy azy : “Vonjeo re izahay e! Ho mpanjakanay ianao fa vonjeo izahay e!”.

Dia novonjen’Ifaralahy izy rehetra ka ny ankizy no nomeny hatsiatsiaka voalohany, dia rehefa avy eo ny lehilahy. Ny vehivavy no nataony farany indrindra fa mahaso an-dry ramatoa isany hono ny may kely mba ianarany ny tsy mimenomenon-dava. Na dia fampijaliana sy fankahalàna aza no nataon’ireo fianankavin’Ifaralahy azy dia notiaviny sy novojeny ihany izy ireo.

Ngeza loatra Ifaralahy dia tsy nisy trano antonona azy ka teny an-tokotany foana izy no nipetraka na atoandro na alina. Nalahelo azy ny alikany nahita azy asian’ny erika sy ny hatsiaka ka nileladelaka azy hatrany an-doha ka hatrany an-tongotra. Dia inona hoy ianareo no nitranga? Nihafohy sy nihakelikely Ifaralahy ka lasa tovolahy tsara tarehy maha te ho tia. Tena mendrika ho mpanjaka: tia vahoaka, tsara fanahy a a a. Hafaliana moa ny an’ny vahoaka nanana mpanjaka an’Ifaralahy ka nanamboaran’ny olona lapa voaravaka vatosoa izy ka tao no nipetrahana’Ifaralahy an-taona maro. Sambatra ery izy .

Nolelafin’ny alikan’Ifaralahy ireo ray aman-dreniny tamin’izay ka nihatanora toy ny tovolahy sy tovovavy indray. Imatoa sy Inaivo kosa niantsapazan’ily alika ka nokaikeriny, asa na lasa adala na maty.

Angano, angano. Arira, arira. Izaho mpitantara, ianareo mpihaino.

ANGANO 14: MAMPITENY

Fahiny ela be hono, nisy mpivady tsy niteraka afa-tsy zaza tokana. Rehefa notaizany teny nandritry ny taona maro ilay zaza dia tsy mbola nahay niteny foana kay izy ity moana. Rehefa nanam-pahasembanana izany, io zanany io dia tsy hita izay hifampiresahana aminy ka mandehandeha any amin'izay tiany aleha any ilay zaza. Matetika nefa izy dia milalao eny amin'ny manodidina ny olona miasa eny ihany fa tsy mandeha lavitra ka milalao fotaka sy rano no tena fanaony.

Indray andro nefa nandeha tamin'izay toerana anankiray izay izy dia nivenjivenjy teny rehetra teny nitady kilalao hatao ka nahita loharano miboiboika mangalahala dia gaga izy ka niteny hoe : « han ! han! » dia nijajirika nijery teo izy satria mbola tsy nahita rano mangatsakatsaka toy izany izy. Dia raikitra hoe mampiteny ny moana io loharano io taloha izay niova hoe Mampiteny.

Izany hono, no nahatonga ny anaran-toerana hoe Mampiteny.

Angano angano, arira arira.

ANGANO 15 : NY VALALA SY NY OMBY

Indray andro hono, tafahaona teny am-piraotana ahitra ny valala sy ny omby ka nifampiarahaba. Nanomboka teo dia lasa nifandray sy nifankaazo am-po izy roa lahy. Nony nandeha teny ny fotoana dia tonga nifampitantara vaovao sy nifampiady karajia, sady niresaka ny marina sy ny ariran-tsaina teo. Taty aorina dia lasa toy ireny mpihavana ireny nefa nifanalavitra tsy hita pesipesenina²⁵ ny firazanan'izy roa ireo. Ary nony efa nitafasiry teo izy roa lahy dia nifamati-drà, hifankatia sy hifanaja. Ary nanapakevitra fa mba hiovaova sakafo fa leon'ny ahitra lava izao ka hifandimby hanao nahandro ary hifanasa hiara-komana.

Ndao àry hoany amiko aloha fa izaho no zokin-jaza, hoy ny omby. Ndao ary hoy ny valala fa marina izany, ary tsy lavina fa ianao tokoa no zoky sady ray aman- dreny. Izaho tsy hanao anao rano dikain'ny zinga fa ndrao mahafolaka an-dantony ahy. Dia lasa izy roa lahy ka tonga tany amin'ny fonenan'ny omby. Nony masaka ny nahandro dia nihinana ka voky an-tenda.

Tamin'ny andro manaraka dia tonga kosa ny fotoana hankanesana any amin'ny valala ka nankany ny omby. Ary nony naroso ny hanina, dia kely bilitika tsy hitan'ny

²⁵ Heverina fa tsy misy ifandraisany mihitsy

vazan'ny omby akory. Tezitra ny omby ka nitrerona sady nanao hoe : tena manao tsinontsinona sy tsy miraharaha ahy mihitsy ialahy izany a ! Vao oviana ialahy no tany amiko, novokisako ary ny oron'ialahy tokana sisa no tsy nisesika²⁶. Fa rehefa aty amin'ialahy kosa aho, hanina zakan'ny lalitra no mba omen'ialahy ahy? Efa mandrangitra ady amiko mihitsy ialahy izany ka andao hifamely na dia nifanao sarotra sy mafaitra²⁷ aza isika roa lahy fa mahasorena loatra izao ataon'ialahy izao.

Tsy niraika nefa ny valala fa namaly moramora hoe : raha izay no tian'ialahy, avia hifanao fa tsy misy mindrana aina akory eo ka ho marikoditra amin'izany. Dia hoy ny omby : “Ndao àry hifanao fotoana isika roa lahy”. Ary hoy ny navalin'ny valala : “ataovy izay andro tian'ialahy fa tsy misy matahotra an'ialahy akory eo”.

Ndoa àry isika roa lahy hifampitsapa hery sy tanjaka hoy ny omby. Ndao izatsy izy, hoy ny valala. Dia nifanaiky hifanala hazakazaka tamin'ny fiakara-mideza izy roa lahy. Ary nony hanomboka ny dia, dia lasa ny valala nankery alavidavitra éry ary mody tsy niraika sady hoy izy : “manisa telo dia miara-miainga isika”. Ndoa ary izatsy izy fa inona no hiveraverana eny, hoy ny omby. Dia hoy ny valala : “omeko tombon-dalana ialahy ry zoky, izay tsy ialohava-mandeha”. Kanjo nony vantany vao hirifatra iny ny omby dia nanidina nankeo ambony tandroky ny omby izy, nefa tsy hitany sady tsy reny akory. Ny valala koa moa maivana ka tsy nampihetsi-bolomaso azy. Nirifatra ohatra ny tadio ny omby ka nony efa kely sisa tsy ho tonga iny, dia nanidina nankeo aloha ny valala ka izy indray no tonga aloha. Gaga ny omby ka niloa-bava hoe : “ha! Henjana ialahy r'ilay kely ity raha handeha”.

Tsy afa-po ny omby ka niteny indray hoe: “Ndao hifanala vikina isika roa lahy”. Fa namaly kosa ny valala hoe: “ataovy izay mahadiavolana ny sain'ialahy fa izaho mpanatanteraka”. Mialà nenina tsara fa izay tsy afa-po be nenina ka harary fo foana eo.

Dia nanantona ny moron-drano izy roa lahy ka nony ilay hanezaka hamikina iny ny omby dia nanidina nankeo ambony trafony ny valala. Tsy nahare izay ambonin'ny tany akory ilay tonaka²⁸ ary nanangan-tadio hamikina lavitra. Kanjo nony teo akaiky, nanidina indray ny valala ka mbola izy indray no lasa aloha. Ny omby anefa amin'izany, efa hisarika ny lelany ary efa tera-mena ny masonry. Mainka gaga indray ny

²⁶Nihinana be ambosika

FANAMARIHANA mikasika ny **A.16** : misy angano mitovitovy amin'ity **A.16** ity ao amin'ny boky “Anganon'ny Ntaolo”, 1984 tak 184. Tany amin'ny faritr'i Vakinankaratra ihany koa nivian'io angano. Tsy fantatray mazava na angano samihafa mihitsy ireo na angano iray ihany fa novain'ny mpitantara araka izay heverina ho mora hitantarana azy.

²⁷ Nifanao fati-drà sy velirano

²⁸ Anarana anondroana olona dondondondrona na vendrambendrana.

omby raha nahita azy efa nisonenika tery aloha. Nihevitra mantsy ny omby fa ngeza sy matanjaka ka tsy misy haharesy. Variana fatratra nefa izy raha nahita ity valala ao alohany foana ka hoy izy: “tsy ahombiazana loatra ialahy izany, lehitsy”.

Fa mbola niantso azy indray ny omby nanao hoe: “ambia asiana faradoboka ka amin’izay vao tena hifanandrina isika roa lahy”. Samia mamory ny havany isika fa sao misy maty tsy an-trehan-kavana eo ka iharan’ny fitenin’ny olona hoe: “maty mangina toa otrik’afo”.

Eny àry hoy ny valala, sady lasa izy niantso izao karazam-balala rehetra izao. Vory nanetriketrika izy ireo ary rakotra azy ny toerana. Fa ny omby kosa nanao ankambo ka roa aman-telo monja no mba nalainy. Nony vory ny an-daniny sy ny ankilany, nihazakazaka hamono ny valala ilay omby kanjo niainga nanidina daholo izy rehetra, ary nieloelo nanodidina ny omby izy ireo kanefa tsy nikasika azy akory fa nampitahotra azy fotsiny ihany. Fantatr’izy ireo mantsy fa tsy mitovy ny hery ananana ka tsy maintsy mitady paika andresena. Vao mainka nirodona mody tsy natahotra izy ireo nanakaiky ny omby. Injao fa niodikodina tsy nahita izay hombana ny omby. Tezitra noho izany, ny omby, ka nojapiany daholo izao moka sy lalitra ary fihitra⁸ rehetra izao. Raha izy andeha anjapy iny, lasa nisitrika tao anelakelan-tongokeliny ny fihitra ka notereny tao. Nokaikerin’ny fihitra amin’izay izy satria toa mamono mahafaty. Injao fa nitsambikimbikina sy nitrifana nandositra tsy enjehana akory. Dia hoy ny valala nahita azy : “izany ny fisainana ka te hanao eo”. Sady niara-niredona ny valala hoe : “ny tody tsy misy fa ny atao no miverina”.

Tsarovy fa ny lehibe tsy mahay miaina, tsy asian’ny kely hasiny. Ary ny lehibe tsy aman-tsaina ihany koa, tsy mahaleo ny kely be hevitra.

Angano angano, arira arira. Tsy izaho no mandainga fa ireo olona talohako.

ANGANO 16 : LEHILAHY TENDAN-KANINA

Nisy lehilahy iray hono, tia trondro fatratra ka mandeha manjono foana izy isanandro isanandro. Ary matetika izy mangalatra trondron’olona any an-dobo. Indray andro, niainga vao maraina izy ka nitondra sobika sy fintana nefa tsy nisy trondro intsony tao amin’ilay dobo fangalany trondro. Nalefany ny fintana ka tsy nisy trondro nikitika. Nalefany ny fintana ka mbola tsy nisy trondro nikitika ihany. Farany izy

nandeha nankeny amin' ilay dobo misy vazimba izay tsy azo nojonoina hatramin' izay fa ao mantsy misy trondro sy amalona be dia be sady vaventy satria mbola tsy nisy olona sahy naka trondro mihitsy tao hatrizay. Rehefa tonga teny izy dia faly nahita ireo trondro sy amalona nilomano tao anatin' ilay dobo ka hoy izy: “izao lehitsy ialahy vao tena ho voky fa he ireto sakafo nefa tsy misy maka”. Dia nalefany hono, ny fitana ka lasa ny adiny iray mbola tsy nahazo izy na dia trondro iray aza. Ny kankana izay napetaka tamin' ny fitana lanin' ireo trondro avokoa nefa nony ningaina ny fitana tsy nisy trondro nanaraka mihitsy. Lasa ny adiny roa, mbola tsy nahazo ihany. Tezitra izy ny farany ka sady nanipy fitana no niteny ratsy niaraka tamin' ny teny hoe : “tsy maintsy mahazo iray amin' ireo amalona ngeza be ireo aho anio vao miala eto”. Nalefany ny fitana ka io tokoa fa nanaikitra ny amalona ary dia nahazo ngeza tokoa izy. Ity izao hoy izy raha aseho amin' olona any an-tanana dia iaraha-mihinana nefa tokony ho aho irery. Vao noraisiny ilay amalona dia gaga izy fa niteny ilay amalona nanao hoe:” Ô! Rangahy ô !aza alainao aho fa avereno ao an-dobo ihany. Tezitra ilay Rangahy ka niteny hoe: “ity koa miteniteny foana, hanina eto an-tanako ve dia hariko indray e? »

Noho ny hatendana moa dia nentina ihany ilay amalona. Mimenomenona foana eo ity hoy izy fa hataoko mihendy ritra ity anio. Dia nandeha nody ilay lehilahy ka nony tonga tany an-tranony izy dia nafeniny tamin' ireo ray aman-dreniny sy ireo iray tampo aminy ilay amalona kanjo mbola niteny fanindroany hoe: “aza haninao aho Rangahy fa avereno any an-dobo”. Gaga ny olona tao an-trano ka nanontany hoe: “fa inona izato entin' ialahy?” Tsy azo nafenina moa ilay amalona satria niteny ka hoy ilay lehilahy hoe :”sakafo”.

- Sakafo ahoana ity? Hoy ny tao an-trano.
- Amalona e, hoy ilay lehilahy

Niteny an' ilay lehilahy hono, ireo olona tao an-trano hoe : ”avereno any amin' izay nakan' ialahy azy io fa zava-doza satria tsy mbola nisy amalona niteny izany, teto ambonin' ny tany”.

Rehefa nanarina teo ilay lehilahy dia tsy nety fa niroso tamin' ny fandrahoana ihany. Izahay aloha tsy mba hihinana an' io fa hano raha sahy ialahy hoy izy mianakavy tao an-trano. Faly éry ilay lehilahy fa izy irery no hihinana ity amalona ngeza be. Dia nandrahony hono ilay amalona ka na dia efa voatetika tao ambilany aza dia mbola niteny hoe : “aza haninao aho Rangahy fa avereno any an-dobo”. Dia namaly ilay lehilahy hoe : “tsy hohanina ahoana e?” Dia nendasiny nataony mihendy ritra ilay amalona ka nohaniny. Nony teo am-pihinanana izy dia niteny indray ilay amalona hoe :

” mihinana an!” Nony nitsahatra avy nihinana ilay lehilahy dia niteny indray ilay amalona hoe : “voky an!” Fotoana fohy taorin’izay dia nivoaka avy any anaty kibon’ily lehilahy ny amalona ary velona indray. Nony tafavoaka izy dia nokendainy ny tendan’ily lehilahy ary niolana nankany aoriana ny lohany. Dia lasa ilay amalona nandady nankany an-dobo fa ilay lehilahy kosa maty.

Ny hitady sakafo hanomezana fahafaham-po ny vatana no notadiavina kanjo fahafatesana no hita.

Angano angano, arira arira. Izaho mpitantara, ianareo mpihaino.

ANGANO 17: NJOKY SY NJANDRY

Taloha ela be hono, nakaty afovoan-tany ny gidro mpivady fa leo ny fiainana tany anaty ala sy ny ady sesilany ataon’ireo gidro namany. Nony tonga taty afovoan-tany izy ireo dia bevohoka ny vavy ary niteraka zaza iray. Akory ny hatairan’izy mivady raha vao nahita ny zanany tsy mitovy endrika amin’izy ireo. Dia hoy ny lahy : “marina io Ramatoa raha mba zanako! Fa angaha natakalonao biby hafa tany ny zaza?” Dia hoy ny vavy : ”tsy zanakao tokoa io fa zanatsika roa, ary zanak’iza koa no hatakalony eo e?” Teo vao tonga saina ny lahy ka hoy izy : “marina tokoa izany, ramatoa, zanak’iza moa no omeny antsika eo?”

Dia notaizan’izy ireo teny ilay zaza na dia tsy mitovy amin’izy ireo velively aza ny bika aman’endriky ilay zanany. Nony afaka taona vitsivitsy dia nihalehibe ilay zaza ary nanomboka nahay niteny. Ny nahagaga nefa dia nanana ny fiteniny manokana ilay zaza fa tsy toy ny azy roa.

Indray andro nialokaloka teo am-body paoma izy telo mianaka dia nalahelo ity zanany tsy mba nana-namana hilalaovana izy roa. Ny zaza koa moa tsy mahay firy ny fitenin’izy mivady ka matetika no manirery eny. Dia nangataka tamin’i zanahary izy mivady mba hanome zaza iray ho naman’ity zanany. Novalian’i Zanahary tokoa ny fangatahan’izy ireo ka indro fa nitoe-jaza indray ny vavy. Nony akaiky ny fotoana ahateraham-badiny dia nitebiteby fatratra ny lahy satria nanahy izy hoe raha mitovy amin’izy mivady ny zaza ateraky ny vavy dia tsy hana-namana ihany ny zanany tokana. Kanjo nony teraka ny vavy dia mitovy endrika amin’ny zanany voalohany. Hafaliana tsy misy ohatra izany, ny azy mivady ka dia nanao fety mihitsy aza izy telo mianaka. Ary tamin’io andro io vao nomena anarana hoe Njoky ilay zanany voalohany. Ary hoy rainy : “ io zaza vao teraka io kosa dia omen-tsika anarana hoe Njandry”. Dia hoy

reniny tamin'i Njoky : "tsarovy anaka fa sarobidy aminay mivady ianao ary ny anarana izay iantsoana anao dia anaram-boninahitra mitaky adidy sy andraikitra lehibe ato amin'ny ankohonantsika, indrindra fa amin'io zandry kelinao io, ary aoka ianao anaka haneho toetra mendrika mandrakariva hotahafin'ny zandrinao". Na dia tsy azon'i Njoky tsara aza izany teny izany, dia tsy nandà izy.

Indray andro izay avy be ny orana ary nitsoaka mafy ny rivotra kanefa tao amin'ny toerana nisy azy efa-mianaka tsy nisy zavatra azo nohanina intsony. Sady noana mafy izy ireo tamin'izay no nangovitry ny hatsiaka. Niezaka ny namihina ireo zanany ihany izy mivady saingy tsy naaro loatra tamin'ny hatsiaka izany. Nony nitsahatra ny orana sy ny tafio-drivotra dia hoy i Njoky tamin'ny ray aman-dreniny : "Ndao isika ry kaky sy neny hitady toerana vaovao misy sakafo sy azo honenana tsara fa eto tsy misy mahavelona antsika intsony. Dia lasa hono izy efa-mianaka nifindra monina ka nandeha an-tongotra in-droa andro izy ireo vao nahita toerana tiany honenana.

Rehefa nonina andro vitsivitsy tao amin'io toerana io izy dia nihaza-tany izy mianadahy ka nandeha nilalao tany amin'ny toerana lavidavitry ny misy azy ireo. Tamin'izany, no nahatazanan'izy ireo trano bongo maromaro nidona-tsetroka. Gaga izy ireo raha nahita izany, hoy Njandry : "Fa inona ry Njoky ireny zavatra midongodongona mamoka rahona manify ireny?" Oay! Ndao hoe isika hoeny fa toa zava-baovao izy izany hoy Njoky. Nony nanakaiky izany izy ireo dia nahita olona maromaro. Variana izy ireo nandre ny fitenin'ny olona fa toa mifankaazo resaka aminy kanefa vao izay izy ireo no nahita olona. Dia nanatona ihany izy mianadahy ka gaga ny olona nahita azy ireo tsy nanao tapi-kenatra akory ka farany nampanaovin'ny olona salaka izy ireo. Dia tonga nilalao matetika teny amin'ny olona teny izy ireo kanjo nianatra ny namboly. Ary zavatra maro no hainy tamin'izany.

Efa nihaosa be ny ray aman-drenin'izy mianadahy ka niteny tamin'i Njoky hoe : "tsy fantatra lehiroa izay any afara any ka ialahy no zoky ho dimbinay, aza avela hahonena ny zandrikelin'ialahy". Nifankatia éry izy mianadahy ary tsy nifankafoy.

Taty aorina dia lasa any amin'ny varo-tsy mifody ny ray aman-drenin'izy ireo ka izy mianadahy irery no voatery hiahy ny fiainam-pivelomany. Tsy nipetraka tany amin'ny fonenan'izy efa-mianaka taloha intsony ireo fa nandeha tany amin'ilay tanana nisy olona nifandray taminy ka dia nanorim-ponenana tao.

Nanao trano hono izy mianadahy ka i Njoky mpanamboatra, i Njandry mpandinty fotaka ; i Njoky mpanafo, i Njandry mpitaona bozaka. Dia toy izany, hatrany ny fomba

fiasan'izy mianadahy tamin'ny asa rehetra izay nataony. Nifankatia éry izy mianadahy ary tsy nifankafoy. Taona vitsy monja dia tonga mpanan-karena be teo an-tanana izy mianadahy. Dia hoy i Njoky : “tsy nahavita izao rehetra izao aho ry Njandry raha tsy teo ianao”. I Njandry kosa nanezaka ny hoe : “ tsy nanana izao harem-be izao aho ry Njoky raha tsy natoronao izay hataoko”.

Izany, hono no nahatonga ny mpiray tampo hifanome hasina sy hifanaja ka niantombohan'ny fiantsoana ny hoe : “Zoky na Zandry”. Angano angano, arira arira. izaho mpitantara, ianareo, mpihaino.

ANGANO 18: TONGA OLON-KENDRY

Indray andro hono, nisy zanaka mpanan-karena maditra dia maditra ka izay natoro na nampianarina azy dia tsy nisy norarahiny. Farany izy niady tamin'ny ray aman-dreniny ka lasa nandeha tany amin'izay tiany aleha. Na dia niady aza izy telo mianaka dia nalahelo azy ny reniny satria zanaka tokana; Dia nomeny fananana ihany: vola, soavaly, akanjo, dia lasa nandeha ka tany anaty ala izy no nipetraka ary haza no nivelomany.

Nony atoandro ny andro dia lasa ity zanaka mpanan-karena nitaingina ny sovaliny dia nitety toerana maro. Rehefa nandeha tany izy dia nahita olona nitangorona tao amina tanàna anakiray dia nanatona. Rehefa tonga teo izy, kay fandaminan'ny mpiray tanàna ny adina mpianakavy no tao. Dia hoy izy : eiii, zavatra tsy misy fotony izany, ko ka andanina andro eto. Dia notengenany ny soavaliny dia lasa izy.

Rehefa nandeha, nandeha, nandeha dia tonga tamina vohitra iray nitoeran'ny mpanjaka.

Io mpanjaka io dia manana zanaka tsara tarehy nefa narary. Dia niantso ny olona rehetra izay mahay manasitrana io aretin-janany io ny mpanjaka. Ka hoy izy : “izay mahay manasitrana an-janako dia omeko valisoa lehibe, ary raha tovolahy mpitovo dia hataoko vinanto ka hataoko makotrokotroka ny fanatanterahana ny fanambadian'izy ireo”. Niezaka nampiasa ny fara-fahaizany ny rehetra, indrindra fa ireo tovolahy naniry te ho vinanto ny mpanjaka saingy tsy nisy nahomby ireny. Nony nandre izany, ity zanaka mpanan-karena dia somebiseby éry raha nahita ny hatsaran-tarehin' ny zanaky ny mpanjaka. Dia lasa nanangona fanafody ilay zaza maditra ka nentiny avy any ny mandrava sarotra sy ny odifady dia nampisotroiny ny zanaky ny mpanjaka ka sitrana

rehefa afaka telo andro. Faly éry ny mpanjaka nahita ilay zanany salama soa aman-tsara ka tapa-kevitra fa hanao ny raharaham-panambadin'ilay zanany.

Rehefa tonga ny fotoana hanatanterahana ny fanambadiana dia niteny tamin'ilay zaza maditra ny mpanjaka hitondra ireo ray aman-dreniny hanao ny fombafomba ara-panambadiana. Dia tsy sahy nankany amin'ny ray aman-dreniny ilay zaza maditra fa nihainohaino fotsiny teo. Dia nanontany azy ny mpanjaka hoe fa nahoana no tsy nantsoinao ihany ny ray aman-dreninao? Tsy nahita navaly ilay zaza maditra fa ka.....ka.....ka.... no nasesiny. Kanjo natahotra izy ny hilaza amin'ny mpanjaka ny antony tsy ahasahiany maka ny ray aman-dreniny. Farany, hoy ny mpanjaka : “rehefa tonganao eto ny ray aman-dreninao na ho ela na ho aingana dia andrasako eto vao aroso ny fanambadianareo”.

Resim-pitiavana ny zanaky ny mpanjaka ilay zaza maditra ka nandeha tsy satry nankany amin'ny ray aman-dreniny ihany ny farany.

Vao nahatazana azy teny avara-tanàna ny ray aman-dreniny dia diboka-kafaliana fa niverina ihany ny zanany. Nony tonga teo an-tanàna ity zaza maditra dia nifokofoko nitomany sady niteny hoe : “nanao ditra sy hadalana teto anatrehanareo, aho ry kaky sy neny nefa ianareo tsy nanidy fo tamiko. Mifona aminareo aho tamin'ny tsy nety vitako ary ataoko toy ny ravin-kazo manitsana ireny ka ny sisa no ampanirina”. Hafaliana tsy nisy toy izany, moa ny azy mivady nahita ity fiovan-janany.

Dia nambaran'ity zanany azy ireo ny fikasany haka vady ny zanaky ny mpanjaka ka mila ny tso-dranony. Tsy nandà izany, moa ireo ray aman-dreniny raha nandre izany, ary faly dia faly aza nahita ity zanany tonga soa aman-tsara tao an-tanana.

Fotoana fohy taorin'izay dia natao ny raharaham-panambadiana ka vory teo aby ny fianankavina roa tonta. Tamin'izay no nahatsapan'ity zaza maditra ny ahasarobin'ny ray aman-dreny ka nivoady ny hitia sy hanaja azy ireo mandrakizay doria izy. Nanomboka teo dia tonga olon-kendry ilay zaza maditra ary lasa fakan-tahaky ny mpiara-monina.

Angano angano, arira arira. Izaho mpitantara, ianareo mpihaino..

ANGANO 19 : INGAHIFARA RATSY

VINTANA

Nisy olo-mirahalalahy hono, nantsoina hoe Ngamatoa sy Ngafara. Efa kamboty ray sy ireny izy ireo ka rehefa lehibe dia samy nanambady aman-janaka. I Ngamatoa niteraka lahitokana ary i Ngafara kosa niteraka fito mianadahy. Nanan-karem-be i Ngamatoa : ny omby, ny ondry, ny osy feno ny vala ary vary feno ny sopitra. I Ngafara kosa mahantra tsy manana na inona na inona.

Ny tsy fananana mahazaka maniraka dia nalefan-drainy hiandry ny ombin-jokiny ity zanany lahikely. Dia miandry ombin'ny rahalahin'ny dadany tany ilay zaza. Kanjo kapohin'i dadatoany sy ampijaliany ilay zaza dia velon-taraina tany amin'ny dadany.

- Izaho anie dada ka ampijalian'i dadatoa sady darohany rehefa miandry omby eny aminy eny e!

- Dia izao no navalin-drainy azy: "mananatra anao izy fa mety maditra izay ianao anaka sady tsy hamono anao izany, koa izy".

Nony tonga ny ampitso dia lasa miandry omby ihany ilay zaza dia latsalatsain'i dadatoany sy ampijaliany dia mitomany mandeha mody.

- Izaho dada tsy hiandry omby any intsony fa tsy zakako ny ataon'ny rahalahinao ahy ka.

- Tsy maninona izany, anaka, fa maditra angamba ianao matoa kapohiny.

Dia lasa miandry omby any ihany ilay zaza dia tezitezeran'ilay dadatoany ka mitaraina amin'ny dadany izy sady mitomany fa hoe tsy hoany intsony.

- An...an...an...mandehana ihany na dia mampijaly aza fa isika anie mahantra e, hoy ny dadany.

- Handeha ihany ary aho hoy ny zanany.

Rehefa mandinika foana ilay tenin-janany i Ngafara dia te hamantatra na ny zanany tokoa no maditra na ilay zokiny no masiaka. Dia mody nindrana omby tany amin'ny zokiny izy. Dia izao no notenenin'ny zokiny :

- Maninona raha mba mitady fa angaha aty misy alaim-potsiny.

Nalahelo mafy i Ngafara ka lasa nody.

- Fa inona ity mampanjombona anao hoy ny vadiny.

- Tsy tiako ny vava nataon'Ingahimatoa tamiko. Marina ny lazain'ny zanatsika fa masiaka tokoa Ingahy iny. Tsy alefako any intsony ny fa aleo mipetraka eto amin'tsy fananantsika eto ihany.

Mafy tamin'Ingafara ny nataon-jokiny azy ka nalahelo be izy. Ontsa éry ny fony mahita ireo zanany maro tsy misy hanin-kohanina. Ny farany izy niteny tamin'ny vadiny fa andeha hitady harena.

- Andeha aho ramatoa ka rehefa maty any dia maty, velona aho dia velona fa tsy zaka intsony ity fahantrana ity.

Dia nandeha tany izy am-bolana maromaro fa mbola tsy nahita vola na ariary aza. Niverina nody tamin-kalahelo izy ka ny fara heriny sisa dia nitalaho teny fasan-drainy aman-dreniny.

- Izaho ry kaky sy neny ampijalin'Ingamatoa amin'ny tsy fananako. Efa niezaka nitady nefa tsy nahita ka raha mitahy ianareo, dia mba jereo ity zanakareo mahantra ity .

Dia nitalaho sy nitomany teo amin'ny fasana teo izy. Ny vady aman-janany no naka azy teny vao nitsangana niala teo izy.

Nony alina ny andro dia nanofy Ingafara ka niresaka tamin'ireo ray aman-dreniny. Ary natondron'ireo ray aman-dreniny izany, toerana lozo-bato iray be vola sy volamena ary volafotsy izany, izy. Nafaran'izy ireo tsara Ingafara amin'ny zavatra tsy maintsy ataony hankana ireo harem-be ireo. Vao mangiran-dratsy ny andro dia lasa tokoa Ingafara namonjy ilay toerana nalainy nofy. Dia notadidiny tsara ny tenin'ireo ray aman-dreniny ka nahazo vola sy volamena ary volafotsy be dia be tokoa izy ka lasa nody. Ela ny ela ka tonga tany an-tanàna izy.

- Fa taiza ianao hoy ny vadiny?

- Naka ireto harem-be ireto ahy hoy izy.

Taitra ny vadiny ka avy hatrany dia nanontany : "Taiza no nakanao an'ireo? Nangalatra ?"

- An.....an....., fadin-drazantsika ny mangalatra . Jereo anie raha misy olona manaraka izany, aho e.

-Fotoana fohy taorin'izay dia nividy omby maro, tanimbary midadasika izy ireo ary tsy ela dia nanan-karem be. Vao nahita izany, Ingamatoa dia nanontany an'Ingafara.

- Taiza ianao ry Ingafara no nahazo izao harem-be izao?

- Ra ny toetra ratsy nataonao ahoy dia mbola sahoay manotany ahoy iany enao? Za tsy mba ory hava-manana na hanao tsinontsinon-kavana mahoantra ka ra izay

nahoazoako an'ireo no tianao hofantatra dia izao : misy lozo-bato zay ary eeee, tany nakako ireo harena rehetra ireo.

Vao nandre izany, Ingamatoa, may ny handeha haka koa. Dia nafaran'Ingafara tsara amin'ny zavatra tsy maintsy atao. Rehefa tonga ao hoy izy Ingafara dia izao ny ataonao : “tonga eto izaho ry kaky sy neny noho ny fahantrana ka mba mangataka vola, mangataka harena”. Dia lasa izy izany, ka tonga tany amin'ny ilay lozo-bato. Tsy mila mangataka sy mitalaho izany, fa harem-be efa raofim-potsiny ny ao ka ilàna izay izao sy izao eo. Avy hatrany Ingamatoa dia niditra fa tsy nanao ilay teny. Vantany vô tafatsofoka, inao fa nikorotsyka aby ny vato mitataho. Nandrasana indray andro, tsy niverina Ingamatoa. Nandrasana ndroa andro, mbola tsy tonga iany Ingamatoa. Nandrasana telo andro, tsy niverina iany.

- Maity any ngamba Ingamatoa fa ndia hojereko hoy izy Ingafara.

Dia nanaraka tany Ingafara ka taitra izy nahita ireto vato nikodia tao an-dozo-bato. Dia niantsoantso teo anolônan'ny valavaka izy oe : “tonga eto za ry kaky sy neny tsy hangataka vola tsy hangataka harena intsony fa haka an'i zokilahy”. Dia nisokatra ny lozo-bato ka dia io Ingamatoa maty nitsitra tao ka nentiny nody.

- Ity ny vadinao fa maty tany an-dozo-bato hoy Ingafara tamin'ny vadin'Ingamatoa.

- Fa inona no nahafaty azy?

- Nolazaiko azy aby ny nahazoako ireo fananako ireo hoy Ngafara ka nony fitiavany harena diso tafahoatra dia nandeha tany koa izy ka izay no nahafaty azy.

Izany, hono no tsy mba nanaovana ratsy amin-kavana.

Angano angano, arira arira. Izaho mpitantara, ianareo mpihaino..

ANGANO 20: MPANOMPO LASA

MPANJAKA

Fahiny hono a, nisy zanaka mpanjaka naniry ny hanambady kanefa tsy tia ny tovovavy eny amin'ny manodidina. Dia izany, tovovavy zanak'andrana tany amin'ny faritra lavitra azy izany, no tiany halaina vady nefa manahy izy fa tsy ho azony mihitsy ilay tovovavy. Mpanjaka moa ny rain'ilay tovolahy ka manana mpanompo maro izy ireo. Dia naniraka ny iray tamin'ireo mpanompo ilay tovolahy hangataka vady ho azy. Nandà mafy ilay mpanompo:

- Tsy ho any izaho hoy izy fa izay ve mpanompo kely ity dia hanaiky ahy eo izy. Hiverim-potsiny any aho.

- Zanaka mpanjaka anie aho no maniraka anao, tsy maintsy mandeha ianao.

- Ataoko ahoana moa izany, fa tenin'ny mpanjaka ka tsy maintsy handeha aho izany.

Dia lasa nandeha ihany ilay mpanompo. Rehefa nandeha,...nandeha....tafiditra anaty ala mikitroka izy ka natahotra mafy ny biby ao an'ala. Farany nahita hevitra izy fa hanao fati-drà amin'izay biby mifanena aminy. Vao nahita lambo nirifatra mafy izy dia niantsoantso mafy hoe : « ô ralambo ô ! aza andosirana aho fa tsy haninona anao akory, te hinamana aminao aho fa mangina irery aty anaty ala aty ka mba andraso aho fa aza hilaozana ». Dia nanantona azy tokoa ny lambo ka rehefa nifampiresaka teo dia tonga mpinamana izy ireo. Misy dia alehako izay manahirana ahy hoy ilay mpanompo ka manantena aho fa tsy hanary ahy ianareo, na amin'ny mora na ny sarotra.

Dia lasa nanohy ny diany ilay mpanompo avy eo ka nahita karazam-biby maro izy teny andalana. Dia niteny tamin'ireny izy hoe: “misy dia manahirana ahy izay kanefa tsy mba misy na iza na iza ho namako ka miangavy anareo, aho mba hanampy ahy amin'izany, ». Dia nanaiky koa ireo biby satria nangoraka azy.

Dia nandeha nanohy ny diany hatrany ilay mpanompo ka tonga tao amin'ilay tanàna misy ny zanak'andriana. Dia nitantara ny anton-diany tamin'ny rain'ilay tovovavy izy :

- Vahiny avy lavitra aho fa nirahin'ny zanaky ny mpanjaka hangataka ny zanakao ho vadiny ka izay no ahatongavako eto.

- Dia namaly ny rain'ilay tovovavy : tsy sakananay ianao raha haka tokatrano saingy misy telo mirahavavy izy ao ka iza amin'izy ireo no halainao ?

Nihanahana tsy nahita izay halaina ilay mpanompo ka niantso ny iray tamin'ireo biby nifanena azy teny an-dalàna ka vetivety foana ny lalitra dia tonga teo. Aza matahotra ianao fa tonga aho anampy anao ka izay ipetrahako no izy. Tsy niasala ilay mpanompo nanondro ilay tovovavy halaina vady. Nanaiky ny rain-dratovovavy fa hanome ny zanany kanefa nanahy izy fa saody dia tsy hahavelona an-janany ilay zanaka mpanjaka ka hoy izy: “ianao izany, no tompon'antoko amin'ny famelomana an-janako satria ianao no mpanompon'ny mpajaka ka izay asa ataonao no ahavelona azy ireo na tsia”. Dia nampanaovany fanadinana maromaro alohan'ny hanomezany, ny zanany. Dia nirahin'ny rain'ilay tovovavy hiasa tanimbary midadasika ilay mpanompo. Nantsoiny ny lambo dia tonga daholo nanampy azy, notrongisin'ny lambo ny tanimbary ka

vetivety dia vita. Vita tompoko ny asa hoy ilay mpanompo. Gaga ny rain-dratovovavy. Avy eo nirahiny hibata izany vato faran'izay ngeza tsy zakan'olona dimy lahy dia lasa ilay mpanompo kanjo nantsoiny daholo indray ny vitsika nanampy azy ka tongany teo an-tanàna ilay vatobe. Tsy hitan-drain'ilay tovovavy intsony izay atao satria ho vitan'ilay mpanompo daholo ireo zavatra tsy nampoiziny ho vitany dia farany nalefany nakany amin'ny zanaky ny mpanjaka ilay mpanompo niaraka tamin-janany. Ary nampitondrainy rano mahagaga roa tavoahangy mba hoentiny hitsaboana ka tavoahangy iray dia mampitohy izay tapaka ary tavoahangy iray dia mamelona ny maty.

Naharitra roa andro vao tafaverina tany amin'ny zanaky mpanjaka izy ireo. Noho ny hasarotam-piaron'ny zanaky ny mpanjaka dia nahiany ho nahodikodin'ilay mpanompo ilay vadiny. Tsy nisy fanontanina fa avy hatrany dia notapahiny ny lohan'ilay mpanompo ka maty. Nitomany ilay tovovavy nahita ilay mpanompo maty. Tonga tao an-tsainy tampoka fa misy rano mahagaga azo atao fanafody any aminy ka avy hatrany dia nalainy ilay rano dia nararany teo amin'ny tendan'ilay mpanompo. Dia nitohy indray ny teo. Nalainy indray ny rano tamin'ny tavoahangy iray dia nampandroiny ka nitsangana ilay maty. Lasa nandositra nankany amin'ny rainy ilay tovovavy ary nentiny nanaraka azy koa ilay mpanompo. Nanomboka teo dia lasa nifankatia izy roa ireo. Ary nanao vodiondry tamin'ny rain'ilay tovovavy ilay mpanompo ka nivady izy roa. Ilay mpanompo no lasa mpanjaka tao amin'io toerana nisy ilay tovovavy io. Ilay zanaka mpanjaka naniraka azy kosa dia tsy nahazo vady intsony.

Angano angano, arira arira. Izaho mpitantara, ianareo mpihaino.

ANGANO 21 : RASAROLAZAINA

Indray andro, hono, Zanahary nidina tety ambonin'ny tany nijery ny fomba fiaraha-miain'ireo zavatra rehetra nataony. Rehefa avy nandinika ny zava-nisy tety ambonin'ny tany izy dia tezitra, nahita ny toetra ratsin'ny olombelona fa izao karazana ditra sy hadalàna rehetra izao nataony aby. Mihevi-tena ho marani-tsaina sy fetsy loatra mantsy ny olombelona ka hatramin'i Zanahary aby aza dia fitahiny.

Nony afaka andro vitsivitsy dia niverina tany an- danitra i Zanahary ary niresaka tamin'ny vahoaka tany an-danitra fa manahirana hono ny mifehy ny zanak'olombelona.

Dia hoy ny iray tamin'iireo mponin'ny lanitra vory teo izay antsoina hoe Rasarolazaina.

- "Alefaso any ambonin'ny tany aho tompoko hifehezako izany olombelona maditra izany.

- Sarotra anie hoy Zanahary ny mifehy sy mitondra ny olombelona e!

- Tsy maninona fa voafehiko izany, hoy i Rasarolazaina.

Dia nalefan'i Zanahary hidina tety ambonin'ny tany tokoa izy ka tamin'ny andro nidinany tety dia nihorohoro ny tany aman-danitra satria varatra nirefodrefotra no nanatitra azy tety. Tsy fantatr'i Rasarolazaina akory nefa izany olombelona izany, ka izay biby rehetra nifanena taminy dia nanontaniany daholo. Tamin'izay, ny kary no nifanena taminy voalohany ka vao nahita azy dia saika hirifatra handositra teny ambony hazo ka novelesiny ny tongony dia tsy afaka teo. Nanontaniany teo amin'izay ny kary hoe:

- Ianao ve no olombelona voalazan'i Zanahary fa saro-pehezina izany?

- Tsia tompoko, fa Rakary no anarako.

- Fantatr'ialahy ve anefa izany olombelona izany?

- Fantatro tsara raha Raolombelona ka, izahay aza anie niara-nipetraka taloha fa be bedibedy loatra ny olombelona dia naleonay nilefa tany an'ala e. Hoany aminy izany, ianao?

- Eny lehity fa ahoana? Hoy i Rasarolazaina.

- Ha! Fetsy anie ny olombelona e! Ao aminy ao misy vorona tsara fihinana izay, ka vao maka an'izay ianao dia anaovany vela-pandrika dia izay no fara andronao.

- Ialahy izany, fa tsy mba izaho hoy i Rasarolazaina.

- Ndao ary atoroko anao ny lalana mankany an-tananany raha maika te hahita azy ireo ianao e!

Dia lasa tokoa i Rasarolazaina nihazakazaka nankany. Nony nandeha lavidavitra kely izy dia nahatazana lambo.

- Ô, ry Ingahy! Andraso kely aho e, hoy i Rasarolazaina.

Natahotra Ralambo ka nirifatra nandositra kanefa tsy lasa lavitra akory dia tratra. Tezitra tamin'izay i Rasarolazaina ka saika hovooiny mihitsy ny lambo. Avy eo nanontaniany raha izy no olombelona. Namaly ny Ralambo fa tsy olombelona izy fa lambo no karazana. Fantany tsara nefa ny olombelona tadiavin'i Rasarolazaina io.

- Aiza ho aiza ety no misy ny olombelona raha tsy izy ialahy? Hoy i Rasarolazaina.

-Ary ambadika ary no misy azy fa ahoana? Tandremo fa fetsy anie ny olombelona e!

Narahan'i Rasarolazaina ny lalana natoron-dRalambo ka nahoatazana olona tokoa izy ary nanontaniany.

- Ialahy ve no olombelona?

- Fa ahoana tompoko, hoy ilay Rangahy.

- Izaho no nirahin'i Zanahary hifehy ny olombelona rehetra. Malaza ho maditra sy fetsy ratsy ka aleo anaovako azy.

- Aza miteny an'izany, ianao tompoko fa raha henon'izy ireo izany, dia hitsoaka handositra ireo ka tsy hahita olona eo ianao na anankiray aza. Izaho mantsy tsy olombelona fa tanindrana kanefa fantratro tsara ny olombelona tadiavinao. Raha ianao no mpanjakany dia andao ary ampahalalako azy ireo ianao ka ndao hiaraka amiko.

Dia niaraka tamin'ilay Rangahy Rasarolazaina ary tsy nahoalala azy ho olombelona izy fa tanindrana no ahafantarany azy. Nanao hafetsena nefa ilay Rangahy ka nony akaikikaikin'ny tanàna dia nasainy niandry teo anaty hazo i Rasarolazaina sady nolazaina hoe : andeha hiantso ireo olombelona tadiavinao aho ka rehefa akaiky izy ireo izay ianao vao mivoaka tao amin'izay mora foana ny handraisanao azy na maditra na mitady handositra anao izy ireo.

- Eny àry fa miandry an'ialahy eto aho hoy Rasarolazaina. Tandremo nefa mamitaka ahy ialahy.

- Aza manahy ianao tompoko hoy ilay Rangahy.

Kanjo lasa nilaza ny mpiray tanàna taminy izy hoe misy biby ngeza be nirahoin'i Zanahary hifehy antsika arÿ anaty hazo arÿ ka raha io no miakatra ny tanàna dia aripany ho faty eto isika mianakavy. Nofitahiko izy ka miandry ao anaty hazo ao ka andao daholo na lahy na vavy hamono azy izao dia izao ary mitondrà fitaovam-piadinana daholo. Dia tratran'ny olona tao i Rasarolazaina ary notaperiny ny ainy. Diaeeee ny avelon'i Rasarolazaina sisa no niakatra tany amin'i Zanahary nitantara ny nanjò azy tety ambonin'ny tany nataon'ny olombelona.

Nanomboka tamin'izay dia ny olombelona samy olombelona ihany no nasian'i Zanahary hifampifehy.

Angano angano, arira arira. Izaho mpitantara, ianareo mpihaino..

ANGANO 22 : ILAY MPIVADY TSY MIADY

Nisy hono, zanak'olona mpiray tanàna, niara-nilalao ary mbola tsy niady mihitsy. Ka rehefa lehibe izy ireo dia nifanaiky ny ray aman-dreny roa tonta fa akambana ny

ankizy. Rehefa nivady izy roa dia tsy niteraka sady sahirana ara-pivelomana ka rera-dava mikaroka ny hani-ko hanina.

Ny fitiavana moa no be fa ny hoenti-mivelona tsy misy.

Nisy Ingahibe mpanan-karena izay mpiray vohitra tamin'izy roa ka nantoniny mba hindramam-bola.

- Mba ampindramo vola kely re tompoko, hoy izy izy mivady.

- ohatrinona ny vola ilainareo? Hoy izy Ingahibe.

- Izay mba homenao re tompoko, hoy izy izy mivady nitalaho.

- Raha ny fahitako anareo, hoy izy Ingahibe, dia toa tsy hahaverina ny volako kanefa homeko ihany noho ianareo, tsy mba miadiady. Ariary zato no homeko anareo, ka voaverinareo moa, arahaba soa arahaba tsara. Tsy voaverinareo, moa dia efa nafaiko hoanareo, rahateo.

Dia nisaotsaotra èry izy mivady teo ary ilay vola nafatony mafy an-tsikinana mba tsy ho very satria zava-tsarobidy sady vola tsy an-tena.

Nony vao naneno akoho dia nifampizara dia izy mivady hampitombo ilay ariary zato. Dia lasa nandeha Rangahoy Tsimiady ka nifanena tamin'olona nitondra soavaly ary nifampiarahaba sy nifampanontany ny" ho aiza"teo.

- Ndao hampiasa ity vola ariary zato vao avy nosamboriko ity aho hoy Ratsimiady.

Nandre izany, ilay tompon-tsoavaly dia niteny hoe:

- Omeo ahy ny ariary zatona dia ity ny soavaliko hoanao. Lasa ilay olona nitondra ilay ariary zato fa Ratsimiady kosa tavela tamin'ny soavaly teo ary lasa vinany hoe : " Raha hotagainako ity avo be, ka raha mianjera eo aho ho faty, tsy hitan'ny vadiko aty...Ho roahiko ity, nefa raha voadakany eo aho, maty... Tarihiko indray, ngeza noho izaho ka kekerin'ity ny lohako, maty eo ihany koa aho... Inona re no ataoko e?"Dia tavela teo izy ka tratry ny olona nandalo nandraoka osy teo.

Nifampiarahaba tamin'ilay mpandroaka osy Ratsimiady ary avy nitantara ny nanjò azy nindram-bola sy nahazoany ity soavaly atahorany.

- Tsy maninona hoy izy ilay mpandalo fa ireto ny osiko homeko anao fa omeo ahy ny soavaly.

- Tsy maninona hoy izy Ratsimiady.

Dia nekeny izany ilay fifanankalozana ka lasa ilay olona nitondra ny soavaly. Izy kosa nandroaka ny osy nanohy ny diany ka tonga tany aloha tany dia tojo rano lalina

nefa ireto osy tsy afaka mitsambikina ka dia tavela teo indray. Nony kelikely ity tam-y ilay Rangahy mpiandry kisoa.

Nifampiarahaba teo indray izy roa lahy ary avy nitantara ny nanjò azy Ratsimiady.

- Raha izany, àry hoy izy ny tompon-kisoa, hifanakalo isika fa mijaly loatra ianao.

Nandeha nandroaka ny kisoa nanohy ny diany indray Ratsimiady rehefa avy nifanankalo. Nony nandeha elaela dia atoandro ny andro ka nihanafana be ny andro dia tsy nety nandeha intsony ny kisoa fa natoritory eran'ny lalana. Sahiran-tsaina teo Ratsimiady ny amin'ireto kisoa. Kay moa sendra nandalo ny olona iray nisakelika akoho lahy dia nifampiarahaba teo izy roa lahy, avy eo nitantara ny nanjò azy hatrany Ratsimiady.

- Tena mampalahelo ahy ianao Rangahy hoy ilay tompon'akoho. Ndeha isika hifanakalo ka ny kisoanao ho ahy fa ity akoho lahiko ity hoanao. Vita ny takalo ka nosakelahin-dRatsimiady ny akoho. Nandeha, nandeha, nandeha, sendra tafalatsaka tamin'ny lalana mangina malaza ho be olon-dratsy nefa ny andro alina. Nitady toerana hiafenana sy hatoriana Ratsimiady ka niakatra teny ambony hazo ngeza ary nanao izay hitoerana sy hatoriana teny. Mbola tsy nazava ratsy akory nefa ny andro dia nikopakopaka ilay akoho lahy naneno.

Sssss.....mangina ialahy fa sao miantso olon-dratsy hamono ahy eo hoy Ratsimiady. Nampangininy re ity akoho fa tsy nijanona mandra-paharaina ny andro. Avy eo izy nidina moramora nanohy ny lalany hody no nahatazana olona nanapaka tahomangahazo. Nanantona izy ary nitantara ny nanjò azy hatrizay. Raha nahare izany, ilay mpanapaka tahomangahazo dia lasa eritreritra hoe : "adala ve ity olona ity? Izany, rehetra izany, no natakalony ka niafara tamin'ity akoholahy.

- Raha izany, àry dia ndao hatakaloko tahomangahazo ny akohonao fa io tsy maneno hoy ilay manapaka tahomangahazo.

- Tsy maninona hoy Ratsimiady.

Dia hifanakalo indray. Ity tahomangahazo ity ngamba no anjarako hoy izy Ratsimiady fa andeha amin'izay aho hoany amin'ny vadiko.

Iny izy nisefasefa nivesatra tahomangahazo iny no nifanena tamin'Ingahitrema handeha hivarotra omby. Nifampiarahaba sy nifanontany vaovao teo ry zareo ka notantarain-dRatsimiady teo daholo ny zavatra niainany nanomboka tamin'ny fisamboram-bola ka hatrimin'ny takalo niafara tamin'ny tahomangahazo.

Dia hoy Ngahitrema :

- Ô Rangahy ? Dia tsy raikitra ady amin'izany ve ny vadinao?

- Tsy mba miady izany, izahay tompoko no navaliny.

Dia nifanditra teo izy roa lahy amin'ny hoe hiady sy tsy hiady ka farany nifanamby.

- An....an...ra miady ianareo, inona no hifanekena?

- Raha miady izahay dia ho mpiandry ombinao sy andevonao hoy Ratsimiady. Kanefa ra tsy miady kosa zahoay dia inona no hifanekentisika?

- Raha tsy miady ianareo, izy Ngahitrema dia omeko anareo, ireto ombiko ireto.

Nantsoina ny zokiolona tao an-tanana ho vavolombelon'iity fanamby hafahava. Vao nandre izany, ny fokonolona tao an-tanàna dia nirohitra nankany amin-dRatsimiady nijery ny zava- nisy. Vao nahatazana an-dRatsimiady niaraka ny olona marobe ny vadiny dia hipo-kafaliana ka sady nandihy no nihoraka."Tonga ny vadiko, tonga ny vadiko re raolona!"

- Nanakory ianao tany hoy izy ny vadiny tamin-dRatsimiady.

- Tsy nanahy izahy tany hoy Ratsimiady. Dia nitantara ny nampiasany ny vola tamin'ny vadiny izy.

- Tsy niraika akory ramatoa fa nobatainy ny tahomangahazo dia namboleny. Rehefa niverina avy any izy dia nanantona am-badiny ary nanala ny volofotsiny.

Nahita izany, Ingahitrema sy ny vavolombelona fa tsy niady tokoa izy mivady. Dia lasan-dRatsimiady mivady daholo ireo omby nifanekena ary tonga mpanan-karena izy roa, satria tsy tia adiady fa tena nifankatia.

Angano angano, arira arira.

TOVANA

IREO OLONA MPITANTARA ANGANO VOANGONA TANY AN-TOERANA

Nahitana sokajin-taona maro ny olona mpitantara angano tany an-toerana. Anisan'ny olona nitantara angano taminay tany ny an-toerana ireto tanisaina manaraka ireto:

- Andriamatoa RABENATOANDRO Andriamitantsoa (antsoina amin'ny anarana hoe Ingahy Ratoandro) tokony ho fito ambiny fitopolo taona (77taona) eo ho eo, monina ao amin'ny fokontany fiadanana. Ary mpamboly sy mpiompy no asany.
- Ramatoa RASOAZANANY Mariette (antsoina amin'ny anarana hoe: Bebe Maria) tokony ho sivy ambiny enimpolo taona (69 taona) monina ao amin'ny fokontany Fiadanana. Mpamboly sy mpiompy no asany.
- Ramatoa RAHARIMAMONJY JULIETTE: renim-pianankaviana tokony ho roa ambiny dimampolo taona, nahavita ny kilasy fahasivy ary monina ao amin'ny fokontany Fiadanana. Mpamboly ny asany.
- Ramatoa RAHANTANIRINA Rébecca (antsoina amin'ny anarana hoe “Toto Rébecca”, roa ambiny efapolo taona (42taona), nahavita ny kilasy fahasivy izy. Monina ao amin'ny fokontany Fiadanana, ary mpanao asatanana no asany.
- Ramatoa RAZAIHARINORO Clarisse dimy ambiny telopolo taona (35taona), nahavita ny kilasy fahaefatra, monina ao amin'ny fokontany Ambohimena atsimo. Mpiasa an-trano no asany.
- Ramatoa RASOAMANANTENA Vololona, monina ao amin'ny fokontany Fiadanana, mpivarotra no asany.
- Andriamatoa RAVELOMANANTSOA Victor (antsoina hoe Ramose Victor), monina ao amin'ny fokontany Fiadanana. Mpampianatra ny taranja tantara sy jeografia no asany.
- RABENANDRASANA Ferdinah, telo ambiny roapolo taona (23 taona), manana ny mari-pahaizana *baccalaureat*, monina ao amin'ny fokontany Fiadanana ary mpamboly sy mpiompy no asany.
- TOLOJANAHARY Heriniaina dimy ambiny folo taona(15 taona), kilasy fahasivy, monina ao amin'ny fokontany Fiadanana. Mbola mianatra izy.
- MIANDRISOA Claudia telo ambiny folo taona (13 taona), mbola mpianatra.

FILAZANA NY MOMBAN' NY TOERANA FOHIFOHY

Ny fokontany Fiadanana ao amin'ny koaminina Antsirabe I no toerana nanangonana ny akora. Toy izao raha lazaina fohy ny mombamomba azy. Ny fokontany Fiadanana dia dimy kilaometatra (5 km) mianatsimo miankandrefana miala eo amin'ny kaominina renivohitra Antsirabe. Misy velaran-tany dimy kilaometatra tora-droa (5 Km²) ary misy mponina miisa valo ambiny enim-polo sy fiton-jato sy roa arivo (2768) araka ny antontan'isa²⁹ nomen'ny filohan'ny fokontany. Mpamboly sy mpiompy ny antom-piveloman'ny ankamaroan'ny mponina. Izany hoe ny tantsaha no maro an'isa ao amin'io fokontany io.

²⁹ Firaiketana an-tsoratra ny isan'ny mponina ao amin'ny fokontany Fiadanana tamin'ny taona 2015.

FIZAHAN-TAKILA

<i>TENY FISAORANA</i>	1
<i>VANGOVANGO</i>	3
<i>FINTINA</i>	4
<i>RESUME</i>	5
<i>ABSTRACT</i>	6
<i>LISITRY NY FAFANA</i>	7
<i>LISITRY NY FANAFOHEZAN-TENY</i>	8
<i>LISITRY NY KISARY</i>	9
<i>TENY FAMPIDIRANA</i>	10
0.1. Anton'ny safidy	10
0.1.1. <i>Eo amin'ny sehatra</i>	10
0.1.2. <i>Eo amin'ny toerana nanaovana fanangonana</i>	11
0.1.3. <i>Eo amin'ny lohateny</i>	11
0.2. Petraka olana	11
0.3. Petra- kevitra	12
0.4. Tanjon'ny asa fikarohana	12
0.5. Ny mpialoha lalana	13
0.6. Ny fomba fiasa	14
0.7. Ny haitsikera	14
0.8. Fetran'ny asa fikarohana	15
0.9. Fanolorana ny drafitra	15
<i>FIZARANA VOALOHANY NY ENDRIKY NY SERASERA ANKAPOBENY EO</i> <i>AMIN' NY ANGANO FANANARANA ANKEHITRINY</i>	17
1.1. Ny sehatra fampiasa amin'ny angano	18
1.1.1. <i>Ny sehatra fanatontosana ny angano na "ny sehatra ivelany"</i>	18
1.1.1.1. <i>Sehatra fanatontosana taloha</i>	19
1.1.1.2. <i>Sehatra fanatontosana ankehitriny</i>	20
1.1.2. <i>Sehatra lalaovina ao anatin'ny angano na "sehatra anatin'ny"</i>	23
1.1.2.1. <i>Sehatra eny an-tsaha</i>	24
1.1.2.2. <i>Sehatra eny an-tanana</i>	24

1.2. Ny fotoana	25
1.2.1. Ny fotoana itantarana angano	25
1.2.1.1. Ny fanaon'ny teo aloha	25
1.2.1.2. Ny fanaon'ny olona any an-toerana	26
1.2.2- Ny fotoana fampiasa ao anaty angano	27
1.2.2.1. Ny filazam-potoana lasa	27
1.2.2.2. Ny fotoana tsy voafaritra mazava	27
1.3. Ireo mpiantsehatra sy mpandray anjara	28
1.3.1- Ny mpiantsehatra any an-toerana	29
1.3.1.1. Ny sokajin'ny mpiantsehatra voalohany	30
1.3.1.2. Ny sokajin'ny mpiantsehatra faharoa	31
1.3.2- Ny mpandray anjara ao amin'ny angano	32
1.3.2.1- Ny mpandray anjara fototra	33
1.3.2.2. Ny mpandray anjara mpanampy	33
1.3.2.3. Ny mpandray anjara ravaka	34
FEHIN'NY FIZARANA VOALOHANY	35
FIZARANA FAHAROA IREO KARAZAN-KAFATRA MIVOY FANABEAZANA	
AO AMIN'NY ANGANO	36
2.1. Hafatra momba ny fitondran-tena	37
2.1.1. Eo amin'ny ankohonana	40
2.1.1.1. Fitondran-tena ratsy	40
2.1.1.2. Fitondran-tena mendrika	42
2.1.2. Eo amin'ny fiarahamonina	43
2.1.2.1. Fanambakana ny mpiara-belona	43
2.1.2.2. Fitiavan-tenan'ny tsirairay	44
2.2. Hafatra momba ny fady	45
2.2.1. Lafy tsaran'ny fanajana ny fady	46
2.2.1.1. Mampahomby ny zavatra atao	46
2.2.1.2. Misoroka ny loza mety hitranga	47
2.2.2. Lafy ratsin'ny tsy fanajana ny fady	48
2.2.2.1. Mampitondra takaitra	48
2.2.2.2. Mahafaty	48
2.3. Hafatra miresaka ny fivadihadiham-piainana	49
2.3.1. Eo amin'ny toe-karena	51

2.3.1.1. Sarangam-piainan'olona mijotso	51
2.3.1.2. Sarangam-piainan'olona manonga	51
2.3.2. Eo amin'ny sarangam-pahefana.....	52
2.3.2.1. Fisondrotam-boninahitra	52
2.3.2.2. Fahaverezan-kasina	53
FEHIN'NY FIZARANA FAHAROA	55
FIZARANA FAHATELO IREO PAIKA MAMPAHOMBY NY FAMPITAN- KAFATRA AO AMIN'NY ANGANO	56
3.1- Ny fampiasana ny teny	57
3.1.1- Ireo teny enti- mandresy lahatra	58
3.1.1.1. Ny teny manana anjara asa maneho hevitra	59
3.1.1.2. Ny teny manana anjara asa mandresy lahatra	60
3.1.2 Ireo teny entina ilazana ny tranga tantaraina	61
3.1.2.1. Ny teny entina manoritsoritra	61
3.1.2.2. Ny teny entina manazava ny hafatra	62
3.1.2.3. Ny teny entina mampahalala “référentielle”	63
3.1.3. Ny teny anehoana ny kanto ao amin'ny angano	64
3.1.3.1. “Anaphore”	64
3.1.3.2. “Epiphore”	66
3.1.3.3. “Anadiplose”	67
3.2. Ny fifehezana ny famoronana	68
3.2.1. Eo amin'ny famoronana lohateny.....	68
3.2.1.1. Ny lohateny miainga amin'ny mpandray anjara	69
3.2.1.2. Ny lohateny miainga amin'ny toe-javatra mamarana.....	69
3.2.2. Eo amin'ny fandrafetana ny votoatiny	70
3.2.2.1. Votoatin'ny angano mifototra amin'ny mpandray anjara	71
3.2.2.2. Votoatin'ny angano miainga amin'ny fiakaran'ny toe-javatra.....	71
3.3. Ny fampiasana fihetsika sy fomba hanehoana ny hafatra	72
3.3.1. Ny toetra tokony ananan'ny mpiantsehatra	73
3.3.1.1. Ny toetra ananan'ny mpitantara	73
3.3.1.2. Ny toetra ananan'ny mpihaino	74
3.3.2. Ny hetsiky ny mpandray anjara ao amin'ny angano	75
3.3.2.1. Fihetsika eo amin'ny tranga tantaraina	75
3.3.2.2. Fihetsika eo amin'ny fanehoana ny hafatra	75

FEHIN'NY FIZARANA FAHATELO	76
TENY FAMARANANA	77
<i>LOHARANO NANOVOZAN-KEVITRA</i>	81
<i>VONDRONA AMBARA</i>	84
FANOLORANA NY AKORA	85
TOVANA.....	120
MOMBA NY BOKY	

MOMBA NY BOKY

Lohateny: «*Ny fampitan-kafatra ombam-panabeazana ao amin'ny angano nangonina tao amin'ny fokontany Fiadanana Antsirabe I*»

Mpikaroka: RAFARASOA Célestine

Adiresy : Lot IIF74AHABis Andraisoro

Finday: 0330702719 / 0342558381

Mailaka: rafarasoalucie@yahoo.com

Isan'ny takila: 128



Eo amin'ny sehatry ny literatiora no misy ity asa fikarohana ity. Ny sokajin'ny lahabolana am-bava no nanatanterahana ny fandinihana. Ny angano nangonina tao amin'ny fokontany Antsirabe no akora fototra niaingana tamin'ny asa. Nampitondraina ny lohateny hoe: “*Ny fampitan-kafatra ombam-panabeazana ao amin'ny angano nangonina tao amin'ny fokontany Fiadanana Antsirabe I*” ity fikarohana ity. Tanjona tamin'izao asa izao ny hampahafantatra ny fomba fisehon'ny angano ankehitriny araka ny hita ao amin'ny fiarahamonina any an-toerana. Naraisina ho arofanina tamin'ny fanatanterahana ny asa ny haitsikera mifototra amin'ny am-bava nosoratan'i ZUMTHOR P. (1983) *Introduction à la poésie orale*. Eo koa ny haitsikera miompana amin'ny famoronana nataon'i CHELEBOURG C., (2000). *L'imaginaire littéraire* Mizara telo lehibe ny asa ka ao amin'ny fizarana voalohany, hampahafantarana ny endrika isehoan' ny serasera ankapobeny eo amin' ny angano fananarana ankehitriny. Manaraka izany, ny fampahafantarana ireo karazan-kafatra mivoy fanabeazana ao amin'ny angano. Ao amin'ny fizarana fahatelo, anehoana ireo paika mampahomby ny fampitan-kafatra ao amin'ny angano

Teny toro: lahabolana am-bava, angano, hafatra, tamberina.

Mpitarika: RAZANAMANANA Marie Jeanne, Profesora

RATSIMBAZAFY MINOSON Laingo Ny Hasina, Maître de conférences